

**UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEUR
C.E.R. LETTRES MAGACHES**

*Mémoire pour l'obtention du Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale
(C.A.P.E.N.)*

Présenté par RAZAFINDRADOMA Minoarisoa Lalatiana

**NY LITERATIORA MALAGASY TEO
ANELANELAN'NY TAONA
1991-1995**

Boky faharoa

**Directeur de recherche :
Monsieur ANDRIAMANANTSILAVO Seth
Maître de Conférences**

Date de Soutenance : 28 Juin 2008

ANTANANARIVO 2008

TENY FISAORANA

Maro ny olana no setraina nandritra ny fanatontosana ity asa fikarohana ity. Nefa tsy misy mafy tsy laitrana ny zoto.

Eny misaotra an'Andriamanitra Andriananahary izahay, satria tsy ho tontosa izao raha tsy nankinina taminy.

Tolorana fisaorana Andriamatoa Filoha, nanaiky ho Filoha hitarika ny fanohanana ity asa fikarohana ity. Na teo aza ny adidy aman'andraikitra iantsorohanao, dia nampidirinao tao anaty fandaharam-potoananao ny famakiana ny asanay, indrindra fa izao fitarihana ny fotoam-panohanana ampahibemaso ny asanay izao. Fitiavana lehibe izany, ka sitraka sy telinay, ary isaoranay anao !

Misaotra an'Andriamatoa mpitsara ihany koa, nanaiky hitsara ny asanay. Nandany fotoana ianao tamin'ny famakiana ny asanay sy nijery izay tsy mety rehetra tao anatiny. Tsy izany ihany, mbola manaiky hitsara izao fanohanana ampahibemaso ny asanay izao ianao. Andriamanitra anie homba sy hitahy anao!

Mankasitraka an'Andriamatoa ANDRIAMANANTSILAVO Seth, mpampianatra ato amin'ny Sampana Teny Malagasy ato amin'ny Ecole Normale Supérieure. Tsy nataonao zanak'Ikala hafa izahay, fa noraisinao toy ny zanaka. Tamim-pahatsorana sy an-tsitra-po no nanekenao nitarika izao asa fikarohana izao. Tsy nisorona ihany koa ianao tamin'ny fananarana sy fanitsiana ny tsy mety tamin'ny asanay. Nanana fotoana hatrany ianao hifanankalozan-kevitra taminay, raha nilaina izany, na teo aza ny adidy maro sahaninao. *“Izay manoro lalana, mantsy, mamindra aina”*, araka ny filazan'ny Ntaolo.

Hisondro-boninahitra anie ianao, eo amin'izay andraikitra sy toerana misy anao !

Fisaorana sy fankatelemana no atolotray ireo mpanabe rehetra, izay namolavola anay nandritra ny fotoam-piofanana teto amin'ny sekoly. *“Izay mahakolokolo, tokoa, no manana ny soa”*. Nandray anjara betsaka tamin'ny fahatongavanay tamin'izao toerana izao ianareo. *“Mamy ihany ny tantely, fa misy faikany ; mamy ihany ny sira, fa mitarehim-bato ; mamy ihany ny fary, fa toa hazo ; fa ny soa nataonareo tsy mba hatao sitrak'andro anaovana, toa tongotr'omby mihosy, fa hatao sitraka enti-matory, ka valiana raha mahatsiaro”*.

Ho ela velona sy hifanantitra amin-jafy anie ianareo !

Eo ihany koa ireo izay nanampy tamin'ny fanatontosana ny fikarohana rehetra. Anisan'izany ny tomponandraikitra rehetra tao amin'ny Tranom-bokim-pirenena, ny

Akademiam-pirenena, Tranom-bokin'ny Oniversite, ary ny Lehiben'ny Sampana Teny Malagasy. Tamim-pitiavana no nanampianareo anay, misaotra sy mankasitra anareo.

Andriamanitry ny fiadanana anie hamaly soa anareo !

Tsy hadinonay ny misaotra ny tomponandraikitra tao amin'ny HAVATSA-UPEM, sy ny tao amin'ny Faribolana Sandratra. Tsy atao ambanin-javatra ihany koa ireo mpanoratra, izay nanomeny tamim-pahatsorana ny asa sorany. Ny sasany nanaiky noelingelenina tamin-javatra maro. Ny sasany dia toy ny ray aman-dreny mihitsy. Tsy hadinonay ireny rehetra ireny, ary tsy hataonay toy ny rano raraka an-tany.

Mankasitraka tompoko! Andriamanitra hampitombo ny fanomezam-pahasoavany ho anareo!

Isaoranay etoana koa ireo ray aman-dreny, izay “ *angady nananana sy vy nahitana*” tamin'ny fanohanana ny fianarana. Tsy nahalala tsy nisy ianareo tamin'ny famatsiana anay, na ara-mpitaovana izany, na ara- môraly, mba hahatafita anay. Lova sarobidy izao nomenareo anay izao. Misaotra ny ao ambony izahay nomeny ray aman-dreny toa anareo.

Ho lava andro iainana anie ianareo, ho mamy hoditra amin'izay toerana misy anareo !

Misaotra ny vadiko ihany koa aho tamin'ny fanohanany ahy hatramin'ny farany, na mora na sarotra ny lalana nodiavina sy ny olana noetraina.

Farany ,nefa tsy kely indrindra, dia ianareo tapaka sy namana, mpiara-mianatra, izay nanome tanana sy nifarimbona tamin'ny fanatanterahana ity asa fikarohana ity. Tolorana fisaorana ianareo!

Hikapa hahita ny tonony sy handidy hahita ny vaniny anie isika rehetra, ary ho tojo izay iriny daholo !

Misaotra tompoko !

RAZAFINDRADOMA Minoarisoa Lalatiana

FANAFOHIZAN-TENY

and : andininy

col : collection

éd : édition

lah : laharana

lib : librairie

p. : page / pejy

tak. : takila

FIZAHAN-TAKILA

TENY FISAORANA.....	i-ii
FANAFOHIZAN-TENY.....	iii
TENY FAMPIDIRANA.....	1
0-1- Ny anton'ny safidy:	1
0-2- Ny zava-kendrena:	1
0-3- Ny fomba nanatanterahana ny asa:	2
0-4- Ny olana sy ny vahaolana noraisina tamin'ny fanatontosana ny asa :	3
0-5- Ny Haitsikera nampiasaina:	4
0-6- Ny fetran'ny asa :.....	5
0-7- Ny drafitra nitondrana ny asa:	6
I- NY ZAVA-NISY ARA-TANTARA	7
1-1-Tsiahy fohy momba ny zava-nisy talohan'ny taona 1991-1995.....	7
1-1-1-Ny zava-nisy tany ivelany	7
1-1-1-1-Tany Rosia	7
1-1-1-2-Tany Eorôpa.....	7
1-1-1-3- Tany Etazonia	8
1-1-1-4-Tatsy Afirika	9
1-1-1-5- Ny zava-nisy teto Madagasikara	9
1-2- Ny zava-nisy teto Madagasikara nandritra ny taona 1991-1995	12
1-2-1- Teo amin'ny lafiny pôlitika.....	12
1-2-1-1- Ny olana nianjady teto amin'ny firenena	12
1-2-1-2-Ny fomba nentina namahana ny olana.....	13
1-2-1-3- Ny rafitra vaovao najoro	15
1-2-2-Teo amin'ny lafiny toe-karena	17
1-2-2-1- Ny fintraikan'ny zava-nisy pôlitika teo amin'ny sehatry ny toe-karena.....	17
1-2-2-2- Ny vokatry ny loza voajanahary teo amin'ny toe-karena	18
1-2-3-Teo amin'ny lafiny sôsialy	19
1-2-3-1-Ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny	19
1-2-3-2- Ny sehatry ny fandriampahalemana.....	21
1-2-3-3-Ny fanabeazana sy ny kolontsaina	22
II- NY FIANTRAIKAN'NY ZAVA-NISY TEO AMIN'NY LITERATORA AN-	
TSORATRA MALAGASY TAMIN'IO FE-POTOANA IO	Erreur ! Signet non défini.
2-1- Ireo andry nampijoro ny literatoria:.....	27
2-1-1-Ireo hetsika samihafa teo amin'ny sehatry ny literatoria	27
2-1-2-Ireo gazety sy boky namoahana ny asa soratry ny mpanoratra.....	28
2-1-2-1-Ireo gazety.....	28
2-1-2-2-Ny boky.....	29

2-1-3-Ireo fikambanana mpanoratra.....	29
2-1-3-1-Ny “UPEM” na “HAVATSA-UPEM” taty aoriana	29
2-1-3-2-Ny fikambanana Faribolana Sandratra.....	34
2-1-3-3-Ny fikambanana mpanoratra “Fivoy”	37
2-1-4-Ny mpanoratra.....	37
2-2-Ny lohahevitra na/sy tara-kevitra niompanan’ny asa soratra	39
2-2-1-Ny fitiavana sy ny endrika isehoany eo amin’ny sehatra samihafa:	39
2-2-1-1-Ny fitiavana an’Andriamanitra	39
2-2-1-2-Ny fitiavana eo anivon’ny mpifankatia na mpivady sy ny ankohonana.....	42
2-2-1-3-Ny fitiavan-tanindrazana.....	46
2-2-2- Ny fiainam-pirenena tamin’izany.....	47
2-2-2-1-Ny tolom-bahoaka.....	47
2-2-2-2-Ny teteza-mita	49
2-2-2-3-Ny Repoblika Fahatelo	51
III- IREO KARAZAN-DAHATSORATRA NOVOKARIN’NY MPANORATRA	54
3-1-Ireo karazan-dahatsoratra nisongadina	54
3-1-1-Tononkalo.....	54
3-1-1-1- Ny firafitry ny tononkalo	55
3-1-2- Ny sombin-tantara	64
3-1-2-1- Sombin-tantara maneho ny fiainana eo amin’ny lafiny mahatsikaiky :.....	64
3-1-2-2-Ny fiainana eo amin’ny lafy tsarany	70
3-1-3-Ny tantara foronina.....	75
3-1-3-1-Ny mpandray anjara	75
3-1-3-2- Ny habaka	80
3-1-3-3- Ny fotoana.....	83
3-1-3-4-Ny fizotry ny tantara	86
3-1-4-Ny teatra	89
3-1-4-1-Ny mampiavaka azy amin’ny asa soratra hafa:	89
3-1-4-2- Ny anjara asany	89
3-1-4-3-Endriky ny piesy teatraly	90
3-2-Fomba filazan-javatra nampiasain’ny mpanoratra	100
3-2-1-Fampiasana voambolana avy amin’ny tontolo samihafa	100
3-2-1-1-Voambolana avy amin’ny tontolo kristiana.....	101
3-2-1-3-Ny voambolana avy amin’ny tontolo malagasy ankehitriny	109
3-2-2- Ny fampiasana sarin-teny samihafa	114
3-2-2-1-Ny sarin-teny fanovan-javatra.....	115
3-2-2-2-Ny tamberin-javatra	119
3-2-2-3- Ny sarin-teny hafa sisa.....	124
TENY FAMARANANA	131
IREO TAHIRIN-KEVITRA NAMPIASAINA.....	vi-vii-viii
TOVANA VOALOHANY.....	ix

TOVANA FAHAROA	x-xi-xii
TOVANA FAHATELO.....	

TENY FAMPIDIRANA

Raha hifarana ny fiofanana ho mpampianatra eto amin'ny "ECOLE NORMALE SUPERIEURE", dia tsy maintsy manao fanohanana asa fikarohana iray ny mpianatra, mba hahazoany ny mari-pahaizana CAPEN. Ny literatiora an-tsoratra Malagasy teo anelanelan'ny taona 1991-1995 no lohahevitra nironan'ny safidy.

0-1- Ny anton'ny safidy:

Zana-taranja efatra no azo isafidianana rehefa hanao asa fikarohana ato amin'ny Sampana Teny Malagasy : ny Riba, ny Haifampianarana, ny Hainteny, ary ny Literatiora. Niantefa tany amin'ny Literatiora ny safidy. Anisan'ny zana-taranja mahaliana ny Literatiora. Fitaovana mampahalala ny zava-misy eo amin'ny firenena sy mitahiry ny tantarany mantsy izy. Tsy nataonay ho ambanin-javatra ihany koa anefa ireo zana-taranja hafa. Mbola azo tsinjaraina roa ny Literatiora, raha eo amin'ny sehatry ny fikarohana no asian-teny : eo ny fikarohana momba ny Literatiora am-bava; ary eo koa ny literatiora an-tsoratra. Nahasarika anay kokoa ny literatiora an-tsoratra, indrindra fa ny tantaran'ny literatiora an-tsoratra malagasy. Efa hatramin'ny taona voalohany no efa nitiavanay azy ity. Misy fetra ihany anefa ny fotoana hanatanterahana ny asa, koa ny teo anelanelan'ny taona 1991-1995 ihany no nodinihana. Ny tantaran'ny literatiora teo anelanelan'ny taona 1990-2000 no efa nisy nanao. Notsongaina manokana io satria vanim-potoana nanana ny nampiavaka azy.

0-2- Ny zava-kendrena:

Mikendry indrindra ny fandinihana ary ny fifamatorana misy eo amin'ny Tantaram-pirenena sy ny Tantaran'ny literatiora ity asa fikarohana ity.

- Teraka avy tamin'ny sain'olombelona niaina tamin'ny vanim-potoana iray voafaritra mazava tsara ny literatiora. Izany no nahatonga an'i Lila RATSIFANDRIHAMANANA hilaza fa : “ ... *toy ny famantaran'avaratra mahatoky ny literatiora. Manamarika ny vanim-potoana mifandimby izy ary maneho firehana mifandrohy amin'ny toerana ipoirany. Sarobidy ny literatiora satria mitahiry ny tantaram-pireneny*”¹. Mifampiankina ny tantaram-pirenena sy ny tantaran'ny
- literatiora. Manampy amin'ny fahalalana ny zava-misy sy ny fivoaran'ny toe-tsain'ny olona ao amin'ny firenena iray rahateo izy.

¹ Lila RATSIFANDRIHAMANANA, Savarano, Lib. Mixte, Antananarivo 1998, tak.58

- Manaraka izany, ho fanatevenana ny tahirin-kevitra ampiasaina any amin'ny Sekoly Ambaratonga Faharoa manokana, ary ety amin'ny Ambaratonga ambony aza ity asa fikarohana ity. Maro mantsy ireo asa soratra nivoaka tamin'ity vanim-potoana ity no azo ampiasaina tsara eo amin'ny sehatry ny fampianarana, noho izy mifanandrify amin'ny fandaharam-pianarana.

Koa antenaina fa mba ho isan'ny tahirin-kevitra hanampy ireo olona mitady azy any aoriana izao asa fikarohana momba ny tantaran'ny literatiora teo anelanelan'ny taona 1991-1995 izao, na mpikaroka izy, na mpampianatra, na mpianatra, na olon-tsotra...

0-3- Ny fomba nanatanterahana ny asa:

Maromaro ny dingana nolalovana tamin'ny fanatanterahana ny asa. Voalohany, dia ny fakana ny toromarika tany amin'ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny.

Faharoa manaraka izany, dia ny fikirakirana ireo gazety isan-karazany. Noho ny hamaroan'ny gazety teo am-pela-tanana, dia ireo nahitana asa soratra literera indrindra no nifotorana. Tao ny gazety Feon'ny Merina, Lakroan'i Madagasikara, Madagascar Tribune, Midi Madagascar, Ambioka ary ny gazety Valiha. Tsy natao ho ambanin-javatra koa ireo lahatsoratra miresaka sy manadihady ny fiainam-pirenena.

Tsy nionona tamin'ny gazety ihany anefa ny fikarohana. Niezaka nanatona ireo mpanoratra, izay nanana asa soratra vita teo anelanelan'ny taona 1991-1995 izahay. Natao izay nihaonana tamin'izy ireo, mba hamantarana bebe kokoa ny momba azy sy ny asa soratra novokariny. Tsy tambo nisaina ny karazan-dahatsoratra azo tamin'izany, ka nananosarotra mihitsy ny fifantenana.

Nitety ireo tranom-boky teto an-drenivohitra koa izahay. Niezaka araka izay tratra namantatra ireo literatiora nivoaka teo anelanelan'ny taona 1991-1995. Nangonina izy ireny. Nodinihina avy eo.

Teo ihany koa ny famonjena famelabelaran-kevitra mahakasika ny lohahevitry ny asa fikarohana.

Fahatelo, rehefa voaangona ireo asa soratra marobe azo, dia nanomboka ny fifantenana. Nosokajiana araka ny karazany izay voafantina, mba hahitana ireo tara-kevitra niverimberina sy nibahan-toerana. Rehefa vita izany, dia narafitra ho vondrona ambara.

Farany, natsangana ny drafitra vonjimaika. Ny vaky boky moa nandritra izany tsy nijanona mihitsy.

Azo sokajiana telo ireo boky ireo :

-ny boky mirakitra ny tantaram-pirenena.

Ohatra : ny boky novolavolaina sy natontan'ny mpiara-mandinika ao amin'ny OTRIKAFO, mitondra ny lohateny hoe : Fanehoam-pijery, Septembre 2004,...

-ny asa fikarohana nataon'ireo zoky teo aloha, ka misy ifandraisany amin'ny lohahevitra hanaovana fikarohana.

ohatra:

*ANDRIANJAFISOA Lalaina Eliane, Ny literatiora an-tsoratra Malagasy teo anelanelan'ny taona 1991-2000, Mémoire de CAPEN, Antananarivo 2003...

-ny boky momba ny lalan-tsaina ka mifanaraka amin'ny haitsikera ampiasaina. Ohatra : MOUNIN(Georges), Pesie et société, P.U.F., Paris 1962...

0-4- Ny olana sy ny vahaolana noraisina tamin'ny fanatontosana ny asa :

Tsy misaraka amin'ny asa fikarohana toy izao ny olana samihafa. Tsy nanaiky ho resy tsy miady anefa izahay, fa nanao izay tratry ny herinay tamin'ny fanatanterahana an-tsakany sy an-davany izao asa atolotra izao.

Nametraka olana, ohatra, ny fitadiavana fotoana nihaonana tamin'ireo mpanoratra, na tany amin'ny Faribolana Sandratra izany, na tany amin'ny HAVATSA-UPEM. Samy manana ny asa iandraiketany mantsy izy ireo, ankoatra ny maha mpanoratra azy. Hany ka, voatery mitady fotoana hihaonana amin'izy ireo. Nisy ny afaka nanome fahafaham-po anay teo an-toerana. Nisy kosa ireo izay voatery tsy maintsy natonina tany an-tranony, na tany amin'ny toeram-piasany. Nekenana daholo izany mba hahazoana ny asa soratra notadiavina. Izy rahateo nandray anay tsara rehefa nihaona taminy izahay.

Nisy olana ihany koa teo amin'ny fitadiavana tahirin-kevitra. Mbola vitsy mantsy ny tahirin-kevitra voasoratra momba ity vanim-potoana ity. Noho izany, nanatona sokajin'olona samihafa izahay : tao ny olon-tsotra sy mpanao pôlitika, ny mpanakanto, ny mpanao gazety. Raha tsorina dia ireo olona afaka nijoro ho vavolombelon'ny tantara.

Mbola olana nosetraina ihany koa ny tsy fahafahan'ny tato amin'ny Sampana nanome fahafaham-po tamin'ny fampindramana boky. Voatery nakatona mantsy ny biraon'ny lehiben'ny Sampana, izay toerana fitehirizana ireo boky misy ny asa fikarohan'ny mpianatra, noho ny Lalaon'ny Nosy. Naiditra tany anaty gony ny boky rehetra. Tsy nijanona teo anefa izahay, fa niezaka nifampiraharaha tamin'ny tomponandraikitra tao amin'ny tranom-bokin'ny Sekoly. Tsy nanosi-bohon-tanana izy ireo, fa nanampy anay, sy nanome izay nilaina.

0-5- Ny Haitsikera nampiasaina:

Araka ny efa voalaza tany am-boalohany, niompana tamin'ny Tantaran'ny Literatiora an-tsoratra malagasy teo anelanelan'ny taona 1991-1995 ny asa fikarohana. Koa rariny sy hitsiny raha haitsikera ara-piaraha-monina sy ara-tantara no nofidina.

Hoy i Charles RAVOAJANAHARY: “ *Tsy nitsontsorika avy tany an-danitra ny Haisoratra sy ny mpanoratra azy. Olombelona miara-monina amin'ny olona mpiray tanindrazana aminy ny mpanoratra, taratry ny fiainana niainany no avoakany, ny vetsovetso-pony, ny hetahetam-panahiny, ny fisaintsainany, izay tsy maintsy misy iraisany amin'ny mpiara-belona aminy na dia manana ny maha-tena izy azy manokana aza izy*”².

Mazava ny tian'i Charles RAVOAJANAHARY hampitaina. Olona niainga avy tao anatin'ny fiarahamonina ny mpanoratra. Noho izany, mifamatotra amin'ny zava-misy ao anatin'io fiarahamonina misy azy io ny asa soratra vokariny, sy ny fomba entiny maneho izany. Mifampiankina tanteraka ny mombamomba ilay mpanoratra sy ny asa sorany, ary ny tantaran'ny firenena tamin'ny vanim-potoana niainany. Ny asa soratra mantsy, no hitarafana ny fiarahamonina, fa tsy ny fiarahamonina na ny rafitra heverina ho misy no hanazava avy hatrany ny asa soratra. Niraisan'ny mpandinika maro io fomba fijery io, na vahiny izy na Malagasy.

² Charles RAVOAJANAHARY, Fanasina, “Ny literatiora sy ny tantaram-pirenena”, lah.539, 15 Febroary 1968

Ankoatra ny fahitana ny fiainam-piarahamonina amin'ireny asa soratra ireny, dia mitahiry ny tantaram-pirenena ihany koa izy. Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fizotry ny tantaran'ny firenena iray ny literatiora. Lafin-javatra maro no voafaoka ao: ny pôlitika na ny teti-pitondrana, ny endri-piarahamonina, ny lafiny kolontsaina, ary ny toe-karena. Hamafin'i FEBVRE io fomba fijery io. Hoy izy: “ *Siansan'ny olombelona ny tantara, siansan'ny fiovana tsy misy farany ao amin'ny fiarahamonina, ny fanitsiana tsy maintsy atao ombieny ombieny noho ny zava-baovao nitranga hatrany hatrany eo amin'ny lafiny hairaha, politika, fitsipi-piainana, ara-tsaina amam-pahalalana* ”³.

0-6- Ny fetran'ny asa :

Niompana indrindra tamin'ny tantaran'ny literatiora an-tsoratra teo anelanelan'ny taona 1991-1995 ny asa soratra natao. Nakana santionany avokoa ireo karazan-dahatsoratra nivoaka tamin'io vanim-potoana io: tao ny tononkalo, ny sombin-tantara, ny tantara foronina, ny tantara fandefa amin'ny radio, ary ny teatra. Natambatra ho vondrona iray izy rehetra ireo.

Natomboka ny taona 1991 ny fanadihadiana, satria nanomboka tamin'ity taona ity no niovan'ny toe-draharaha pôlitika teto amin'ny firenena. Nanomboka tonga teto Madagasikara ny rivotry ny “Demokirasia”. Nanainga ny vahoaka Malagasy hitaky fiovana teo amin'ny rivotra pôlitika niainany izany. Nisy ny fihetsiketseham-bahoaka nandrodanana ny Repoblika Faharoa, ka niampitana tamin'ny Repoblika Fahatelo.

Noferana hatreo amin'ny taona 1995 ny fikarohana. Taona nanamarika ny fiafaran'ny fitondran'ny prôfesa Zafy Albert, Filoham-pirenena tamin'izany. Anisan'ny mpitarika ny tolom-bahoaka nandritra ny taona 1991 izy. Nirotsaka ho fidina ho Filoham-pirenena taty aoriana, ka lany. Tsy naharitra anefa ny fitondrany, noho ny fitsipaham-pitokisana nampiharina ny solom-bavam-bahoaka taminy, tamin'ny taona 1995. Nifarana tamin'io taona io ihany koa ny fitondrany.

³ FEBVRE (L), *Combats pour l'histoire*, Ed. Armand Colin, Col. Economie, sociétés civilisations, boulevard Saint Michel Parie, 1953, P.275 : « *Histoire, science de l'homme, ne l'oublions jamais. Sciences des changements perpétuels des sociétés humaines, de leur perpétuel et nécessaire réajustement à des conditions neuves d'existence matérielle, politique, morale, intellectuelle* ».

Vanim-potoana nisantaran'ny vahoaka Malagasy niaina ny “Demokirasia” ity vanim-potoana ity. Nampiharihary ny tsy fahamarinan-toerana teo amin'ny fitondrana koa ny teo anelanelan'ny taona 1991-1995. manasongadina izany ireo asa soratra nivoaka tamin'izany.

Tantaran'ny Literatiora no fototry ny asa. Koa tsy dia nandalina momba ny mpanoratra iray na karazan-dahatsoratra iray loatra, na tara-kevitra iray fotsiny izahay. Voaresaka tokoa ny momba ireo, kanefa tsy novahavahana amin'ny antsipirihany izany.

0-7- Ny drafitra nitondrana ny asa:

Misy fizarana lehibe telo ity asa ity. Famelabelarana ny zava-nisy ara-tantara no hita ao amin'ny fizarana voalohany. Horesahiana amin'izany ny fampahatsiahivana fohy ny zava-nisy tany ivelany sy teto an-toerana talohan'ny vanim-potoana nofinidy ; harahin'ny fanasongadinana ny zava-nisy manodidina ny vanim-potoana 1991-1995, teo amin'ny lafiny pôlitika, toe-karena, ary sôsialy izany.

Manomboka miditra eo amin'ny sehatra ny literatiora, ao amin'ny fizarana faharoa, ka hojerena amin'izany ny fiantraikan'ireo zava-nisy voalaza tao amin'ny tapany voalohany ireo teo amin'ny literatiora malagasy. Holazalazaina amin'izany ireo andry nampijoro ny literatiora. Hasongadina manaraka ireo lohahevitra sy tara-kevitra niompanan'ny asa soratra.

Ary ao amin'ny fizarana fahatelo farany kosa no hatokana hiresahana ireo karazan-dahatsoratra novokarin'ny mpanoratra. Hojerena amin'izany ny firafitry ny karazany tsirairay avy, ary ny fomba filazan-javatra nampiasain'ny mpanoratra.

I- NY ZAVA-NISY ARA-TANTARA

1-1-Tsiahy fohy momba ny zava-nisy talohan'ny taona 1991-1995

Nisy fiovana lehibe teto amin'izao tontolo izao talohan'ny taona 1991. Nahatazanana izany fiovana izany avokoa na tany ivelany, na teto Madagasikara.

1-1-1-Ny zava-nisy tany ivelany

Tamin'ny volana Nôvambra 1990 dia nisy fiaraha-midinika lehibe momba ny fandriampahalemana sy ny fiaraha-miasa amin'ny tany Erôpeanina, natao tany Parisy. Hita tamin'izany avokoa ireo vondrona roa lehibe tranainy indrindra: ny Vondrona Kaominista sy ny Vondrona Kapitalista. Nisy akony naneran-tany io fihaonam-be io.

1-1-1-1-Tany Rosia

Nivoy pôlitika vaovao Ingahy Michaël GORBATCHEV nony tonga teo amin'ny fitondrana. Fanalalahana sy fanavaozana teo amin'ny sehatry ny toe-karena sy momba ny fitantanan-draharaham-panjakana no tena nimasoany tamin'izany. Nisy mihitsy aza ny lalàna izay nanome lanja kokoa ny fahaleovantenan'ny orinasa teo amin'ny sehatry ny fitantanana. Io lalàna io dia nivoaka tamin'ny 30 Jona 1987. Nanomboka nisy ny Demôkirasia teo amin'ny fomba fitondram-panjakana. Nihanisokatra tamin'ny vahoaka ny fitondrana. “Perestroika”⁴ sy “Glasnost”⁵ no niantsoana io pôlitika vaovao io. Tsy nahomby anefa izany. Fitakiana fizakan-tena indray no nasetrin'ireo Firenena tao anatin'ny Firaiana Sôvetika ny fisokafan'ny Fanjakana.

Nanambara ny fahefam-bahoaka tsy refesi-mandidy tao aminy, ohatra, ny Repoblikan'i Rosia, tamin'ny volana Jona 1990. Tamin'ny volana Aogositra 1991, lany tamin'ny fifidianan'ny sarambagem-bahoaka Ingahy Boris ELTSINE. Teo ihany koa ny fanambaran'i Ukraine ny fahaleovantenany. Nifara tamin'ny fialan'Ingahy Michaël GORBACTHEV teo amin'ny fitondrana izany, ny volana Desambra 1991. Rava niaraka tamin'ny fialan'ity filohan'ny Firaiana Sovietika ity teo amin'ny fitondrana ihany koa ny Vondrona Kaominista notarihiny.

1-1-1-2-Tany Eorôpa

⁴ Perestroika: « *Restructuration de la société civile soviétique dans le sens de la libération.* », Dictionnaire Hachette, éd.illustrée 2003

⁵ glasnost : « *transparence des institutions, des structures bureaucratiques, etc.* », Dictionnaire Hachette, éd.illustrée 2003

Betsaka ny zavatra nitranga tany Eôropa talohan'ilay fihaonam-be natao tany Parisy, tamin'ny taona 1990. Saika nikorontana ireo Firenena kaominista tany Eorôpa Atsinanana, ary niafara tamin'ny faharavan'ny fanjakan'ny antoko mihitsy izany. Ny 17 Novambra 1989, nisy fanoherana fitondram-panjakana tao "Tchécoslovaquie", nataon'i Naclav HAVEL. Tany Romania, niara-nanohitra ny fitondrana ny miaramila sy ny vahoaka. Tany Pôlônina, nahariharin'ny vahoaka tamin'ny alalan'ny fifidianana malalaka ny faharesen'ny Kaominista tany aminy. Tany Alemana, nirodana ny rindrin'i Berlin, ny volana Novambra 1989. Niverina ho iray ny Firenena Alemana ; ary afaka mifanerasera tsy amin-tahotra ny olona. Tany "Bulgarie", nisy fifidianana malalaka natao, taorian'ny fihetsiketsehana nataon'ny mpanohitra ny fitondrana, ny taona 1990 ihany koa. Fitadiavana fanavaozana teo amin'ny rafi-pitondrana no anton'ireo fihetsiketsehana samihafa ireo.

1-1-1-3- Tany Etazonia

Araka ilay fiteny mahazatra: "Ny fahorian'ny sasany, fifaliana ho an'ny hafa". Nampahazo aina an'i Etazonia, ny faharavan'ny Vondrona Kaominista, tany Rosia. Azo lazaina fa nanjaka tokana tokoa ny Amerikanina. Afaka naneho ny heriny teto amin'izao tontolo izao izy. Nanana ny tanjany rahateo izy. Nahitana izany avokoa na teo amin'ny fitaovam-piadiana nananany, na teo amin'ny toe-karenny, na teo amin'ny kolontsaina, na teo amin'ny sehatry ny tekinôlôjia aza. Nampiasainy ireo hery nananany ireo mba hiarovany ny tombontsoany tany amin'ireo firenena hafa manodidina azy. Fametrahana ny fandriampahalemana, ohatra, no lazaina amin'ny filazam-baovao amin'ny vata fahitalavitra re isan'andro, fa anton'ny andefasan'i Etazonia vatamiaramila any Irak. Izany no tiany ho tsapan'ny mpanara-baovao. Zavatra hafa tanteraka anefa no miafina ao ambadika. Misy tombontsoa arovany mafy any amin'io toerana io: ny solitany. Ankoatra ny tany "Moyen Orient" dia naneho ny fahefana nananany ihany koa i Etazonia tany Eorôpa. Izy irery ihany, mantsy, no nanampy an'i Helmut KOHL tamin'ny fampivondronana an'i Alemana, tamin'ny 9 Novambra 1989. Koa, raha nambara ara-pomba pôlitika ny fitambaran'i Alemana sy ny fidirany tao amin'ny OTAN, ny 3 Oktôbra 1990, dia nanana ny anjara birikiny tamin'izany i Etazonia. Niarahany nialotra tamin'Ingahy KOHL ny fandresena. Noraisin'i Etazonia ho fanehoana ny fahefana nananany tany Eorôpa ihany koa io zava-nisy tany Alemana io. Nisongadina hatrany koa izy teo amin'ny sehatry ny tekinôlôjia. Izany rehetra izany no nampihariharian'i Etazonia ny tanjany naneran-tany.

1-1-1-4-Tatsy Afirika

Rava ny “Apartheid” tatsy Afirika Atsimo. Tafakatra teo amin’ny fitondrana Ingahy Nelson MANDELA. Anisan’ny niavaka tokoa izy raha mitaha amin’ireo mpanohitra ny fanavakavaham-bolon-koditra niaraka taminy. Sahy nanohitra tsy amin-tahotra izy. Tsy natahotra ireo fampahoriana isan-karazany izy. Niaretany avokoa ireo kapoaka mangidy izay tsy maintsy nosotroiny, raha izany no hahatafavoaka ny Fireneny. Anisan’izany ny fihazonana azy am-ponja roapolo taona. Nody ventiny ihany ny rano nantsakainy, ny taona 1990. Tapitra hatreo ny fanavakavaham-bolon-koditra. Niely eran’izao tontolo izao io vaovao io, indrindra taty Afirika. Nanome hery ny Afirikana tokoa ny fandrenesana izany. Nahatonga ny vahoaka afrikana ho sahy hijoro nitaky ny fiovana, na teo amin’ny mpitondra izany, na teo amin’ny pôlitika nitondrana Firenena nisy azy, ny fahitana ny toe-javatra tany Afirika Atsimo.

Nitsoka, saika nanerana ny-tany afrikana koa, etsy an-daniny, ny rivo-panavaozana avy tany Rosia. Nisy ny fanalalahana teo amin’ny lafiny toe-karena. Nitohy teo aminy lafiny pôlitika izany. Nefa nanokatra lalana ho an’ireo antoko hafa mba hampidirany ny foto-kevitra tiany hovoizina io fisokafana nataon’ny fitondrana io. Niteraka korontana nanerana an’i Afrika izany. Nihen-danja ny fandalan’ny vahoaka ny sori-dalana sôsialista. Nahazo vahana kosa ny fampijoroana ny “tena demôkirasia”.

Tonga hatraty Madagasikara ny akon’ ireo toe-java-nisy tany ivelany ireo. Ary nitondra rivo-baovao sy namohafoha ny Malagasy.

1-1-1-5- Ny zava-nisy teto Madagasikara

Nitsoka hatraty Madagasikara ireo rivo-panavaozana sy rivo-pahafahana tany ivelany ireo. Ny mpitondra teto an-toerana rahateo dia anisan’ny mpandala ny sori-dalana sôsialista. Voarakitra tao amin’ny Boky Mena izany ,ary natao ho toy ny lalàna fototra nitondrana ny tany sy Fanjakana. “Tanindrazana- Tolom-piavotana-Fahafahana” no tarigetra novoizina. “Fiovam-penitra mahery vaika” no nohindrahindraina tamin’izany. Ka tamin’ny alalan’ny “Revôlisiona Sôsialista Malagasy” no nanatanterahana azy Ny hanala ny vahoaka tamin’ny fahantrana ary ny fampitovian-tsaranga no tanjony. Ka ny fambolena sy ny fiompiana no nifotorana, araka ny voalaza tao amin’ny gazety nivoaka tamin’izany fotoana: “ny

fampandrosoana ny vahoaka madinika maro an'isa sy ny fampitovian-tsaranga ny mponina". Gazety Vaovao, lah. 988,11 Jolay 1975. Tsy nahafa-po ny vahoaka anefa io pôlitika nimatimatesan'ny fitondrana io. Toa nivangongo teo am-pelantanan'ny mpitondra avokoa, mantsy, ny fahefana. Antoko tokana no nahazo laka. Ary betsaka ny sivana sy ny fanenjarahana ireo izay ivelan'ny fitondrana. Niezaka nanisy fisokafana tamin'ny vahoaka ihany ny mpitondra taty amin'ny faramparan'ny fitondrany. Nomena fahalalahana indray ny antoko pôlitika teto Madagasikara. Navela malalaka izy ireo haneho ny heviny. Nohararaotin'ny mpanao pôlitika izany. Nataony ho fitaovana ny zava-nisy tany Rosia mba hitaomana ny olona hanohitra ny fitondrana. Teo ihany koa ny tsy fahombiazan'ny "Paradisa Sôsialista" nampanantenain'i filoha RATSIRAKA. Vahoaka mijaly sy miady amin'ny fiainana no hita manerana ny Nosy.

Ireo izay niara-dia tamin'ny fitondrana kosa, dia nilomano tao anatin'ny harem-be, tsy nahatsapa fahasahiranana tahaka ny daholobe. Miaina milamina sy miadana izy satria manana ny ampy sy mahazo izay ilainy. Niharihary toy ny vay an-kandrana ny tsy fitoviana nisy teo amin'ny olon'ny fitondrana sy ny vahoaka madinika. Tsy azo nafenina koa ny tsy fitovian-tsaranga teo amin'ny samy vahoaka. Ny manana dia hita ho tena mpanefoefo ; ny tsy manana kosa tena zara raha mitafy. Nitombo isa hatrany ny mpangataka sy ny mahantra. Teraka ny 4-mi na ireo mpitsindroka hanina eny amin'ny daban-pako. Nanomboka nimonomonona ny olona. Tsotra ny antony: tafahoatra loatra ny fahoriana sy ny fahantrana . Voakasik'izany daholo na ny mpiasam-panjakana, na ny mpiasa tany amin'ny orinasa tsy miankina amin'ny Fanjakana, indrindra fa ireo olon-tsotra izay tena maro an'isa.

Hitan'ireo mpanao pôlitika mpanohitra ny fitondrana izany ka nohararaotiny. Tsy sarotra taminy intsony, mantsy , ny nitaona ny olona hanaraka azy. Efa hitany rahateo ny maharary ny olona ka nahamora ny fitaomana. Fanaratsiana ny fitondrana sy ny pôlitika nitondrany ny Firenena no nentiny nandresena lahatra ny vahoaka. Nahenoana izany avokoa na tao amin'ny onjam-peo, na tany amin'ny gazety. Ohatra iray ity voalaza tao amin'ny gazety Lakroan'i Madagasikara ity: " (...) tsy nitondra ny firenena amin'izay tokony hampandroso azy ny mpitondra. Tsy niteraka afa-tsy fahantrana ho an'ny firenena ny ideôlôjia Marxista

*nampiharina teto Madagasikara. Vao mainka nihanitombo ny elanelana teo amin'ny vahoaka sy ny olom-bitsy nahazo harena tampoka tamin'ny fanararaotana". (Lakroan'i Madagasikara, lah.2730, 7 Jolay 1991, tak.8).*Niafara tamin'ny famoriam-bahoaka nanerana ny Nosy izany.

Nisy ihany ny hetsika nataon'ny F.F.K.M. tao amin'ny Falda. Fihaonambem-pirenena nentina nandinihana ny toe-draharaham-pirenena amin'ny ankapobeny ity natao ity. Voakasika avokoa na ny lafiny pôlitika, na ny toe-karena, na ny fiarahamonina, na ny fanabeazana, ...In-droa miantoana ity hetsika ity. Ny voalohany dia teo anelanelan'ny taona 1988-1989. ary ny faharoa dia teo anelanelan'ny taona 1989-1990.

Nasain'ireo mpitarika tao amin'ny F.F.K.M. hanatrika ny fisokafan'ny Fihaonambem-pirenena ny Filoha Ratsiraka, fa tsy tonga. Tamin'ity faharoa moa dia vahiny ôfosialy i Pick Botha, filohan'i Afirika Atsimo, fototry ny fanafoanana ny Apartheid. Ireo mpitarika antoko pôlitika no saika lehibem-baomiera tamin'izany. Lany ho mpanandrindra ny asan'ny Fihaonambem-pirenena, teo amin'ny laika ary mpanao pôlitika i Francisque Ravony.

Nony efa vita boky ny fehin-kevitra ny Fihaonambem-pirenena tetsy amin'ny Falda, teo ambany fiadidian'ny F.F.K.M., dia notohizan'ireo antoko pôlitika mpikambana tao amin'ny Mandantehezana Miaro ny Tolom-piavotana, hono, ny tolona. Havadika ho asa, ny fehin-kevitra hoy ry zareo. Teny amin'ny toera-malalaky ny COUM 67ha no niafaran'ny raharaha.

Olona nifanina hofidiana ho filoham-pirenena tamin-dRatsiraka daholo ireo mpitarika antoko ireo, saingy resy avokoa. Azo lazaina ho tsy nahavory olona ihany ry zareo teny amin'ny COUM 67 ha ny faramparan'ny taona 1990.

Nefa tsy nijanona intsony io famoriam-bahoaka io fa niafara tamin'ny fihetsiketsehana sy fidinana an-dalam-be ho fanoherana ny fitondran-dRatsiraka sy fanonganam-panjakana mihitsy.

1-2- Ny zava-nisy teto Madagasikara nandritra ny taona 1991-1995

Voakasik'ity firosoan'ny Fanjakana tamin'ny fanalalahana na ny “demokirasia” ity avokoa ireo rantsana mandrafitra ny fiainam-pirenena, dia ny lafiny pôlitika, toe-karena, ary ny lafiny sôsialy.

1-2-1- Teo amin'ny lafiny pôlitika

“Ny *biby,hono, tsy mandeha raha tsy misy lohany*”. Noho izany, tsy masaka ny fanoheran'ny vahoaka ny Fanjakana raha tsy teo ireo mpanao pôlitika izay nitarika azy. Hery lehibe ho an'ny olona izay vonona dia vonona tokoa ny fisian'izy ireo. Sahy niroso tamin'ny fitakiana ny zony ny vahoaka. Efa leom-boanana, mantsy,izy ireo. Leo ny fahantrana iainany ka nitady fiovana tanteraka. Izany no hita sy re nanerana ny Nosy. Vahoaka vonona handrava ny fitondrana misy no niara-nitolona teny an-dalam-be. Ny fiandohan'ny taona 1991 no nidina an-dalambe ry zareo, na dia tsy nanana fahazoan-dalana hilahatra aza. Nanomboka tamin'izany koa ny hetsi-bahoaka. Toy izao no drafitra hitondrana ny famakafakana :

- ny olana nianjady teo amin'ny firenena;
- ny fomba namahana ny olana tamin'izany ;
- ny rafitra vaovao najoro.

1-2-1-1- Ny olana nianjady teto amin'ny firenena

Tolona nataon'ny vahoaka malagasy nanerana ny Nosy mba hanehoany ny tsy hafaliany manoloana ny toky fitaka nataon'ny fitondrana taminy no natao tamin'izany. Nandray anjara avokoa ireo rantsa-mangaika teto amin'ny Firenena : ny mpiasam-panjakana, ny mpiasan'ny orinasa tsy miankina, ireo olon-tsotra izay tena maro tokoa ; eny fa hatramin'ireo mpanakanto malagasy sasany aza dia niditra nanafana ny tolona . Raha tsorina dia ireo hery velona rehetra teto amin'ny Nosy no niara-nivondrona. Nitarika fotsiny no nataon'ny mpanao pôlitika. Na izy ireo aza nizara roa , noho ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny izy samy izy. Nisy ny Hery Velona Rasalama, notarihin'ny Prôfesora ZAFY Albert. Teo koa ny Herivelon'i Madagasikara izay nahitana an'Ingahy Francisque RAVONY. Ny tanjon'ny tolona indray dia tokana ihany na dia nivaky roa aza ny mpitarika. Hevitra pôlitika, mantsy, no nampifanolana azy. “*Rehefa natao ny fifidianana izay hitondra ilay “fanjakana an-dalam-be”, dia tsy lany Ingahy Ravony, ary izany no anisan'ny fototry ny nialan'ny MFM*

tetsy amin'ny 13 mey ka nifindrany lasy tetsy amin'ny Lycée Rabearivelo, no sady namoronany ny “Herivelon'i Madagasikara”. (Gazety Feon'ny MERINA, tak 4, 29 jolay 1999). Ny toerana nanaovana ny famoriam-bahoaka no samy hafa, fa ny tanjona dia ny fanonganana ny fitondran-dRatsiraka.

Dia nihanafana ny fanentanana ny vahoaka, na dia mbola saritra aza ny fampiharana ny fanalalahana tamin'izany. Nisy ny fanehoan-kevitra izay natao tany amin'ny haino aman-jery tsy miankina amin'ny Fanjakana, toy ny “radio Feon'ny vahoaka”, najoron'i Alain RAMAROSON . Tsy azo nampiasaina mantsy, ny haino aman-jerim-panjakana. Nalalaka rahateo ny fanehoan-kevitra tany amin'ny tsy miankina. Nandray anjara tamin'ny fanentanana ihany koa ny sendika samihafa. Hatramin'ny mpianatra teny amin'ny ambaratonga ambony dia voaentana avokoa. Naely ny trakita. Nanomboka nihanazava tamin'ny vahoaka ny lalan-kizorany teo amin'ny tolona izay nirosoany. Niray fo sy saina tokoa ny Malagasy nanerana ny Nosy. Nisy hatrany koa ny famoriam-bahoaka, saika nanerana ny Nosy., mba hampitana ny vaovao sy hilazana ny tohin'ny hetsika natao teny amin'ny 13 mey sy tao amin'ny Lycée Rabearivelo.

Ny 10 aogositra 1991 dia nifanaiky sy nifanaraka ny vahoaka rehetra sy ny mpitarika azy hiara-handeha eny Iavoloha mba hifandahatra amin'ny filoham-pirenena. “Diaben'ny fahafahana” no nilazana io hetsika io. Nosakanan'ny fitondrana ihany ny vahoaka mba tsy hiroso, fa faritra mena, hono, iny toerana iny. Nentanin-kafanam-po sy fahavononana anefa ny vahoaka ka tsy nihemotra tamin'ny fanapahan-kevitra izay efa noraisiny. Hany ka zavatra hafa nifanohitra tamin'ny nantenaina no niseho. Tifitra variraraka sy fanapoahana grenady tsy nisy indrafo no nitsenan'ny teny Iavoloha azy ireo. Betsaka ny maty. Vao mainka nirehitra ny hatezeran'ny olona tamin'ny fitondrana. Nihahenjana ny tolona. Ary naharitra valo volana izany.

Nihenjan-droa ny tady teo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka. Nihasarotra ny toe-draharaha teto Madagasikara ka nilana fanelanelanana.

1-2-1-2-Ny fomba nentina namahana ny olana

Tsy nijery fotsiny ny zava-nisy teto Madagasikara ireo vahiny. Niezaka nanara-maso akaiky ny toe-draharaha pôlitika nisy teto amin'ny Nosy izy. Tsy nijanona tamin'ny fanaraha-maso fotsiny anefa, fa niditra nanelanelana mihitsy. Tsy nahafaly ny fitondrana

izany. Hany ka nisy hatrany ny fanakantsakanana ireo vahiny ireo tamin'ny fanelanelanana nataony. Nahitana solom-bavam-bahoaka firantsay sy erôpeana hafa tamin'izy ireo. *“Tonga ny vahiny ary nifanatri-tava tamin'ny vahoaka teo amin'ny 13 Mey. Hitantara izay hitany sy reny teto amintsika izy ireo, ary na tiana na tsy tiana, dia tsy maintsy hanana ny akony any ivelany izany”*, hoy ny voalaza tao amin'ny gazety Maresaka, lah. 11.07, 02 Oktôbra 1991.

Rehefa avy nifanatri-tava tamin'ny vahoaka teo amin'ny 13 Mey ny vahiny, dia nanery ny fitondrana sy ny mpanohitra mba hiara-hitady vahaolana hampiatoana ny savorovoro.

Tsy nanaraka avy hatrany anefa ny fitondrana. Niezaka nitady paika hafa izy. Tao ny fandrahonana ny mpanao fitokonana. Tany amin'ny faritany no tena nitrangan'izany. Nisy mihitsy aza ny fisamborana sy ny fampidirana am-ponja ary ny famonoana. Naparitaka ny vola mba hanambatambazana ny olona sasany. Nanao izay ho afany ihany koa ireo izay niara-dia tamin'ny fitondrana tamin'ny fiarovana ny fiandrianam-panjakana. Nogiazana ny haino aman-jerim-panjakana, fa tsy navela hampitana ny vaovao momba ny tolom-bahoaka. Fanakiviana sy fandemena ny saim-bahoaka no natao tetsy sy teroa. Nanangana antoko hafa mihitsy ny Fanjakana hifanandrina tamin'ny Herivelona. Anisan'izany ny M.M.S.M. Niezaka namory vahoaka ihany koa izy ireo, teny amin'ny Kianjan'i Mahamasina. Natsangana ihany koa ny antoko Federalista tany amin'ny faritany. Vao mainka nampihenjana ny toe-draharaha tany an-toerana anefa izany. Nahery vaika tokoa mantsy, ny fifandonana teo amin'ny Federalista sy ny Herivelona tany Toamasina, Antsiranana, Mahajanga, ary Toliary. Hany ka niafara tamin'ny fandravan'ny filoha RATSIRAKA ny Governemantan'ny Repoblika faharoa izay notarihin'ny Praiminisitra RAMAHATRA Victor izany. RAZANAMASY Guy Willy indray no notendrena ho Praiminisitra. Mba hanarenana sy hampandehanana ny raharaham-pirenena no tanjona tamin'izany. Tsy nanova zavatra io fanendrana vaovao io. Mbola nanohy ny fitokonana ihany mantsy ny vahoaka.

Rehefa nahatsiaro ho nivoaka sempotra ny fitondrana vao nitady fanampiana tany ivelany. Nahatsapa mantsy izy fa latsaka an-katerena ny Firenena. Teo no niantsoana ireo raiamandrenim-piangonana tao amin'ny F.F.K.M. ho mpanelanelana azy sy ny mpanohitra.

Natao àry ny fampihaonana an-databatra boribory, teny amin'ny Hôtely PANORAMA, ny 31 Oktôbra 1991. Nifanatri-tava sy niara-nifampidinika niaraka tamin'ireo raimandrenim-piangonana teo avokoa, na ny Praiminisitra solontenan'ny fitondrana, na ireo mpitari-tolona teo anivon'i Hery Velona Rasalama sy ny Herivelon'i Madagasikara. Nahitam-bokatra izany. Nisy ny fifanarahana vita sonia, izay nomena ny anarana hoe: "Convention du 31 Octobre"

Nivaha ny olana. Niditra tamin'ny teteza-mita ny raharham-pirenena. Niarahana namolavola ny fitantanana azy. Ka 18 volana no naharetany. Niara- nandrafitra io rafi-pitantanana vaovao io ireo hery pôlitika rehetra teto amin'ny Firenena. Mbola Ingahy RATSIRAKA ihany no filoha. Tahaka izany ny Praiminisitra, mbola Ingahy RAZANAMASY Guy Willy. Ary Andriamatoa RAVONY Francisque no nitana ny toeran'ny Praiminisitra Lefitra. Napetraka teo amin'ny toeran'ny Filohan'ny Fahefana Avom-panjakana ny Profesora ZAFY Albert. Andriamatoa ANDRIAMANJATO Richard sy RAKOTONIRINA Manandafy no notolorana ny Fampandrosoana ara-toe-karena sy ara-tsôsialy (Conseil de développement économique et social). Ingahy RATSIRAHONANA Norbert Lala no tao amin'ny H.C.C. (Haute Cour Constitutionnelle). Ary Ingahy MARSON Evariste no minisitry ny toe-karena. Naharitra 18 volana ny teteza-mita Ka nandritra izany no nikarakarana ny fifidianana rehetra, nialoha ny hirosoana amin'ny Repoblika Fahatelo. Voakasik'izany ny fanovana ny Lalàm-panorenana izay tsy maintsy hanaovana fitsapan-kevi-bahoaka, ary ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena.

Rehefa nitsangana ny Lalàm-panorenana vaovao hitondrana ny Firenena, ary lany ny Filoham-pirenena, dia niditra tamin'ny Repoblika Fahatelo i Madagasikara. Rafi-pitondrana vaovao no nitondrana ny tany sy ny Fanjakana.

1-2-1-3- Ny rafitra vaovao najoro

Ny Prôfesora ZAFY Albert no lany ho Filoham-pirenena hitondra ny Repoblika Fahatelony taona 1993. Lany tamin'ny fihodinana faharoa izy, raha ny filoha teo aloha no nifaninana taminy tamin'izany. Natao ny fianianana. Niala tamin'ny sori-dalana "Sosialisma" àry ny vahoaka. Niroso kosa, tamin'ny "Libéralisme". Fitsinjovana manokana ny vahoaka no tanjona. "Tanindrazana- Fahafahana-Fahamarinana", no tarigetran'ny fitondrana. Nijoro taoriana kelin'izay ny Governemantan'ny Repoblika Fahatelo. Ingahy Francisque RAVONY no Praiminisitra. Ireto avy ny mpikambana sasantsasany tamin'izany:

- Minisitry ny Fikarohana Siantifika: ANDRIANASOLO Roger
- Minisitry ny Raharaham-bahiny: Jacques SYLLA
- Minisitry ny Fahasalamana: ANDRIAMBAO Damasy
- Minisitry ny Fiarovam-pirenena :RABENJA Charles
- Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana: Charles SEVERIN
- Minisitry ny Pôlisy: AHMAD Augustin
- Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana: RAKOTOVAHINY Emmanuel
- Minisitry ny Angovo sy ny Harena an-kibon'ny tany: BETINA Bruno
- Minisitry ny Fitantanam-bola: RASERIJAONA
- Minisitry ny FOP (Fonction Publique) :RAKOTOVOLOLONA
- Minisitry ny Asa Vaventy: RAOELINA Fils
- Minisitry ny Fifandraisan-davitra: ANDRIAMANJATO Ny Hasina
- Minisitry ny Mponina: BARITOA Felicie

...

Raha noheverin'ny rehetra fa nijoro tsara ny fitondrana vaovao, dia nisy fifanolanana indray teo amin'ny Filoham-pirenena sy ny Praiminisitra RAVONY. Niafara tamin'ny fampanaovan'ny Filoham-pirenena fitsapan-kevi-bahoaka mihitsy moa izany. Nasiana fanovana indray ny Lalàm-panorenana. Anisan'ny novana tao ny fomba fanendrena ny Praiminisitra. Raha ny solom-bavam-bahoaka no nanendry ny Praiminisitra teo aloha, dia novana ho ny Filoham-pirenena indray no manao izany. Niova koa ny fe-potoana faharetan'ny fitondrana. Raha fito taona izany teo aloha, dia niova ho dimy taona. Ary afaka milatsaka indroa fotsiny ny filoha am-perinasa. Lany tamin'ny alalan'ny fitsapan-kevi-bahoaka io Lalàna io. Nesorin'ny Filoha ZAFY àry ny Praiminisitra RAVONY, ka nosoloany an'Ingahy RAKOTOVAHINY Emmanuel.

Mbola tsy nijanona teo anefa ny olana anatiny tamin'ity fitondran'ny Filoha ZAFY Albert ity. Ny taona 1995, anjaran'ny solom-bavam-bahoaka indray no nampiato ny Filoham-pirenena. Naaton'ny solom-bavam-bahoaka tamin'ny alalan'ny fitsipaham-pitokisana, tamin'ny asany ny Filoha ZAFY Albert. Niverina tamin'ny teteza-mita indray ny Firenena. Andriamatoa RATSIRAHONANA Norbert Lala no nitondra ny Governemanta, mandrapahavitan'ny fifidianana ny ho Filoham-pirenena vaovao. Tsy tafaverina teo amin'ny fitondrana intsony ny Prôfesa ZAFY Albert. Niverina teo amin'ny fitondrana indray, mantsy, ny Amiraly Didier RATSIRAKA, rehefa lany tamin'ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Nisy fiantraikany teo amin'ny toe-karen'i Madagasikara ireo olana pôlitika nifanesy ireo.

1-2-2-Teo amin'ny lafiny toe-karena

Fototra iankinan'ny aim-pirenena ny tanjaky ny toe-kareny. Mitana anjara toerana lehibe amin'izany ny pôlitikam-panjakana sy ny toe-tany. Koa hofakafakaina etsy ambany ny fifandraisan'ny pôlitika sy ny loza voajanahary tamin'ny toe-karena teto Madagasikara.

1-2-2-1- Ny fintraikan'ny zava-nisy pôlitika teo amin'ny sehatry ny toe-karena

Fiaraha-miasa tamin'ny any ivelany no nataon'ny fitondrana tamin'izany. Nefa fampiankinan-doha ny Firenena malagasy no zavatra niseho taty aoriana. Nitohy hatrany io fiankinan-doha tamin'ny any ivelany io nandritra ny fifandimbiasam-pitondrana teto amin'ny tany sy ny Fanjakana. Tsy nijanona tamin'ny fiaraha-miasa intsony, fa nitatra hatrany. Hanatsara ny toe-karen'i Madagasikara no tanjon'ny mpitondra. Nefa vao mainka nampihitsoka azy ny pôlitika nampiharina. Henjana sy hentitra mantsy ny fepetra notakin'ireo vahiny mpamatsy vola vao manaiky hampisambo-bola, na hanome “fanampiana” izy. Isan'ireny ny fanalalahana ny tsena (libéralisation), ny fisintahan'ny Fanjakana amin'ny orinasa mamokatra (privatisation), ny fampihenana ny fandaniam-bolam-panjakana na eo amin'ny karaman'ny fonkisiônera izany, na eo amin'ny fikarakarana ny fahasalamana sy ny fampianarana, ny fanitsiana ara-drafitra (ajustement structurel), ny fandrarana ny fisian'ny fanampiana avy amin'ny Fanjakana (subvention) izay mety hanamaivana ny vidin-javatra ilaina amin'ny fiainana andavanandro (PPN), sns. Ireto ohatra, ireo fananam-panjakana voatery nisintahana: ny SOTEMA, ny COTONA, ny SOLIMA lasa SHELL, TOTAL, GALANA, JOVENA, sns ; ny BFV lasa BFV Société Générale ; ny BTM lasa BOA ; ny BNI lasa BNI Crédit Lyonnais, sns. Vokany, tsy afaka nitsimbina sy nanao izay nahasoana ny vahoaka ny mpitondra, satria nikororosy sy latsaka an-katerena ny toe-karena. Hany ka tezitra tamin'ny mpitondra ny vahoaka, ary dia nidina an-dalam-be indray.

Niezaka nitady pôlitika vaovao hanarenana ny toe-karem-pirenena ny mpitondra nandritra ny Repoblika fahatelo izay notarihin'ny Filoha ZAFY Albert. Pôlitika vaovao no napetraka, dia ny fisokafana tamin'izay Firenena vonona hiara-miasa amin'i Madagasikara. Nampiharina ny famatsiana mira zotra (financement parallèle). Nihemotra ny Mpamatsy vola Iraisam-pirenena, raha nahita izany. Tsy nankasitrahany mantsy, io pôlitika vavao io. Notapahiny ny famatsiam-bola an'i Madagasikara. Niteraka savorovoro teo amin'ny samy mpitondra izany olana izany. Nisy ihany mantsy ny nankasitraka ny fiankinan-doha tanteraka tamin'ny Mpamatsy vola mahazatra. Nanomboka teo dia tsy nazava loatra ny pôlitika natao hanarenana ny toe-karena.

Nanao izay ho afany ihany koa ny Governemanta RAVONY nitady fomba hafa hahazoana lalam-bola. Naverina indray ny fakana hetra sy haba isan-karazany, mba hamenoana ny kitapom-bolam-panjakana. Nisy ny T.V.A. nalaina tamin'ireo orinasa. Nampindangana ny vidim-piainana anefa izany. Ny sandan'ny vola malagasy nidina aoka izany, noho ny fanatsingevahevana (flottement) azy. Nihoatra ny 100% ny fiakaran'ny vidinentana. Nanararaotra aoka izany ny mpivarotra. Sahirana ny vahoaka madinika. Toa izy indray no poretina hanampy ny fitondrana amin'ny famenoana ny kitapom-bolam-panjakana. Tsy tafavoaka ny toe-karena malagasy.

Tsy ny paika pôlitika ihany no tsy nahitana fahombiazana, fa nanampy trotraka koa ny fahasahiranana noho ireo loza voajanahary.

1-2-2-2- Ny vokatry ny loza voajanahary teo amin'ny toe-karena

Ny taona 1992, niaran'ny hain-tany iny faritra Atsimon'ny Nosy iny. Tsy nilatsaka ny orana. Maina ny tany. Tsy nisy fambolena azo natao. Azon'ny mosary na "kere", araka ny filazan'ny olona any an-toerana, ny mponina tany Atsimo. Maty avokoa ny biby fiompy rehetra : akoho amam-borona, osy, ondry, indrindra ny omby. Ny omby no tena betsaka maty. Ny omby, izay reharenan'iny faritra iny sy niankinan'ny toe-karen'i Madagasikara. Betsaka koa ny olona matin'ny hanohanana. Sahirana ny Fanjakana. Voadona mafy ny toe-karena. Tsy afaka namokatra ny olona fa matin'ny hanohanana. Niara-maty taminy hatramin'ny biby fiompiny.

Notovonan'ny rivo-doza Geralda indray izany ny volana Febroary 1994. Nahery vaika tokoa ity rivo-doza ity. Betsaka ny zavatra potika. Potika tanteraka ny tanàna sy ireo foto-drafitrasa samihafa. I Toamasina sy Antananarivo no tena nitondra faisana. Nahitana fahasimbana maro ihany koa tany amin'ny faritany. Tapaka ny lalana (lalam-pirenena, lalam-by,...) sy ny tetezana. Tapaka koa ny fifandraisana noho ny fahasimbana teo amin'ny fitaovam-pifandraisana sy ny herinaratra. Niakatra ny renirano. Maro ny faritra dobo, indrindra ny faritra iva. Betsaka ny tra-boina. Tao ny rava trano sy fananana. Potika ny fambolena. Nahatratra hatrany amin'ny 90% ny faharavana. Potika avokoa na ny voly fihinan'ny mponina (vary, anana isankarazany,...), na ny voly fanondrana izay niankinan'ny toe-karen'ny Firenena (kafe, jirofo, vanilina,...) . Latsaka an-katerena ny toe-karena malagasy. Nila vonjy tany amin'ny fianakaviam-be iraisam-pirenena ny Fanjakana.

Raha fehezina dia fahasahiranana ara-toe-karena no niainan'ny vahoaka malagasy nandritra ny taona 1991-1995. Tsy nisy vahaolana hita mihitsy mba hanarenana ny firenena. Nahakasika hatramin'ny lafiny sosialin'ny vahoaka mihitsy ireo olana voalaza teo aloha ireo.

1-2-3-Teo amin'ny lafiny sôsialy

Toko telo mahamasa-nahandro ny lafiny pôlitika, toe-karena, ary sosialy. Mifampiankina hatrany ireo sehatra telo ireo. Raha ny lafiny sôsialy teo amin'ny fiainan'ny Malagasy no asian-dresaka, dia tsy mifanalavitra tamin'ny olana nisy teo amin'ny sehatra pôlitika sy toe-karena no niseho. Voakasika daholo,

- na ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny
- na ny lafiny fandriampahalemana
- na ny sehatry ny fanabeazana sy ny kolontsaina

1-2-3-1-Ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny

Nanantena rivo-baovao ny Malagasy raha nanao ny fitokonana tamin'ny taona 1991. Tsy izany anefa no nitranga. Nitotongana ny harin-karena faobe. Tsy nitsaha-nitombo ny vidim-piainana. Ny pôlitika vaovao noheverin'ny fitondrana hanarenana ny toe-karena indray no nandatsaka an-katerena ny fiainan'ny vahoaka madinika. Nanampy trotraka koa ny fiakaran'ny vidin'ny solika teo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Nitarika ny fiakaran'ny saran-

dalana izany. Nefa raha miakatra ny saran-dalana, dia nanaraotra nampiakatra ny vidinentana ny mpivarotra. Noho izany, sahirana ny vahoaka, satria tsy maharaka ny vola eo ampelatanana. Manginy fotsiny ny hetra alain'ny Fanjakana ho an'izay manan-trano sy tany manokana. Nizaka ny tsy eran'ny ainy mihitsy ny olona. Tsy nanova ny fiainan'ny vahoaka ny tetika samihafa naroson'ny fitondrana mba hanatsarana ny tontolo manodidina azy. Vao mainka nampahantra azy aza. Diso fanantenana nanoloana ny toky fitaka nataon'ny Fanjakana ny olona. Ny vahoaka indray mantsy no tereny an-kolaka hanampy azy, tamin'ny fandoavana hetra mihoatra ny tokony ho izy. Nanampy trotraka koa ny loza voajanahary. Nitondra fahavoazana lehibe teo amin'ny tontolo iainana sy ny fiveloman'ny mponina izany. Ny fihenana'ny vokatra dia nahatonga ny tsy fahampian-tsakafo. Nifampitadiavana ny fanafody. Raha nisy aza izany, dia tsy zakan'ny fahefa-mividin'ny sarambabe-bahoaka. Be ny elanelana nisy teo amin'ny fari-piainan'ny samy Malagasy.

Nanoloana ny adim-piainana, dia niezaka hatrany ny Malagasy hanatsara ny fiainany. Nitady asa tetsy sy teroa. Betsaka anefa ireo diso fanantenana. Tsy nifanentana mantsy ny asa nampanaovina azy sy ny karama noraisiny (karama varimasaka). Ny ankamaroan'ny orinasa teto Madagasikara rahateo efa nisintahan'ny Fanjakana. Koa izay tian'ireo mpanambola vahiny nahazo ny orinasa atao no nataony. Tahaka ny tsy misy lalàna mifehy ny asa. Samy manao izay danin'ny kibony tokoa ireo mpampiasa. Manjaka amin'izany ny fanambakana sy ny tsindry hazolena. Raha misy ny te hanohitra na mba mitaky ny zony, dia fampitandremana na fandroahana avy hatrany no azony. Noho izany, toy ny tsy manana ihany izay manana asa. Tsy misy dikany ny nianarana mba hahazoana mari-pahaizana. Tsy manan-danja intsony, mantsy, izany. Sasa-poana ny ray aman-dreny mampiana-janaka. Sady lany vola aman-karena no lany fotoana. Mitovy amin'ny asan'ny olona tsy nandalim-pahaizana ihany mantsy, ny asa azon'izy ireny. Betsaka ihany koa ny orinasa izay nikatona. Hany ka tsy naharaka ny tolotra asa nisy.

Niezaka ihany ny Fanjakana namorona asa ho an'ny tanora. Nanjakan'ny risoriso sy ny tsolotra anefa izany. Izay nanam-bola sy nahafantatra olona ihany no voaray. Hatramin'ny fikarakarana ireo antontan-taratasy ilaina amin'ny fitadiavana asa eny amin'ireny biraompanjakana ireny aza, dia nanahirana avokoa. Tsy vita ny taratasy ampanaovina ireo tomponandraikitra raha tsy tambazana vola izy. Kivy tanteraka ireo tanora ka niraviravy tanana. Vokany, maro ny tsy an'asa. Ny sasany, lasa jiolahy sy mpandroba ary mpangalatra.

Ny sasany, lasa mpirenireny fotsiny sy mpidoroka zava-mahadomelina. Ny any ambanivohitra rahateo tsy mahatamana intsony. Ireo nipetraka tany aza niakatra aty andrenivohitra mba hitady asa, nefa dia nanampy isa ireo tsy an'asa.

“Raha noana ny kibo, mivezivezy ny fanahy”. Nanomboka tsy nandry ny tany. Tsy nilamina ny fiarahamonina. Nampanontany tena ny fahitana ireo mpitandro filaminana tetsy sy teroa.

1-2-3-2- Ny sehatry ny fandriampahalemana

Rehefa tsy misy ny vola dia tsy afaka mihinana ny olona. Tsy azo anefa ny vola raha tsy miasa. Ny asa tsy misy. Raha misy aza izany dia karama varimasaka. Tsy maharaka ny filan'ny olona akory ny vola eo am-pelatanany. Noho izany, maro ny mihinana tapa-kibo, ny mahantra tsy fidiny. Misy ihany koa ireo very trano sy fananana tampoka noho ny tsy fahafahany mandoa ny hetra ara-dalàna. Lafo loatra mantsy ny vola alain'ny Fanjakana, ka tsy zakan'ny olona. Tsy misy anefa ny fandefarana, fa ny fananana no takalony. Nitombo isa ireo tsy manan-kialofana sy ny tsy manan-kohanina. *“Ny kibo, anefa, tsy lamosina”*. Nanita-tsaina ny olona, satria tsy maintsy mihinana. Nahazo vahana ny fandrohana, na an-tanàn-dehibe, na tany ambanivohitra. Saika nitanisa ny zava-nisy avokoa ireo gazety mpivoaka isan'andro: Midi Madagasikara, Madagasikara Tribune, ...Halatra, vonoan'olona, fanendahana no re etsy sy eroa. Ny fiparitahan'ireo fitaovam-piadiana, indrindra fa ny basy, no toa nanamora ny fikasan-dratsin'ireo jiolahy. Tsy nisy lanjany intsony ny fitandroana ny fihavanana malagasy sy ny fahamarinana. Lasa tia tena ny olona. *“Sarotra, hono, ny fiainana”*. Ny olona sasany aza niezaka mafy nanao izay hahatafiditra azy tao amin'ny antoko pôlitika miandany amn'ny fitondrana, mba hahazoana toerana ambony. Kanefa raha manana fahefana izy, na dia kely aza, dia entiny ampahoriana ny manodidina azy izany. Fikatsahana ny tombontsoan'ny tena manokana no tena tanjona, fa tsy fanarenana ny firenena. Tsy olana aminy mihitsy na dia mampitondra fahoriana ho an'ny hafa aza, na hamonoana olona aza izany. Didin'ny be sandry tokoa no nanjaka nanerana ny Nosy.

Nandray ny andraikiny ihany ireo mpitandro filaminana sy ireo hery samihafa mba hamerenana ny filaminana. Nihetsika ny pôlisy, zandary, miaramila. Nisy ny voasambotra sy nampidirina am-ponja. Tsy namerina tanteraka ny fandriampahalemana anefa izany. Tsy tery

lalana mantsy, ny mpanao ratsy. Maro rahateo izy ireo. Ary ahitana olona ambony amin'izy ireny ka sarotra amin'ireo mpitandro filaminana ny misambotra azy. Tsy maintsy manao io asa ratsiny io rahateo izy ireo mba hivelomany. Koa tsy ampy ny fisamborana azy sy ny fampidirana am-ponja. Tsy nampiato ny ahiahy sy ny fitaintainan'ny sarambabem-bahoaka izany. Mandry tsy lavo loha mandrakariva ny olona. Nanomboka tany amin'ny fihetsiketseham-bahoaka io tsy fandriampahalemana io. Ary nitohy hatrany, na dia efa nitsangana aza ny Repoblika Fahatelo.

Tsy ny fandriampahalemana ihany no narisarisa, fa ny sehatry ny fanabeazana ihany koa.

1-2-3-3-Ny fanabeazana sy ny kolontsaina

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny maha firenena ny firenena iray ny fomba fanabeazana sy ny kolontsaina ao aminy.

- Ny fanabeazana

Nisetra olana daholo, na ny ambaratonga voalohany sy faharoa, na ny ambaratonga ambony.

Ny ambaratonga voalohany sy faharoa

Ireo toerana lavitry ny renivohitra sy saro-dalana no tena nisetra olana. Tsy ampy ny mpampianatra. Mivangongo ety an-tanàn-dehibe avokoa izy ireo. Izay miasa any ambanivohitra indray, tsy mahazo fanofanana ara-dalàna. Hany ka mifanalavitra ny fari-pahalalan'ny mpianatra any an-toerana sy ny ety an-drenivohitra. Manampy trotraka koa ny tsy fahampiana eo amin'ny fitaovam-pampianarana. Saika manao izay saim-pantany ireo mpampianatra any ambanivohitra. Miezaka mamorona fitaovana ihany izy hampitany ny lesona. Ny sasany kosa, mionona amin'izay ananan'ny sekoly. Noho izany, betsaka ireo mpampianatra kivy ka nitsoaka an-daharana, na niala tany ambanivohitra mihitsy aza. Tsy tamana izy ireo, satria toa tany lavitra andriana ny toerana misy azy, ka tsy misy mijery na mikarakara akory.

Teo ihany koa ny olana amin'ny teny enti-mampianatra. Nanova pôlitika ny Fanjakana teo amin'ny teny enti-mampianatra. Nampivadiana ny teny malagasy sy ny teny frantsay teo

amin'ny teny enti-mampianatra, satria noheverina fa tsy ampy raha ny teny malagasy fotsiny no entina hampitana fahalalana. Ny mpianatra anefa maro no tsy mahafolaka io teny io, indrindra fa ireo izay efa nampiharana ny Fanagasiana. Sahirana tokoa izy ireo teo amin'ny fianarana lesona. Voatery nanao tsianjery fotsiny Azo lazaina fa niteraka fisavoritahana teo amin'ny mpianatra io fiovana tampoka io. Ny fandaharam-pianarana rahateo niova, na tany amin'ny E.P.P., na tany amin'ny C.E.G., na tany amin'ny "Lycée". Nanana olana ihany koa ny mpampianatra tamin'ny fampiasana ity teny vaovao enti-mampianatra ity. Maro tamin'izy ireo mantsy, no mbola nofanina tamin'ny andron'ny Fanagasiana. Koa nananosarotra azy ny nampita lesona tamin'ny teny firantsay. Noho izany, tsy tafita tsara ny fampianarana. Nihena ny faharisihan'ny mpampianatra sasany tamin'ny asany. Betsaka ireo nitsoaka an-daharana. Vokany, maro ireo sekoly no nikatona, indrindra fa ireo niorina tamin'ny Repoblika Faharoa. Tao ihany koa ireo sekoly ravan'ny rivo-doza ka tsy nisy fanarenana, no tsy nisokatra intsony. Maro, araka izany, ireo zaza tsy tafiditra an-tsekoly, indrindra ny tany ambanivohitra.

Nisy ihany ny mpianatra izay niezaka hatrany, ka tonga tany amin'ny ambaratonga ambony. Nisetra olana koa anefa ny fampianarana na dia teny amin'ny ambaratonga ambony aza.

Ny ambaratonga ambony

Sahirana ny mpianatra tamin'ny fampandehanana ny fianarany. Tsy mahampy ny vola alefan'ny ray aman-dreniny, indrindra fa ho an'ireo avy any amin'ny faritany. Ny vidim-piainana anefa tsy mitsaha-mitombo. Eo koa ny fiakaran'ny saran-dalana izay tsy maintsy miala aminy eo amin'ny fivezivezena mandritra ny taom-pianarana. Misy ihany ny vatsim-pianarana avy amin'ny Fanjakana, saingy tsy ampy. Nitaky fampisondrotana io vatsim-pianarana io, saika isan-taona, ny mpianatra. Eo ihany koa ny fampitaovana izay tsy mba voajerin'ny fitondrana loatra. Ny toerana ianarany sy ny trano fonenany efa antitra tokoa. Ireo fitaovana ampiasaina any am-pianarana zara raha azo ihoriranana. Tsy misy fanamboarana na fanavaozana ireo varavaran-tsekoly. Ireo fitaovana ampiasaina ao amin'ny "laboratoire", efa antitra ihany koa. Ny efi-trano sasany, tsy misy jiro sy tsy misy latabatra akory. Sady mahamenatra sy maharary, no mampalahelo raha izany no toerana hanovozan'ireo izay hanankinana ny ho avim-pirenena.. Efa ratsy ny foto-drafitrasa. Ipetrahan'ireo mpandraharaha ny sasany amin'ireo tranon'ny mpianatra. Ny fananganana trano voavao anefa tsy misy. Mivangongo amina efitra iray ny mpianatra telo na efatra. Noho izany, sahirana izy ireo amin'ny fifantohana amin'ny fianarana. Izany no nanereny ny mpitondra Fanjakana hijery akaiky ny fiainany sy hitady vahaolana haingana.

Nahatsiaro ho natao ankila-bao koa ny mpampianatra. Tsy voajery loatra ny maha-mpampianatra mpikaroka azy. Toa ireo izay tsy misasatra tamin'ny asany indray no mahazo tombony amin'ny fikarohana ataony, dia ireo vahiny. Tsy ampy rahateo ny fitaovana entiny manatanteraka ny asany. Ny tambin-karama sy ireo tokony ho tombontsoany manokana, zara raha azony. Ny karama, tsy azo ara-dalàna ary tsy ahitana fison-drotany loatra. Ny vidim-piainana anefa tsy mitsaha-mitombo. Raha tsorina dia tsy nomen-danja ireo manam-pahaizana malagasy. Any amin'ny mpianatra izy ireo no mba miresadresaka ny alahelony rehefa tsy mahazo rariny amin'ny Fanjakana. Manimba ny toe-tsain'ireo taranaka anefa ny fahitana izany. Mahatonga azy tsy hanohy lavitra ny fianarany, mantsy, ny fahatsapany ny fikimpin'ny fitondrana manoloana ireo olana setrain'ny mpampianatra azy. Niezaka nitaky ny zony tamin'ny alalan'ny fitokonana tsendikaly ihany izy ireo, saingy nadikan'ny fitondram-panjakana ho fanazongozonam-panjakana izany. Fitiavan-tena no nilazan'ny Fanjakana ny hetsika izay nataony.

- Ny kolontsaina

Noho ny fampanjakana ny “demôkrasia”, dia tsy natahotra namoaka ny heviny ny olona. Nihamaro rahateo ireo fampielezam-peo tsy miankina nahafahany nanao izany. Nanamafy izany ny zavatra nolazain'ity gazety iray ity : “ *ny demokrasia dia milaza hoe fahafaham-bahoaka, (...) fahalalahana ananan'ny olona hamoaka hevitra na an-gazety izany na amin'ny fanaovana fihetsiketsehana an-dalam-be (...)*”. (Lakroan'i Madagasikara, lah.2728, 23 Jona, p.3). Nihanitombo koa ny antokom-pivavahana nijoro, indrindra ny teto Antananarivo. Ny sasany tamin'izy ireny moa dia nataon'ny mpanao pôlitika sasany ho fitaovana hampitana ny heviny momba ny raharaham-pirenena. Nitombo isa koa ireo tarika mpanao hira madinika, na ara-pilazantsara izany, na tsia. Fomba iray hahafahana mampita izay zavatra hita eo amin'ny fiainam-bahoaka koa mantsy, ny hira. Niroborobo fatratra ny hira madinika tamin'izany, sady nankafizin'ny olona maro tokoa. Azo lazaina fa nalalaka tokoa ny fanehoan-kevitra teto Madagasikara, nandritra ny Repoblika Fahatelo.

Nifandroritana ny kolontsaina vahiny sy ny azy ny tanora malagasy. Noheverin'izy ireo fa ny fanarahana ny kolontsaina nitobaka avy any ivelany no tena fandrosoana. Anisan'izany ny fianarana ny tenim-pirenena isan-karazany sy ny fahaizana “informatique”. Ny boky

voasoratra amin'ny teny vahiny koa nitobaka betsaka teny an-tsena. Tsy tenim-pirenena ihany no nianarana, fa hatramin'ny fomba fitafy vahiny, ny fomba fiainany andavanandro mihitsy aza. Efa tsy mahamenatra intsony ny fandefasana ireny fihetsika na sary mamoaafady rehetra ireny amin'ny fahitalavitra sy any amin'ny boky na horonantsary samihafa. Any amin'ireny trano fandefasana “vidéo” ireny no tena ahitana izany betsaka. Izany rehetra izany anefa dia mifanohitra amin'ny toe-tsaina malagasy. Ny sasany moa toa tsy mihevi-tena ho Malagasy intsony, ka sahy manivaiva ireo soatoavina malagasy, izay mirakitra ny fahendren'ny razana. Tototry ny kolontsaina vahiny tokoa ny olona, ka lasa sahy manimbazimba ireo vakoka navelan'ny razany. Miresaka izany ANDRIAMANANTENA Georges ao amin'ny lahatsorany mitondra ny lohateny hoe “:Hilaza ve ianao fa...”, manao hoe : “(...) *mihavery ny mahamalagasy, fa mirongatra tsy hay tohaina kosa ny fomba aman-toe-tsaina vahiny, hany ka mampanahy be ihany ny hoavin'ny taranaka*”. (gazety Valiha, lah.26, in Tribune, lah.1.624, 30 Aprily 1994). Porofo nivaingana tamin'izany ny fahasahiana nandoro ny rovan'i Manjakamiadana, ny taona 1995. Nanetsika ny fo sy ny saina amam-panahin'ireo Malagasy izay mbola nandala ny nentin-drazany io toe-javatra io, ka nahatonga azy ireo hamelona indray ireo fomban-drazany. Anisan'izany, ohatra, ny fankalazana ny “*Alahamadibe*”, ny “*Fitampoha*”, sy ny fanasinana ireo toerana masina isan-karazany. Mba hanehoana amin'ireo tanora malagasy sy ireo vahiny ny maha izy azy ny firenena malagasy no tanjona tamin'izany.

FEHINY :

Tonga taty Madagasikara ny rivo-pahafahana nitsoka tany ivelany. Nanainga ny vahoaka hitady fanovana nanoloana ny zava-nisy teo amin'ny firenena nisy azy ny zavatra hitany sy reny. Leo ny fampahantrana natao azy koa izy, ka nanao fihetsiketsehana ho fanoherana ny fitondrana nisy teo aminy. Niafara tamin'ny firodanan'ny Repoblika Faharoa moa ny fitokonana nataon'ny vahoaka, raha ny teto Madagasikara no resahina. Nandalo teteza-mita ny raharaham-pirenena. Natao ny fitsapan-kevi-bahoaka indroa misesy, izay nandaniana ny Lalàm-panorenana vaovao sy nifidianana ny Filoham-pirenena vaovao. Lany tamin'ny fihodinana faharoa ny Filoha ZAFY Albert. Niezaka nanarina ny toe-karem-pirenena izay potika nandritra ny fihetsiketseham-bahoaka no nataony rehefa tonga teo amin'ny fitondrana izy. Tsy nisy vokany ny ezaka izay natao. Latsaka an-katerena ny

firenena. Niharatsy ny fiainam-bahoaka. Tsy nilamina ny tany. Narisarisa ny sehatry ny fanabeazana sy ny kolontsaina. malagasy resy manoloana ny fiainana sy te hanakalo ny nentin-drazany amin'ny fombafomba vahiny no hita taratra, indrindra fa ny tanora. Nahazo vahana ny fianarana teny vahiny sy “informatique” tetsy sy teroa. Izany no noheverina ho tena fandrosoana sy hanala ny firenena amin'ny fahantrana..Tsy nifanalavitra ny tamin'ny Repoblika Faharoa ny fiainan'ny vahoaka, na efa Repoblika Fahatelo aza no nisy azy. “ Miala an'Ankatso dia Ambohidempona”! Izany no azo ilazana azy. Hisy akony amin'ny tantaran'ny literatiora Malagasy amin'ny ankapobeny, ireo voalaza teo ambony teo ireo.

II- NY FIANTRAIKAN'NY ZAVA- MISY TEO AMIN'NY LITERATORA AN-TSORATRA MALAGASY TAMIN'IO FE- POTOANA IO

Fitaovana famelomana ny lasa, ahafantarana ny zava-nisy sy ny tantara ny asa soratra. Araka izany, nisy fiantraikany teo amin'ny literatoria Malagasy ihany koa ny zava-nisy teto Madagasikara. Ny endriky ny lietratiora tamin'izany no hojerena mialoha ny hiresahana momba ny tara-kevitra hita taratra tamin'ireo asa soratra nisy tamin'ity vanim-potoana ity.

2-1- Ireo andry nampijoro ny literatoria:

Hoy RANJATOHERY Harilala : “*Ny mpanoratra dia olona miaina, miaritra ary mahita ny zava-mitranga eo amin'ny fiaraha-monina, ka mandrakitra izany an-tsoratra*”⁶. Araka izany, nanana anjara toerana lehibe tokoa ny literatoria teo amin'ny fampitana ny zava-nisy teto Madagasikara. Voarakitra an-tsoratra izy ireny, ka navoaka an-gazety, na noraketina ho boky mihitsy aza. Hotanisaina fohy etsy ambany ireo hetsika samihafa nisy tamin'izany, mialoha ny hiresahana momba ireo gazety sy boky sasantsasany nisy ny asa soratra (santionany ihany no hotanisaina noho ny hamaroany), ary ireo fikambanana mpanoratra sy ireo mpanoratra fanta-daza.

2-1-1-Ireo hetsika samihafa teo amin'ny sehatry ny literatoria

Nanampy ny mpanoratra malagasy tokoa ny pôlitikam-panjakana momba ny fanalalahana ny fanehoan-kevitra sy ny fanajana ny maha-olona. Foana ny sakantsakana sy ny sivana teo amin'ny fahazoana mamoka asa soratra. Nanamora ny asany koa ny fisian'ny haino aman-jery izay tena maro tokoa. Anisan'izany ny radio Feon'ny vahoaka, ny radio Tsiokavao,... Raha tsorina dia niroborobo aoka izany ny asa soratra tamin'ity vanim-potoana ity. Vanim-potoana nanomezan-danja manokana ny “Teny Malagasy” sy namerenana ireo fifaninanana isan-karazany teo amin'ny sehatry ny literatoria ihany koa ity Repoblika fahatelo ity. Ireto misy santionan'ny hetsika tamin'izany :

-ny taona 1991, nampanao fifaninanana ny Edisiona Lova sy ny BMOI ho fankalazana

⁶ “conference” momba ny “Tantaran'ny literatoria malagasy vanim-potoana ankehitriny”, nataon-dRANJATOHERY Harilala, mpampianatra sy mpanoratra, tao amin'ny Lycée ACEEM Ankadivato Antananarivo, tamin'ny 16-05-07.

ny fahazato taonan’Ny AVANA RAMANANTOANINA. Nahazo voalohany tamin’izany i Harilala RANJATOHERY, tamin’ny amboaran-tononkalo mitondra ny lohateny hoe: “Fandrirobola”.

-tamin’ny taona 1993, dia nisy ny fankalazana ny andron’ny “Teny Malagasy”

-ny taona 1995 indray, dia nisy ny fifaninanana tantara foronina nampanaovin’ny HAVATSA-UPEM. Ny boky mitondra ny lohateny hoe: Vakivakim-piainana, nosoratan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no nahazo ny loka voalohany.

-tamin’io taona io ihany koa no nampanaovana ny fifaninanana **“RANTO”**, izay nifantenana ny asa soratra mendrika indrindra. Ny Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy teny amin’ny Oniverisiten’Antananarivo no nampanao azy. Ireto avy no nahazo ny loka tamin’izany :

*“Nadika tany an-danitra”, amboaran-tonokalo nosoratan’i Thierry RAONIZANANY,

*“Haika”, amboaran-tononkalo nosoratan-dRAMPANANA Raymond,

*“Ako sy antso”, amboaran-tononkalo nosoratan-dRABENJA Solomon

*“Tandindona”, amboaran-tononkalo nosoratan-dRANJATOHERY Harilala;

*Sangodim-panina, tantara foronina nosoratan’Ilay

(RALAISAHOLIMANANA Louis);

*Ilay mpitoraka antsamotady, sombin-tantara nosoratan’i Aldo-Emma;

2-1-2-Ireo gazety sy boky namoahana ny asa soratry ny mpanoratra

Vanim-potoana nanomezan-danja ny literatiora malagasy ity vanim-potoana ity. Koa rariny sy hitsiny raha noraketina an-gazety sy boky izy ireny mba hovakin’ny taranaka.

Ireto avy ireo gazety sy boky sasany nahitana ireo asa soratra novokarin’ny mpanoratra tamin’izany.

2-1-2-1-Ireo gazety

-Ambioka: (gazetin’ny Faribolana Sandratra)

-Valiha : (gazetin’ny HAVATSA-UPEM)

-Feon’ny Merina

-Lakroan’i Madagasikara

- Madagascar Tribune

-Midi Madagascar

Sns

2-1-2-2-Ny boky

-Vakivakim-piainana, tantara foronina nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

-Sangodim-panina, tantara foronina nosoratan'Ilay (RALAISAHOLIMANANA Louis)

-Ilay mpitoraka antsamotady, sombin-tantara nosoratan'i Aldo-Emma

-Nadika tany an-danitra, amboaran-tononkalo nosoratan'i Thierry RAONIZANANY

-Haika, amboaran-tononkalo nosoratan-dRampanana Raymond

-Ako sy antso, amboaran-tononkalo nosoratan-dRabenja Solomon

-Tandindona, amboaran-tononkalo nosoratan-dRanjatohera Harilala

-Sedra, amboaran-tononkalo nosoratan'i Rado

Sns.

Tsy nijanona tamin'ny famoahana an-gazety sy boky fotsiny ireo mpanoratra, fa nanangana fikambanana samihafa.

2-1-3-Ireo fikambanana mpanoratra

Fotoana volamena ho an'ny mpanoratra Malagasy ity vanim-potoana ity. Nahazo aina koa ny fikambanana nivondronan'izy ireo. Afaka nanao hetsika samihafa sy naneho ny maha izy azy avy ny isan'antokony. Ireo fikambanana ireo moa dia efa niorina hatrany amin'ny Repoblika faharoa, saingy tsy afaka nisongadina noho ny sakantsakana nataon'ny fitondrana tamin'ny hamafin'ny sivana teo amin'ny famoahana asa soratra. Rehefa nitsoka ny rivotry ny

“Demôkirasia” izay nitondra fanalalahana pôlitika sy nanafoana ny sivana, dia nisokatra ny lalana nahazoan'ny mpanoratra naneho ny talentany. Nanomboka fantatra ireo fikambanana isan-karazany. Teo aloha ny “Union des Poètes et Ecrivains Malgaches” na UPEM izay zokiny indrindra. Tsy hadino ny “Faribolan'ny mpanoratra Sandratra”. Ary farany dia ny fikambanana “Fivoy”. Hojerena misesy etsy ambany ny momba azy ireo tsirairay.

2-1-3-1-Ny “UPEM” na “HAVATSA-UPEM” taty aoriana

Tamin'ny 6 Septambra 1952, tamin'ny 6 ora hariva no niorina ny fikambanana. Tao amin'ny efitrano fisoratam-panambadiana (salle de mariage autochtone) ambany rihana tao amin'ny “hôtel de ville” Antananarivo no toerana nanorenana azy. Andriamatoa isany :Paul ABRAHAM SY Régis Rajemisa RAOLISON no tompon-kevitra tamin'ny fanorenana ny

fikambanana. Nisy 15 mirahalahy ireo mpikambana niara-nanorina ny fikambanana tamin'izy roalahy. Ireto avy izy ireo :

- Elie Charles ABRAHAM
- Bernard RANJATO
- Pénombre ANDRIAMPENOMANANA
- RAZAFINDRATRE
- Odéam RAKOTO
- Michel Guste RAKOTONIRINA
- René ANDRIARIMALALA
- Faustin RAHARISON
- Jean Verdi Salomon RAZAKANDRAINY (Dox)
- Jean Louis RAZAFINDRABE
- Flavien RANAIVO
- Claude Daud Ratsarazaka RATSIMANDRESY
- Raymond ABRAHAM
- Janvier ABRAHAM
- Michel Paul ABRAHAM

Notovonana hoe « HAVATSA » ny anaran'ny fikambanana taty amin'ny taona 1995. Anarana nalaina tamin'ny hoe : « tomboka havatsa » io nasalotra ny fikambanana io. Midika ho haingo mipetraka amin'ny olona, ka natao haharitra mandrakizay ity anarana ity. Manana ny rafitra mifehy azy ny fikambanana :

- eo aloha ny fepetra takina amin'ny filatsahana ho mpikambana ;
- eo koa ny fitsipika mifehy ny fikambanana.

Ny fepetra takina rehefa hilatsaka ho mpikambana

Fikambana tsy mialon-jafy HAVATSA-UPEM. Tsotra ny fepetra takina amin'izay maniry hilatsaka ho mpikambana ao aminy:

-mitady olona ho mpiahy azy aloha ilay olona maniry hiditra ho mpikambana mba hanolotra azy eo anivon'ny fikambanana.. Mpikambana tranainy ao amin'ny HAVATSA io olona alaina ho mpiahy io. Ary misy santionan'ny asa soratr'ilay mpikambana vao hiditra vakina mandritra ny fotoam-pivoriana.

-ny volana May sy Novambra no fanatanterahana izany.

-ny volana Jona sy Desambra kosa no fotoana natokana handraisana ny mpikambana vaovao.

-rehefa hita sy tsapa ny fananan'ilay olona aingam-panahy sy talenta, dia efa ampy handraisana azy ho mpikambana izay. Manampy azy amin'ny fivelarany eo amin'ny sehatry ny literatiora sy mba handrosoany ho amin'ny tsaratsara kokoa hatrany mantsy izany.

Ny fitsipika mifehy ny fikambanana

Toy ny fikambanana rehetra, dia manana ny fitsipika mifehy azy ny fikambanana HAVATSA-UPEM. Anisan'izany ny birao mpitantana azy sy ny mpikambana ao anatin'ny. Ny alin'io 6 Septembra 1952 io ihany, tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany tany ho any, no nanaovana ny fifidianana ny birao voalohany hitantana ny fikambanana.

Toy izao ny firafitr'izany birao izany:

FILOHA

FILOHA LEFITRA

MPITAN-TSORATRA

MPITAN-TSORATRA LEFITRA

MPITAHIRY VOLA

MPITAHIRY VOLA LEFITRA

MPITAHIRY BOKY

Ireto kosa ireo mpikambana tao anatin'io birao voalohany io:

- Filoha: Régis RAJEMISA RAOLISON
- Filoha lefitra: Elie Charles ABRAHAM
- Mpitan-tsoratra : Claude R. RATSIMANDRESY
- Mpitan-tsoratra lefitra : Bernard RANJATO
- Mpitahiry vola: Pénombre ANDRIAMPENOMANANA
- Mpitahiry vola lefitra: Michel Guste RAKOTONIRINA
- Mpitahiry boky : Jean Verdi Salomon RAZAKANDRAINY

Niaraha-nanapaka nandritra ity fotoam-pivoriana ity koa ny fanavaozana ny mpikambana ao amin'ny birao ho isaky ny telo taona.
Tsy niova mihitsy anefa io birao io vanim-potoana 1952-1990. Lany ho filoha hatrany mantsy Andriamatoa Régis RAJEMISA RAOLISON.

Tamin'ny 10 Febroary 1991 indray vao nisy fanavaozana ny birao, satria nodimandry ny Filoha izay nitarika ny fikambanana. Niova ihany koa ny firafitry ny birao sy ny mpikambana tao aminy.

Toy izao indray ny firafitry ny birao vaovao.

FILOHA

FILOHA LEFITRA 1

FILOHA LEFITRA 2

SEKRETERA JENERALY

SEKRETERA 1

SEKRETERA 2

MPITAHIRY VOLA

MPITAHIRY BOKY

MPANOLO-TSAINA

Ireto avy koa ireo mpikambana vaovao tao amin'ny birao:

- Filoha : ANDRIAMANANTENA Céléstin
- Filoha lefitra 1: ANDRIARIMALALA René
- Filoha lefitra 2 : RAKOTONINDRIANA Charles Victor
- Sekretera jeneraly : RAZAFINTSALAMA Jean Fidèle
- Sekretera 1 : RAZANAMANANA Marie Julienne
- Sekretera 2 : RAKOTOARISOA Harry ANDRIANARINJATO
- Mpitahiry vola : - RAVELOMANANTSOA Rafidy
- RANAIVO Julien
- Mpitahiry boky : RANIVOARIVELO Georgette Gabrielle
- Mpanolo-tsaina : - ANDRIAMANANTENA Georges
- RAKOTO Ralarosy
- RAMAMISON Ferdinand Roger.

Nisy indray ny fifidianana manaraka ny faha 09 ny volana Marsa 1994. Niova koa ny mpikambana tao amin'ny birao. Saingy tsy nahitana fiovana kosa teo amin'ny fomba firafitry ny birao tamin'ny ankapobeny, fa nampiana “MPANDINI-BOLA” fotsiny ny rafitra efa nisy teo aloha.

Ireto avy ny birao voafidy tamin'izany:

- Filoha: ANDRIAMANANTENA Céléstin
- Filoha lefitra1: RAKOTOARISOA ANDRIANARINJATO
Harry
- Filoha lefitra 2: RAKOTONINDRIANA Charles Victor
- Sekretera jeneraly: RASAMOELINA Jean Maurice Paul
- Sekretera 1 : ANDRIAMAMPIANINA Mira Oelimanana
- Sekretera 2 : RAZANATSIMBA Abéline Eléonore
- Mpitahiry vola: - RANAIVO Julien
-RAMAMISON Roger Ferdinand
- Mpitahiry boky : RANIVOARIVELO Georgette Gabrielle
- Mpanolo-tsaina : - ANDRIARIMALALA René
-ANDRIAMANANTENA Georges
-RASOARIMALALA Esther
- Mpandini-bola : -RASOLOFONIAINA Donnat Rodolph
-RANDRIAMIFIDY Jean Rossinah.

Mivory indray mandeha isam-bolana ny fikambanana. Isaky ny Alahady faharoa amin'ny volana no anaovana izany.

Azo zaraina telo ny fandaharam-potoana amin'izany:

-ny fampandrosoana ny fikambanana sy ny toe-bolany no iaraha mandinika voalohany;

-miditra amin'ny famakiana asa soratra avy eo (tononkalo, sombin-tantara, tantara foronina,...),

-ary entina mamarana ny fotoana ny fanaovana hatsikana isan-karazany sy ny firesadresahana momba ny Teny Malagasy, toy ny fanitsiana ny tsipelina.

Malalaka tanteraka ny mpikambana ao amin'ny HAVATSA-UPEM amin'izay tiany hanompanana ny asa sorany.

Mandray anjara amin'ireo fihetsiketsehana koltoralaly sy momba ny Teny Malagasy ihany koa izy rehetra.

Ohatra:

-ny fampirantiana sy ny fivarotana ireo asa soratra novokarin'ireo mpikambana ao aminy,

-ny fandraisana anjara amin'ny fanandratana ny mpanoratra,

-ny fampisehoana tantara tsangana,

-ny fanaovana foara mandritra ny « roa andron'ny poeta », tamin'ny taona 1995,...

Ny fanatanterahana ireo hetsika samihafa voalaza ireo dia niarahany tamin'ny sampana momba ny koltoraly ao amin'ny Akademiam-pirenena malagasy sy ny Fikambanan'ny Mpikabary malagasy.

Fikambanana manana ny lanjany tokoa ny HAVATSA-UPEM.Tsy latsa-danja amin'izany koa anefa ny « Faribolana Sandratra ».

2-1-3-2-Ny fikambanana Faribolana Sandratra

« Fikambanana ivondronan'ireo poeta sy mpanoratra tanora malagasy vao misandratra eo amin'ny sehatry ny literatiora », no azo amaritana ny fikambanana Faribolana Sandratra.

Tany amin'ny taona 1982 tany ho any no efa nisy mpanoratra vitsivitsy nifanatona teny Ambatonakanga. Fivoriana sy fifanakalozan-kevitra nombana fifanabeazana sy fifampitaizana tamin'ny alalan'ny kolontsaina sy ny literatiora malagasy no tena nimasoan'izay tonga tao. Izany no maha faribolana azy.

Nambara tamin'ny fomba ôfisialy ny fijoroany ho fikambanana ara-panjakana ny taona 1984. Ary ireo mpanoratra vitsivitsy efa fanta-daza tany amin'ny Repoblika Faharoa no niara-namorona azy. Nifankahafantatra tsara tokoa izy rehetra, satria efa niray kilasy tao amin'ny Sampana Teny Malagasy teny Ankatso. Anisan'izany i SOLOFO José, LYDIARY, Ilay, Jean Nalisoa RAVALITERA, Ranoe, ARni, ary Ramy.

Manana ny tarigetrany sy ny fitsipika mifehy azy ny fikambanana.

Ny tarigetrany ny fikambanana

Araka ny efa voalaza, dia fifanabeazana sy fifampitaizana eo amin'ny sehatry ny asa soratra no tena tarigetrany ny fikambanana. Tsy mitsahatra mifanome hevitra ny mpiray fikambanana mba hahatsara hatrany ny asa soratra omeny ny mpamaky.

Tanjon'ny fikambanana ihany koa ny hamoaka asa soratra maharaka ny vanim-potoana sy ny zava-misy eo amin'ny Firenena, ka ho azon'ny taranaka holovana. Miankina amin'ny vokatry ny asa soratr'ireo mpanoratra miaina ny vanim-potoana ankehitriny mantsy, ny ho avin'ny literatiora malagasy any aoriana.

Anisan'ny tanjon'ny Faribolana Sandratra ihany koa ny fanofanana ireo mpikambana ao aminy mba hahazo fahalalana mikasika ny soratra sy ny zava-kanto, izay manampy betsaka azy ireo amin'ny famolahana ny Teny Malagasy. Manampy ny mpikambana amin'ny famoahana hevitra mafonja, voafehy ao anatin'ny teny vitsy io fomba io.

Fameloma-maso ny literatiora malagasy sy fanohizana hatrany ny asa efa vitan'ireo zoky teo aloha no ataon'ireo mpanoratra mikambana ao anatin'ny Faribolana Sandratra. Ny fampiakarana ny literatiora Malagasy ho amin'ny avo indrindra, mba tsy hitsanga-menatra manoloana ny literatiora hafa eran'izao tontolo izao, no tanjona faratampony kendren'ny fikambanana.

Ankoatra ny tarigetra, manana ny fitsipika mifehy azy koa ny fikambanana Faribolana Sandratra.

Ny fitsipika mifehy ny fikambanana

Misokatra ho an'izay rehetra maniry hanatevin-daharana azy ny fikambanana Faribolana SANDRATRA. Misy ihany anefa ny fepetra harahina amin'izany:

- mitondra ny santionan'ny asa sorany any amin'ny tomponandraikitra voalohany ao amin'ny fikambanana ilay mpanoratra vaovao te hiditra,
- misy vaomiera mandinika ireo asa soratra ireo ao amin'ny fikambanana. Ary miankina amin'ny fanapahan-kevitra raisin'ireo vaomiera ireo no andraisana ilay olona na tsia. Anjara asan'izy ireo koa moa ny mijery ny lesoka eo amin'ny fomba fanoratana.

Mivory indray mandeha isam-bolana ny mpikambana. Isaky ny Alahady tolakandro fahefatra ny volana no mifamotoana ny rehetra. Misy latsakemboka aloan'ny mpikambana tsirairay ho fampandrosoana ny asa sahanin'ny fikambanana. Ny hetsika rehetra ataon'ny fikambanana dia tsy maintsy andraisana'ny mpikambana tsirairay anjara.

Ohatra:

-ny antsan-tononkalo, fanaon'ny fikambanana isaky ny Alarobia fahatelon'ny volana, ao amin'ny "Cercle Germano-Malagasy" ;

-ny fitetezam-paritra isan-taona, atao ivelan'Antananarivo ;

-ny fampirantiana sy famelabelaran-kevitra samihafa izay andraisan'ireo mpanoratra malagasy rehetra anjara.

-ny fampahafantarana mpanoratra iray izay ataon'ny fikambanana isaky ny Alarobia faharoan'ny volana, ao amin'ny Galérie VI Analakely.

Tsy miseho ho mahaleo tena akory ny fikambanana, fa miezaka hatrany miara-miasa amin'ireo sampana hafa. Anisan'izany ireo foibe ara-kolontsaina malagasy sy vahiny, izay maro tokoa raha ny eto an-drenivohitra fotsiny no asian-teny.

Ohatra:

-ny Foiben'ny hasin'ny zava-kanto sy ny kolontsaina

-ny Foibe ara-tsaina Albert Camus (Centre Culturel Albert Camus) ;

-ny Foibe Koltoralny Amerikanina (Centre Culturel Americain) ;

-ny fiaraha-miasa amin'ny Tahala Rarihasina ao Analakely ;

...

Tena niroborobo fatratra tokoa raha ity fikambanan'ny mpanoratra mivondrona ao amin'ny Faribolana Sandratra ity, na teo aza ny tsy fisian'ny fanampiana azy manokana avy amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina, nandritra izay fotoana nijoroany izay. Niezaka hatrany izy ireo tamin'ny fanandratana avo ny literatiora malagasy. Na izany anefa, dia maniry ny fanohanana sy fanoloran-tanana avy amin'ny Fanjakana sy ny malala-tanana rehetra ny fikambanana. Mbola tanora dia tanora mantsy, na ny fikambanana, na ny ankamaroan'ny mpikambana ao aminy.

Mbola misy fikambanana tanora kokoa niforona ihany koa taorian'ny faribolana Sandratra. "Fivoy" no ahafantarana azy.

2-1-3-3-Ny fikambanana mpanoratra “Fivoy”

Niorina tamin’ny taona 1988 ity fikambanana ity. “**Fivoy**” no anarana nomen’ireo tanora mpanoratra nanorina azy. Fikambanana teraka avy tamin’ny fifarimbonana tamin’ny famoahana ny boky mitondra ny lohateny hoe: Angaroa izy ity (amboaran-tononkalo sy sombin-tantara). Tanora mpanoratra valo mirahalaha no namoaka io boky io, dia ireto avy:

- RANJATOHERY Harilala
- RAFALINDRANTO Ramy
- RAMAROLAHY Jaona
- Niry Solosoa
- Tiaray ANDRIAMAHEFA
- RANJA (Doda JAOMANJATO)
- RANDRIANARIVELO Liberty
- RANARIVELO Roel Harilala.

Tamin’izy valo mirahalaha ireo dia i Liberty RANDRIANARIVELO sy i Roel RANARIVELO ihany no tsy mpikambana tao amin’ny Fivoy. Tato aoriana dia nanatevin-daharana ny fikambanana ry i Solo MAMPIONONA, i Riana, Voahangy. Noho ny antony samihafa nahakasika ny fiainan’ny mpikambana tsirairay, dia tsy tazana intsony ny Fivoy nanomboka ny taona 1992.

Sehatra iray nifampitaizan’ny mpanoratra ny fikambanana izay najorony. Koa tsy mahagaga raha nisy tamin’ireo mpanoratra ireo no hita tamina fikambanana roa farafahakeliny.

Hotanisaina etsy ambany àry ireo mpanoratra sasantsasany tamin’ity vanim-potoana ity.

2-1-4-Ny mpanoratra

Betsaka ireo mpanoratra namoaka ny asa sorany tamin’ity vanim-potoana ity. Nisy ny nikambana tamin’ireo fikambanana voatanisa teo ambony ireo. Tao koa ireo nandeha irery.

Noho izany, tsy àry ho voatanisa izy ireny, fa santionany ihany no holazaina etsy ambany :

- ANDRIAMANANTENA Célestin
- RAKOTOARISOA Harry ANDRIANARINJATO
- RAKOTONINDRIANA Charles Victor
- RASAMOELINA Jean Maurice Paul
- ANDRIAMAMPIANINA Mira Oelimanana
- RAZANATSIMBA Abéline Eléonore
- RANAIVO Julien
- RAMAMISON Roger Ferdinand
- RANIVOARIVELO Georgette Gabrielle
- ANDRIARILALA René
- ANDRIAMANTENA Georges
- RASOARIMALALA Esther
- RASOLOFONIAINA Donnat Rodoloph
- RANDRIAMIFIDY Jean Rossinah
- RAZAFINTSALAMA Jean Fidèle
- RAVELOMANANTSOA Rafidy
- RAKOTO Ralarosy
- SOLOFO José
- LYDIARY
- RAVALITERA Jean Nalisoa
- RANOE
- Arni
- RAFALINDRANTO Ramy
- RANJATOHERY Harilala
- RAMAROLAHY Jaona
- ANDRIAMAHEFA Tiaray
- JAOMANJATO Doda (RANDJA)
- RANDRIANARIVELO Liberty
- RANARIVELO Roel Harilala

Sns...

Velona sy niroborobo tokoa ny literatiora malagasy tamin'ity vanim-potoana ity. Azo notarafina tamin'ireo asa soratra nivoaka rahateo ny zava-nisy sy niainan'ny olona tamin'izany.

2-2-Ny lohahevitra na/sy tara-kevitra niompanan'ny asa soratra

Anisan'ny fitaovana itarafana ny zava-misy sy ny fiarahamonina ary ny rafitra heverina ho misy ao ny asa soratra. Noho izany, azo lazaina ho vavolombelon'ny fotoana sy ny vanim-potoana izy. Tsy maintsy nisy akony tamin'ny fiainan'ny mpanoratra hatrany maintsy ny zava-nisy teo amin'ny fiarahamonina sy ny Firenena nisy azy. Azo tarafina avy hatrany ao amin'ny asa soratra vokariny izany.

Azo atoko roa ny tara-kevitra nisongadina nandritra ity vanim-potoana ity:

- ny fitiavana sy ny endrika samihafa isehoany eo amin'ny sehatra samihafa;
- ny fiainam-pirenena amin'ny ankapobeny ;

2-2-1-Ny fitiavana sy ny endrika isehoany eo amin'ny sehatra samihafa:

Endri-pitiavana samihafa no novelabelarin'ny mpanoratra tany amin'ny asa sorany, toy ny:

- ny fitiavana an'Andriamanitra ;
- ny fitiavana eo anivon'ny mpifankatia na mpivady sy ny ankohonana
- ny fitiavan-tanindrazana.

2-2-1-1-Ny fitiavana an'Andriamanitra

Araka ny efa voalaza , dia vanim-potoana niroboroboan'ny fananganana fiangonana teto Madagasikara sy nahazoan'ireo rindran-kira ara-pilazantsara vahana ny teo anelanelan'ny taona 1991-1995. Ary tsara tsiahivina ny anjara biriky lehibe nentin'ireo raia mandrenim-piangonana tao amin'ny F.F.K.M. teo amin'ny fandaminana ny disadisa nisy teto Madagasikara tamin'izany. Manamafy ny fanomezan'ny Malagasy, ary anisan'izany ny mpanoratra, lanja ny herin'Andriamanitra ireo rehetra ireo.

Indreto asa soratra vitsivitsy notsongaina tao anatin'ny maro, manaporofa ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny finoany Azy.

Ohatra 1:

Tononkalo nosoratan'i Nalisoa RAVALITERA, mitondra ny lohateny hoe: "Mainka koa inoako".

And 1:

"Mainka koa inoako fa ny Andriamanitsika

Dia tena Fitiavana!

Mainka koa inoako fa ny fiainantsika

Dia anjakam-pitiavana! (...)"

Manasongadina ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra i Nalisoa RAVALITERA eto amin'ity tononkalo ity. Manamafy ny fankasitrahany ny fidiran'Andriamanitra sy ny fandraisany an-tanana ny fiainany ny mpanoratra amin'izany. Asiany tsindry hatrany ny teniny. Toy ny hoe: "mainka koa inoako", sy ny hoe: "tena fitiavana". Finoana ,faharesen-dahatra, ary fiankinam-po tanteraka amin'ny fitiavan'Andriamanitra noho ny fihazonany ny afom-pitiavana teo aminy sy ilay olon-tiany no soritsoritany ao anatin'izany.

Ohatra 2:

Ny tononkalo nosoratan-dRAKITRINIELA, mitondra ny lohateny hoe: "Fiderana Anao".

And 1:

"Seho maro no hanehoana

Ny fiderana Anao ry Ray

Ka ny zavatra tsaroana

Dia ny fitahianao hatrizay

(...)

And 5:

Hoderaiko, hoderaiiko

Hoderaiko fa mahery

Ka ny fara-fofon'aiko

Hanompoako Azy irery."

Mahatsiaro ny fitahian'Andriamanitra mandrakariva ny olona ka midera Azy. Tsapany ihany koa ny heriny sy ny asany eo amin'ny fiainany. Noho izany, fiderana sy fankasitrahana

no asetriny an'izany. Manankina ny finoany sy ny fanantenany rehetra amin'Andriamanitra ny vahoaka malagasy, araka izany. Izany ihany mantsy no hany mihazona azy tsy ho kivy manoloana ny adim-piainana setrainy. Matoa mbola afaka miaina sy manana hery hoentina matrika izany izy, dia noho ny fitantanan'Andriamanitra azy. Izany no ideran'ny mpanoratra sy itaomany ny olona hanompo Azy.

Ohatra 3:

Tononkalo nosoratan'i Lilah, mitondra ny lohateny hoe: “Vavaka ho an'ny tanindrazana”.

And 1:

*“ Ry Andriamanitra Tsitoha,
Ray hatramin'ny taloha
Mivavaka Aminao 'zahay
Ho an'ny Nosin-drazanay! (...)*

And 6:

*“Ianao ihany re ry Ray
No hany hitodianay
Ianao, Mpamponjy sy Mpanavotra,
Hianteheranay hanavotra
Vonjeo amin'ny sandrinao mahery
'Ty Gasikara mila ho very.”*

Miantoraka tanteraka amin'Andriamanitra ny mpanoratra amin'ity tononkalo ity. Very hevitra tanteraka mantsy ny olona manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena. Variana amin'ny adilahy pôlitika ny mpitondra ka tsy mahita ny fahoriana manjo ny vahoaka. Hany ka mihareraka ny olona, ary mahatsiaro tena ho very. Noho izany, miantoraka any amin'Andriamanitra izy ireo. Izy irery sisa no toky sy fanantenany amin'ny fanarenana ny fireneny izay latsaka an-katerena tokoa. Ny tana-maherin'Andriamanitra sisa no nantenainy hamonjy sy hanavotra ary hanarina ny tanindrazany.

Tsy ny fitiavana an'Andriamanitra ihany no hita taratra tany amin'ireo asa soratra. Teo ihany koa ny fitiavana ireo olona mifandray sy/na mifanerasera amin'ny tena.

2-2-1-2-Ny fitiavana eo anivon'ny mpifankatia na mpivady sy ny ankohonana

Misandrahaka amin'ny lafiny maro ny fitiavana hovelabelarina eto. Eo ny fitiavan'olon-droa, ny fitiavan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka,...

-Eo amin'ny mpifankatia na mpivady :

Ohatra 1:

Tononkalo nosoratan-dRANOE, mitondra ny lohateny hoe: “Atolotro ho anao”.

“Atolotro ho anao

Ny fo, saiko sy fanahy

Androany manontolo

Ka tsy ho hanenenanao” (...)

Fitiavan'olon-droa no velabelarin'ny mpanoratra eto. Fitoriana fitiavana tanteraka sy tsy mangataka andro. Ary tsy vitan'ny mitory fitiavana ihany ilay tia, fa tena manome toky ilay olon-tiana mihitsy. Fitiavana feno, lavitra ny fahadisoam-panantenana no atolony. Noho izany, tsy tokony hiahiahy mihitsy ilay tolорana azy.

Ohatra 2:

Endrika hafa nisehoan'ny fitiavana tamin'izany koa ity voaresaka ao amin'ny tononkalo nosoratan'i SOLOFO José, mitondra ny lohateny hoe: “Fangala-piery” ity.

“ Nisy ny fotoana nifanaovantsika,

Tonga teo aho, saingy diso aoriana

Tsy haiko ianao na teo fa tsy afa-nihaona isika.

Dia iny aho lasa nody feno hakiviana.

Teo va re ianao ?

Dia tsy hita hatramin'izao

(...)

Na lavitra na akaiky ny elanelan-tany

Na hita na tsy hita ianao, ry olon-tiako

Ny foko sy ny fitiavako dia ho anao hatrany,

Hiaraka amina: izay no faniriako.

Fa amiko ianao

No izao tontolo izao”.

Mitantara olon-droa nifanao fotoana nefa tsy mety nifankahita ny mpanoratra eto. Nanomboka ho kivy ny andaniny, satria fahadisoam-panantenana hatrany no nahazo azy isaky ny tonga eo amin'ny toerana izay nifanarahana. Manontany tena mihitsy aza ilay voapetrapetraka.

Tsy nanova ny fitiavana tao anatin'ny anefa ny tsy fifanojoana lava teo aminy sy ilay nifanaovany fotoana. Vao mainka nihamafy aza ny fitavana tao anatin'ny. Tokam-po toy ny siny izy, ka tsy mahalala afa-tsy io olona nifanaovany fotoana io ihany. Satria , izy irery no “izao tontolo izao”, aminy.

-Eo amin'ny ankohonana :

Ohatra 1:

Tononkalo nosoratan-dRABENJA Salomon, mitondra ny lohateny hoe: “Ny ray aman-dreny?”, izay maneho ny fitiavan'ny ray aman-dreny ny zanany no horesahina manaraka.

And 2:

“ Ny ray aman-dreny?

Tsy toy ireny

mpangoron-karena: manangana riba itokanana,

dia mody mamafy teny manaitra fandambolamboana,

kanefa avy eo: ianao no tsipahiny toy ilay nilakanana.

Ny ray aman-dreny?-manaiky handry fotsy rehefa mba noana

Tsy manan-karapaka

Ireto taranaka.

And 6:

“Izay tena vonona,

sy te-hitonona

ho ray aman-dreny...na inona asa sy toerana tanana:

tsy maintsy mizara, tsy maintsy mizaka ny vesa-tomany

manjo ny taranany. Fa teti-pandroaka ny fihalangalanana

mamoky ny tena rehefa ny vola no araraka an-tany!

Tsy ray aman-dreny

ny tahaka ireny.

Mitanisa ny fitiavan'ny ray aman-dreny ny taranany ny mpanoratra eto. Aminy, ny tena ray aman-dreny dia izay tsy mikendry afa-tsy ny hahasoa ny zanany. Tsy tia tena na mpanao "tari-bato vilam-bava". Manaiky hanao sorona ny ainy mihitsy, raha izany no hahasoa ny taranany. Izany no tena ray aman-dreny tian'ny mpanoratra hasongadina eto amin'ity tononkalo ity. Olona be fitiavana sy vonona hizaka ny mafy hatramin'ny farany mba hiadanan'ny menaky ny ainy.

Ohatra 2:

Tononkalo nosoratan-dRAZAFIARIVONY Wilson, mitondra ny lohateny hoe: "Antenaiko".

(...)

Antenaiko

Sombiniaiko,

Fa voasoratra ao anaty

Ho tsaroana mandra-maty

Ireo toky izay nomena,

Tora-po tsy noterena,

Fa ny fitia

Dia ho doria,

Ka hohajaina

Sy holalaina

Raha mbola velon'aina.

Fifankatiavana eo amin'ny mpianaka no asongadin'ny mpanoratra eto. Fifankahazoana am-po sy fifanajana no hita taratra amin'ity tononkalo ity. Ireo rehetra ireo no antenain'ilay nahitana masoandro mba tsy hohadinoin-janany. Tafiditra ao anatin'izany mantsy ny anatanatra sy teny mamy nomena azy. Manome toky an-janany izy fa tsy hivadika ny fitiavany azy mandra-pahatapitry ny fofon'ainy.

Ohatra 3:

Mbola tononkalo nosoratan-dRABENJA Salomon, mitondra ny lohateny hoe: “Manimanitra” ihany no hojerena:

And 1:

*Manimanitra an'i Neny : ny alahadiko mifoha
ato anatin'ny ririnina, sady indray miloloha
santan-kiram-pibebahana,
(...)*

*Dia injay ilay feon'i Neny, tsy voagejan-drangolahy:
mbola feno tambitamby...avy sy maniraka ahy
tsy hanadino ny fotoana
fiarahana mivavaka
(...)*

And 2:

*Manimanitra an'i Dada ny malabariko androany,
na dia efa maty sosoka sy niofo be ihany:
nilaharana nanatitra
ny fisaoram-pihobiana
an'Ilay Andriamanitra
Tsy manava-pitafiana.
Dia injay ilay feon'i Dada: manantitrantitra ireo teny
namolahany hambom-po, sady niainany ombieny.
(...)*

Ny ranomanitra dia mahery fofona, ary ela vao afaka. Eny, fa na efa nosasana aza dia mbola re ihany ny hanitra. Ary na aty aoriana ela be aza dia mbola re ihany ny hanitra. Tahaka izany koa ireo ana-drainy sy reny. Na dia efa lasan-ko razana aza izy ireo, dia mipetraka mandrakariva ny anatra nataony sy nitaizany ny taranany. Izany no ilazan'ny mpanoratra fa mbola manimanitra azy mivady izay rehetra nataony.

Ankoatra ny fitiavana ifanakalozan'ny olon-droa na maromaro, dia mbola eo koa ny fitiavan-tanindrazana.

2-2-1-3-Ny fitiavan-tanindrazana

Anisan'ny nahasaro-piaro ny Malagasy ny hasin'ny tanindrazany. Toa tsy nomena lanjany loatra anefa io tanindrazana iombonana io, ka, notaomin'ny mpanoratra ny olona mba tsy hanaiky ny tsindry hazolena nataon'ny fitondrana tamin'izany, ho sahy hanandratra ny maha-malagasy azy.

Manaporofo izany ireto ohatra vitsivitsy ireto.

Ohatra 1:

Nalaina tao amin'ny lahatsoratra famotopotoran-kevitra, mitondra ny lohateny hoe

“Fahatsiarovan-tena ho Malagasy”, nosoratan'i NIRHY Lanto ity ohatra iray ity.

“Fanomezan-tsarobidy anankiray nomen'Andriamanitra ny teny mampiavaka sy maha-firenena ny firenena. Itafia-mandra-maty toa lamban'akoho ny teny (...). Isika rehetra izany no mandala sy miaro azy”.

Zava-dehibe tamin'ny mpanoratra ny fanandratana ny maha-malagasy azy. Nentaniny hitovy hevitra aminy ny vahoaka rehetra. Nampahafantariny avokoa ireo zavatra mampiavaka ny Malagasy. Anisan'izany ny Tenim-pirenena, izay tokony harovana sy hokolokoloina ary hohajaina tokoa. Noraisin'ny mpanoratra ho toy ny fanomezana sarobidy avy amin'Andriamanitra io Teny io. Mirakitra ny tantaram-pirenena, ny kolontsaina, ary ny toetsaina maha-malagasy ny Malagasy mantsy izy. Koa ny fameloma-maso azy dia endrika iray fanandratana ny maha-izy azy ny Firenena.

Ohatra 2:

Tononkalo nosoratan-dRANOE mitondra ny lohateny hoe: “Manjakamiadana”.

And 1:

“Afo mpandefona mpanorotoro

Afo namotika sy nampikoro

Afo nanosika koa hampijoro

Afo namelona soa mahanoro

And 2 :

Dia vita sorona teo androany

Ilay arivo tsy matin'ny taonjato maro

ka indro hatezerana feno tomany

No nirongatra anaty, ny fo mahatsiaro.”

Anisan'ny nanetsika ny fitiavan-tanindrazana tao amin'ny olona maro ny fahitany ny fahamaizan'ny Rova Manjakamiadana. Fahatsiarovana tsy mety maty tao am-pon'ny vahoaka rehetra tokoa io fotoana io. Alahelo, ranomaso, hatezerana, no hita sy re ombieny ombieny. Nefa fotoana azo lazaina ho nandrehitra indray ny hambom-pon'ny olona, ka nahatonaga azy hahatsapa ny hasin'ny tanindrazany. Anisan'ny toerana mitahiry ny vakoka malagasy sy ny tantaram-pirenena tokoa mantsy ny Rova Manjakamiadana, hany ka toy ny mamafa ny tantaram-pirenena mihitsy ny faharavany. Tsy noterena ny vahoaka malagasy manerana ny Nosy tamin'ny fifanomezan-tanana hanarenana ny simba rehetra. Maro ny hetsika natao tetsy sy teroa hanangonam-bola hanamboarana ny Rova..

Fitiavana isan-karazany tokoa no novetsoin'ny mpanoratra, araka izany. Teo ny fitiavan'olon-droa, ny ray aman-dreny sy ny zanaka, ny tanindrazana.

Nisy tara-kevitra hafa nahasarika ny mpanoratra ihany koa. Anisan'izany ny fiainam-pirenena tamin'izany.

2-2-2- Ny fiainam-pirenena tamin'izany

Naneho an-tsary ny fiainam-pirenena tamin'ny taona 19991-1995 ny literatiora voarakitra an-tsoratra tamin'izany. Taratra ireo dingana telo samihafa nolalovan'ny firenena :

-ny tolom-bahoaka

-ny teteza-mita

-ny repoblika fahatelo

2-2-2-1-Ny tolom-bahoaka

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainam-piaramonina ny mpanoratra. Anisan'ny anjara asany ny mampifandray ny mpamaky sy ny tontolo manodidina azy. Nandritra ny fihetseham-bahoaka dia nanan-javatra maro nolazaina izy. Ireto ohatra hojerena manaraka ireto no maneho ny santionany amin'izany.

Ohatra 1:

Nanomboka nitaky ny zony ny vahoaka malagasy. Ka ity tononkalo nosoratan'i SOLOFO José, mitondra ny lohateny hoe: “Zontsika” ity, dia nanana ny lanjany tokoa tamin'izany.

*“Zonao ny mivavaka maraina
Sandra-teny talaho lanitra
Fa zon'ny hafa ny TSY MINO
Afa-tsy ny tenany handrava fahantrana
(...)
Ny ZONTSIKA ikambanana
Velon-ko OLONA AFAKA
Velon-ko OLOM-BANONA”*

Samy manana ny zony ny olona tsirairay, araka ny fanambaran'ny mpanoratra azy ao amin'ny tononkalo. Nefa tsy tokony hohadinoina fa misy ny zo iraisan'ny olona rehetra. Ary ity zo voalaza farany ity no ventessin'ny mpanoratra, satria manambara ny antony ahaveloman'ny olona. Mazava tsara ny filazany azy: “velon-ko olona afaka” , “velon-ko olom-banona”. Izany hoe, zo tsy azo iadian-kevitra mihitsy ny “fahafahana” eo amin'ny isambatan'olona. Zava-dehibe tamin'ny mpanoratra ny fampahafantarana izany amin'ny vahoaka, izay efa nahatsiaro ho niharan'ny fanamparam-pahefana nataon'ny mpitondra.

Ohatra2:

Nalaina tao amin'ny tononkalo nosoratan-dRAZAFIARIVONY Wilson, mitondra ny lohateny hoe: “Fisaintsainana”, ny ohatra manaraka.

*(...) “Tapa-kevitra hijoro
Na dia hoe mangorohoro
Ary hiezaka hitolona
Hitandro ny maha-olona” (...).*

Rehefa fantatry ny sarambabem-bahoaka ny zony, dia tsy niahotra intsony izy nitaky an'izany. Leo toky fitaka nataon'ny fitondrana ihany koa izy. Tofoky ny fanaovana tsinontsinona azy, ka niara-naneho ny hatezerany. Noho izany, vahoaka tapa-kevitra, vonona sy sahy hiaro ny tombon-tsoany sy hanarina ny fireneny izay latsaka an-katerena no hita nidina an-dalam-be. Ary tsy nihemotra mihitsy izy ireo, na dia mafy aza ny zavatra nosetrainy nandritra ny tolona nataony.

Ohatra 3:

Ny tononkalo nosoratan'i Daniel MOMO, mitondra ny lohateny hoe: "Mahagaga", dia mbola manamafy izany.

"Mahagaga izato ianao

Mbola re hijanona eo

Nefa ireo vahoakanao

Efa tofoka sy leo

(...)

Moa ve tsy fahendrena

Ny miala moramora?

Ary koa manaja tena

Mba tsy hisy mpanakora

(...)

fantaro izay natao

Ny fisainana asio

Mila olom-baovao

Ny firenena mba hadio

Vahoaka sahy sy feno hatezerana no azo ilazana ny Malagasy tamin'ity vanim-potoana ity. Tsy natahotra na niahotra akory izy tamin'ny fihantsiana ny mpitondra. Zony rahateo, araka ny efa voalaza, ny hanana fahafahana maneho ny heviny an-kalalahana. Eto amin'ity tononkalo ity, dia nivantana tamin'ny mpitondra ny feom-bahoaka. Manainga ny olona eo amin'ny fitondrana ny vahoaka mba hahatsapa tena, ka hanaiky ny tsy fahombiazany sy hiala am-pahendrena. Olom-baovao indray no tadiavin'ny olona hitarika azy sy hanarina ny Firenena. Misolo vava ny Malagasy amin'izany ny mpanoratra.

2-2-2-2-Ny teteza-mita

Niditra tamin'ny teteza-mita ny Firenena, taorian'ny fifanarahana tao amin'ny Hôtely PANORAMA. Nitsahatra ny famoriam-bahoaka, saingy mbola nitohy kosa ny tolona. Nitondra ny anjara birikiny hatrany ny mpanoratra. Ohatra hatrany no nanohanana ny feom-bahoaka izay nentin'ny mpanoratra.

Ohatra 1:

Tononkalo nosoratan-dRANOE, mitondra ny lohateny hoe: “Sambatra”, no entina milaza ny zava-nisy tamin’izany.

(...)

“Sambatra tokoa lahy

Izay mahay miray hina

Hatramin’ny fo amam-panahy

no feno hafaliana.

Tsy misy toy ny mifankatia

Raha tiana ny mba hiray

Fa tsy afaka miriaria

Raha vatana iray”.

Nanentana ny olona mba hanamafy ny fifankatiavana, ny firaisan-kina, ary hanambatra ny heriny ny mpanoratra. Izany ihany mantsy no fototra iaingan’ny zavatra takina rehetra. Ny firaisan-kina rahateo no hery, hoy ny ohabolan-drazana. Noho izany, dia tokony hatsahatra ny adiady sy ny fitiavan-tena, satria “ny tondro tokana tsy mahazo hao”, “ny mitabe tsy lanin’ny mamba”, ary “ny akanga maro tsy vakin’amboa”. Naverina tao antsain’ny vahoaka malagasy izany rehetra izany mba hahatsapany ny mahazava-dehibe ny ady atrehiny.

Ohatra 2 :

Tononkalo nosoratan’i Riso LALASOA, mitondra ny lohateny hoe : « Mifohaza » :

« Mifohaza ry vahoaka ; ary miareta tory

Indro tonga ny fotoana tsy maintsy hiambenanao.

Vondron- kery no ilaina ; atsangano dia atolory

Ho fanavotam- pirenena sy ny tolona natao » (...)

Nanentana ny vahoaka ny mpanoratra mba hanambatra ny heriny sy tsy hatoritory intsony, satria fotoana fohy sisa dia « hody ventiny ny rano nantsakaina ».

Ohatra 3 : Tononkalo nosoratan'i Nalisoa RAVALITERA, mitondra lohateny hoe :

« *Sedra* » :

(...) « Sedra andresena

Sedra itrakana !

Sedra isandratana

Miady ! manantena !

Misedra fitsapana !

Hahazo AVARAPATANA ! »

Fampanantenana ny vahoaka kosa no ataon'ny mpanoratra eto. « *Ao ambadiky ny mangidy mantsy, no misy ny mamy* ». Koa ny sedra izay tsy maintsy lalovan'ny vahoaka, dia sedra iandrindrany fiovana eo amin'ny fiainany. Noho izany, na mafy aza ny ady, dia tokana ny tanjona : fiainam-baovao.

Fifanomezan-tanana sy firaisan-kina no tena nimasoan'ny mpanoratra raha nanao fanentanana ny vahoaka tamin'ny alalan'ny asa sorany izy, nandritra ny tetezamita. Nitohy hatraty amin'ny Repoblika Fahatelo ny fandraisan'ny mpanoratra anjara tamin'ny raharaham-pirenena.

2-2-2-3-Ny Repoblika Fahatelo

Nijoro ny Repoblika fahatelo rehefa voafidy ny lalàm-panorenana hitondrana ny tany sy ny Fanjakana, ary ny Filoham-pirenena hitarika ny vahoaka Malagasy. Nisy akony teo amin'ny fiainam-pirenena ireo fiovana lehibe ireo. Nampiharihary izany ny asa soratra sasantsasany navoakan'ireo mpanoratra. Ohatra vitsivitsy ireto hotanisaina ireto :

Ohatra 1: Tononkalo nosoratan-dRado, mitondra ny lohateny hoe : « *Nankaiza* »

« Nankaiza ilay mazava

Nantenaiko handroaka ny tevin'ito alina?

Lefy sa dia rava.

No mainka koa ny foko no rako-tsento lalina? »

Nanantena fiainam-baovao ny vahoaka malagasy nony tafajoro ny andrim-panjakana vaovao. Tsy nisy fiantraikany teo aminy anefa ny zava-nisy. Vao mainka nitondra faisana ny vahoaka tsy mandadiharona. Hadinon'ireo mpitondra ny vahoaka nifidy azy, nony tonga teo amin'ny fitondrana izy. Izay no nahatonga ny mpanoratra hisolo toerana ny sarambabem-bahoaka haneho ny fahadisoam-panantenany.

Ohatra 2:

Tononkalo nosoratan'i Lydiary, mitondra ny lohateny hoe: "Ny ampitso manontany"

(...) "*Manonofy asa*

Manonofy hanina

Manonofy ny lasa

MANONOFY DIA FANINA

Manoloana indray ny ampitso

Miafin'endrika dia dify

Ny ampitso tsy an'ny tena

Fa any an-tanan'olon-kafa" (...)

Nofy sisa ireny tolona nimatimatesan'ny vahoaka tsy vaky volo ireny. Tolona niandrdrany asa, hanina, fandriampahalemana, sy ny sisa. Nampanontany tena azy ny fahitany ny zava-nisy niainany . Toa mbola tsy eo am-pelatanany ny ho aviny fa mbola kobonin'ny ampitso. Miara-mitaraina amin'ny vahoaka ny mpanoratra manoloana izany rehetra izany.

Ohatra 3:

Tononkalo nosoratan'i Lilah mitondra ny lohateny hoe: "Vavaka ho an'ny tanindrazana"

"Jerenao ity Firenena

Mitomany, mahonena

Mosarena sy mahantra

Ray ô, iza no hiantra?

Ireo mpitondra toa variana

Miady lahy, tena sondriana

Mitady izay ho azy ihany,

Ho aiza re ny tany!" (...)

Nahatsiaro ho very tanteraka ny Malagasy ka niantoraka any amin'Andriamanitra. Nilaozan'ireo mpitondra niady an-trano mantsy izy, ka nahatsiaro ho kamboty sy nahantra. Tsy nisy mihevitra izay hahasoa ny vahoaka madinika ny mpitondra fa variana miady seza. Andriamanitra sisa no nitalahoana famonjena.

FEHINY

Mitana anjara toerana lehibe amin'ny fampahafantarana ny tantaram-pirenena ny mpanoratra. Tsy izany ihany fa mitondra ny hetahetan'ny olona ihany koa izy.. Manaitra, manentana ary mitaona ny olona hitolona, hioitra amin'ny fiainana izy .Hita taratra teny amin'ny asa sorany avokoa ireo voalaza rehetra ireo.

Nanome aina vao azy ireo ihany koa ny fanafoanana ny sivana teo amin'ny famoahany ny asa soratra novokarin'ny sy ny fisian'ireo fikambanana samihafa. Ary anisan'ny fanoitra lehibe iray nanainga ny literatiora malagasy ny fisian'ny fifaninanana haisoratra, na tononkalo, na fanoratana tantara. Nahatonga ny mpanoratra hazoto hanoratra mantsy izy ireny, satria saika navoaka ho boky hatrany ireo asa soratra nahazo loka. Ny an'ny sasany kosa navoaka an-gazety. Raha atao bango tokana, dia fotoana volamena ho an'ny literatiora Malagasy ity vanim-potoana ity.

III- IREO KARAZAN-DAHATSORATRA NOVOKARIN'NY MPANORATRA

Nahatsiaro ho nihafy tokoa ny mpanoratra teo amin'ny famoahana ny asa soratra, nandritra Repoblika Faharoa, noho ny sivana nampiharina amin'ny mpitondra teo amin'ny sehatry ny literatiora. Ireo karazan-dahatsoratra manindrahindra ny fitondrana ihany no tena nahazo avara-patana. Hany ka tsy narisika tamin'ny fanoratana loatra izy ireo.

Rehefa nitsoka avy tany ivelany anefa ny rivotry ny “demokirasia”, dia nihanalalaka ny olona tamin'ny fanehoan-kevitra. Nahazo aina koa ny mpanoratra izay anisan'ireo voatampim-bava. Foana ny sivana. Nazoto nanoratra ny mpanoratra. Betsaka ny asa soratra nivoaka an-gazety sy natonta ho boky. Nampiharihary ny talentany tamin-kalalahana ny mpanoratra tao anatin'izany.

Indreto misy karazan-dahatsoratra vitsivitsy azo nitarafana ny fomba fanoratra nahazo vahana. Sombiny fotsiny izy ireto, satria tsy àry ho voatanisa daholo ny asa soratra tamin'izany noho ny hamaroany:

- ny tononkalo
- ny sombin-tantara
- ny tantara foronina
- ary ny teatra

Hojerena ny mampiavaka ireo karazan-dahatsoratra ireo tsirairay avy, mialoha ny hidirana amin'ny fomba filazan-javatra matetika nampiasain'ny mpanoratra tamin'izany.

3-1-Ireo karazan-dahatsoratra nisongadina

Samy manana ny hanitra ho azy ireo karazan-dahatsoratra voatanisa teo ambony ireo. Koa hofakafakaina misesy izy ireo hampisongadinana ny mampiavaka azy tsirairay.

3-1-1-Tononkalo

Amin'ny asa soratra rehetra, ny tononkalo dia miavaka amin'ny fananany endrika kanto. Niainga tamin'ny fahaizan'ny mpanoratra mandrafitra ny Teny araka izay itiavany azy io fanomezana endrika kanto ny tononkalo io. Araka ny voalazan'i GAUTHIER hoe : « *Ny poeta dia ilay olona mahay mandrafitra ny Teny araka izay itiavany azy* »⁷. Mikaroka, mamorona sy mamolaka io Teny io hatrany no tena imasoan'ny mpanoratra, mba hahakanto ny asany. Koa « *Ny tena poeta dia tsy mitsahatra mikaroka Teny sy fomba fiteny vaovao*

⁷ Lesona “question de la littérature”, ANDRIAMANANTSILAVO Seth, 19 juin 2006, taona fahadimy

mandrakariva, dia teny manana hery miafina, hery betsaka noho ny hery nananan'ny Teny tany aloha », araka ny fiheveran'i RIMBAUD⁸. Noho izany, ny tononkalo dia maneho ny fahaizan'ny mpanoratra milalao amin'ny Teny sy ny fomba fiteny, izay vaovao hatrany. Koa ny fomba firafitry ny tononkalo nivoaka teo anelanelan'ny taona 1991-1995 no horeshahina etsy ambany.

3-1-1-1- Ny firafitry ny tononkalo

Manana ny fomba firafiny, izay maneho ny maha kanto azy manokana ny tononkalo. Endrika roa samy hafa no isehoan'izany : ny tononkalo manara-pitsipika sy ny tononkalo malala-drafitra.

Ny tononkalo manara-pitsipika:

Ny atao hoe tononkalo manara-pitsipika dia ireo tononkalo manana rafitra mitovy lasitra. « **Structure strophique régulière** » no ilazana io lasitra io. Tamin'ny alalan'izany no niaingan-dry Jupiter sy ny namany (ohatra : Stella) namoaka lalàna sy fitsipika nentina nandrafitra ny tononkalo. Toy izao ireo fitsipika ireo :

- manaja ny fisian'ny andininy tsirairay
- mitovy isa ny andalana isaky ny andininy tsirairay
- manaja ny vanin-danto nofidina tany am-boalohany
- mitovy ny isan'ny vanin-teny isan'andalana
- mahafolaka ny fomba fandaharana sy fandrafetana rima, na eo amin'ny fahafenoany na eo amin'ny laharam-pisehoany.

Tsy àry ho hita indray mandeha ao anaty tononkalo iray anefa ireo fitsipika ireo. Santionany ihany matetika no indray hita ao amin'ny tononkalo iray.

Ohatra 1 :

Ny tononkalo nosoratan-dRABENJA Solomon mitondra ny lohateny hoe : « Ny kalontsika »

And 1 :

<i>Ny foko mitia tsy afaka mino</i>	<i>a</i>
<i>fa mety sodokan'ny herin'ny saina.</i>	<i>b</i>
<i>Tsy eto no lasy ahafaha-manadino</i>	<i>a</i>
<i>izay nokoloina ho sombin'ny aina</i>	<i>b</i>

⁸ Lesona “question de la littérature”, Seth ANDRIAMANANTSILAVO, 16 juin 2006, taona fahadimy

And 2 :

<i>Ny hira narafitra ho azy sy ho ahy</i>	<i>a</i>
<i>no kalom-pitiavanan-tsy resy resena,</i>	<i>b</i>
<i>dia kalo hanoherana fakam-panahy</i>	<i>a</i>
<i>Mitady handavo ny hasin'ny tena.</i>	<i>b</i>

Misy andininy efatra ity tononkalo iray ity. Ary ahitana andalana efatra isaky ny andininy. Miady rima hatrany amin'ny farany ny andininy mifanesy. Ary voahaja hatrany ny laharam-pisehoan'ny rima, izay mifaningotra daholo : ab ab. Mitovitovy ihany koa ny halavan'ny andalana voalohany isan'andininy, sy ireo andalana telo manaraka isan'andininy.

Ohatra 2 :

Ny tononkalo nosoratan-dRAZAFIARIVONY Wilson, mitondra ny lohateny hoe :
« Handeha isika hitady toerana »

And 1 :

<i>Handeh'isika hitady toerana</i>	<i>a</i>
<i>Izay lavitra fitserana</i>	<i>a</i>
<i>Tsy hahitana sorisory</i>	<i>b</i>
<i>Kely varaiventy akory</i>	<i>b</i>

And 2 :

<i>Nofinofy antoandro izany</i>	<i>a</i>
<i>Raha mbola eto an-tany</i>	<i>a</i>
<i>Ny mahafinaritra eto</i>	<i>b</i>
<i>Hodiasan-tsentosento</i>	<i>b</i>

Samy miisa efatra avokoa na ny andininy na ny andalana amin'ity tononkalo ity. Voahaja hatrany amin'ny farany ihany koa ny rima sy ny laharam-pisehoany. Rima mifanjohy indray no nampiasain'ny mpanoratra amin'izany. Toy izany koa ny halavan'ny andalana isan'andininy : ny andalana voalohany isan'andininy dia mitovy, ary mitovy toy izany koa ireo andalana telo ambiny.

Ohatra 3 :

Ny tononkalo nosoratan'i MADERA, mitondra ny lohateny hoe : « Fifanampiana »

And 1 :

<i>Raha misy roa na telo</i>	<i>a</i>
<i>Afaka mba hifanaiky</i>	<i>b</i>
<i>Ary hanala ny alahelo</i>	<i>a</i>
<i>Amin'ny olona eo akaiky</i>	<i>b</i>
<i>Dia ho vetivety foana</i>	<i>d</i>
<i>Dia ho vitsy ireo noana</i>	<i>d</i>
<i>Ny fahantrana, ny habadoana</i>	<i>d</i>
<i>Hihena hatrany isan-taona</i>	<i>d</i>

And 3 :

<i>Raha misy roa na telo</i>	<i>a</i>
<i>Mifanampy sy miezaka</i>	<i>b</i>
<i>Mba hanala alahelo</i>	<i>a</i>
<i>Ka mamonjy izay mifezaka</i>	<i>b</i>
<i>Azo inoana marimarina</i>	<i>d</i>
<i>Fa ny Firenena ho tafarina</i>	<i>d</i>

Ahitana andininy telo kosa ity tononkalo ity. Miady rima daholo ny isaky ny andininy. Saingy eo amin'ny isan'ny andalana hita amin'ny andininy no tsy mitovy. Ny andininy roa voalohany dia samy ahitana andalana valo. Fa ny andininy fahatelo farany kosa dia enina monja no isan'ny andalana ao aminy. Na izany aza, voahaja hatramin'ny farany ny laharam-pisehoan'ny rima. Ny tsara homarihina eto amin'ity tononkalo iray ity dia ny fahaizan'ny mpanoratra mampiaraka ireo karazana rima roa na telo ao anaty andininy iray. Anisan'ny endrika mampiavaka ny tononkalo manara-pitsipika tokoa mantsy izany. Toy izao ny laharam-pisehoan'ny rima isan'andininy : ny andalana efatra voalohany amin'ny andininy voalohany sy faharoa dia samy ahitana rima mifaningotra : abab ;ary ny andalana efatra farany amin'ny andininy voalohany, sy ny andalana roa farany ao amin'ny andininy fahatelo kosa dia samy rima mifanjohy : dd.

Ohatra 4 :

Ny tononkalo nosoratan-dRABENJA Salomon mitondra ny lohateny hoe : « Hira ho an'ny mpampianatra »

And1 :

<i>Moa ny hatsaran-tarehy isanandro mihavao,</i>	<i>a</i>
<i>sa ny hatsaram-panahy tao anatinao tao</i>	<i>a</i>
<i>no nandravarava zoro</i>	<i>b</i>
<i>ny tahotra sy horohoro,</i>	<i>b</i>
<i>fa nanahy ny tsy hahay</i>	<i>d</i>
<i>raha nanidina izahay ?</i>	<i>d</i>

And 5:

<i>Ry masiaka be ronono tsy nihambo ho zarahary</i>	<i>a</i>
<i>ny samoina valaka, hono, no manadino ny ramiary!</i>	<i>a</i>
<i>Izahay kosa hanandratra :</i>	<i>b</i>
<i>raha tsy nisy ianao mpampianatra</i>	<i>b</i>
<i>nety tohatra hiankarana,</i>	<i>d</i>
<i>tsy ho nisy fivoarana.</i>	<i>d</i>

Misy andininy dimy ity tononkalo ity, ary ahitana andalana enina. Voahaja hatramin'ny farany ny isan'ny andalana. Saingy mifanohitra amin'izany ny halavan'ny andalana isan'andininy. Lava kokoa mantsy ny andalana roa voalohany. Ary fohy ny andalana efatra farany. Toy izany avokoa ireo andininy mifanesy. Voahaja hatramin'ny farany kosa ny laharam-pisehoan'ny rima. Mampiasa rima mifanjohy ny mpanoratra : aa bb dd. Mampiseho ny fahaizany manome endrika kanto izay mampiavaka ny tononkalo manara-pitsipika ny mpanoratra eto.

Raha atao bango tokana izay voalaza, dia hita fa ny endrika ivelany no tena nimasoan'ny mpanoratra. Fampiadiana rima mba hahakanto ny tononkalo no tena zava-dehibe taminy. Saingy tao koa ireo mpanoratra nanana ny fomba hafa nentiny nanome endrika kanto ny tononkalo nosoratany. Tononkalo malala-drafitra no ilazana azy.

Ny tononkalo malala-drafitra

Malalaka kokoa ny mpanoratra tamin'ny fanehoana ny endriky ny tononkalo na ny poezia nosoratany amin'ity fomba iray ity. Tsy misy fitsipika na lasitra niombonana. Efa hatramin'ny andron'i Charles RAJOELISOLO tokoa mantsy no efa nahazo vahana ny tononkalo malala-drafitra, ka tohizan'ireo zandry taty afara.

Nanamafy izany Ranöe tao amin'ny famakafakana nataony momba ny tantaran'ny literatiora : vanim-potoana ankehitriny hoe : « ...izao vanim-potoana ankehitriny izao no tena ahitana fomba fanoratra malala-drafitra [...]. Manamarika ny vanim-potoana ankehitriny io fomba fanoratra io ary manasongadina mpanoratra maro. »⁹. Samy mananana ny fomba nandrafetany ny poezia ny mpanoratra, fa tsy nofehezin'ny fitsipika tokana intsony. Nahitana azy daholo na tany amin'ireny gazety isan-karazany ireny, na tao amin'ireo boky mirakitra amboaran-tononkalo nosoratana mpanoratra iray na maromaro. Ary tsy ny endrika ivelan'ny tononkalo intsony no natao ho zava-dehibe, fa ny vontoa-kevitra fonosiny sy ny fanehoana ny mampiavaka ny mpanoratra. Noho izany, endrika maro no nahitana ny tononkalo malala-drafitra :

- tsy manaja ny vanin-danto sy ny halavan'ny andalana
- tsy manaja ny laharam-pisehoan'ny rima nofidina tany am-boalohany.
- maka ny endriky ny hain-teny indraindray, na notakarina avy tamin'ny hain-teny mihitsy aza.
- miady rima ihany amin'ny andalana vitsivitsy mifanesy, saingy tsy voahaja hatramin'ny farany izany.

Mba hahafahana manaporofa izay voalaza eo ambony, dia indreto misy tononkalo vitsivitsy malala-drafitra.

Ohatra 1 :

Ny tononkalo nosoratan'i SOLOFO José, mitondra ny lohateny hoe : « Zontsika »

« Zonao ny mivavaka maraina

Sandra-teny talaho lanitra

Fa zon'ny hafa ny Tsy MINO

Afa-tsy ny tenany handavo fahantrana

(...)

⁹ Gazety Ambioaka, "Ny tantaran'ny Literatiora vanim-potoana ankehitriny", lah.25 aprily 2000, taona fahatelo, tak.2

holazaiko ka henoy
hohiraiko ka tsarovy
NY ZONTSIKA ikambanana
Velon-ko OLONA AFAKA
Velon-ko OLOM-BANONA. »

Ity tononkalo ity dia nosoratana tamin'ny taona 1991, izany hoe, tamin'ny fotoana nahamafy ny fitsoky ny rivotry ny "Fahafahana sy ny Demôkirasia" teto amin'izao tontolo izao. Manana zo haina malalaka ny olona ary hanao izay tiany hatao. Nahatsiaro ho afapatorana ny olona, ka tsy nisy sakana intsony na teo amin'ny fanehoan-kevitra na tamin'ny safidy. Nofoanan'ny mpitondra rahateo ny sivana teo amin'ny famoahana asa soratra, hany ka tazana tao anatin'ny asa soratra nataon'ireo mpanoratra ny akon'izany « Fahafahana » izany.

Ity ohatra voalohany ity dia azo itarafana tsara ny endrika iray nisehoan'ny tononkalo malala-drafitra. Tsy ahatazanana ady rima sy fisarahan'ny andininy ny tononkalo. Toa bambaray ny endrika isehoany, raha atao indray mijery : tsy voasaraka ny andininy mifanesy. Eo amin'ny fandaharana ny andalana no ahitana fahasamihafana. Ny andalana roa mifanaraka dia mitovy fiaingana. Ny andalana fahatelo kosa narosony alohaloha kokoa. Misy antony manokana nahatonga ny mpanoratra hanao izany : ny andalana roa voalohany natokany hilazana ny zo tokony hananan'ny olona iray ; mbola miresaka momba ny zo ihany koa ilay andalana fahatelo somary miroso, saingy zo tokony ho an'ny olona hafa indray ; somary miditra kokoa ireo andalana dimy farany :manome ny heviny momba ny zo iraisan'ny olona rehetra kosa ny mpanoratra amin'izany. Ary naharihariny amin'ny sora-bavety ireo zo ireo amin'ny faran'ny andalana roa mifanesy. Anisan'ny zava-dehibe ho an'ny olombelona mantsy ny fahafantarany ny zon'ny hafa sy ny zony manokana ary ny zo ikambanany amin'ny fiarahamonina misy azy.

Ohatra 2 :

Ny tononkalo nosoratan'i Jo ANDRIANASOLO, mitondra ny lohateny hoe : « Amiko Voahirana ».

And 1 :

Ts'ilay eny an-dranomaria
Takarina sarotra alaina
Fa voahirana mpitari-dalana
Mamin'ny fo sy ny saina

Toa miady rima ihany eo amin'ny andalana faharoa sy fahefatra ; saingy mifanohitra amin'izany kosa no hita eo amin'ny andalana voalohany sy fahatelo, raha rima mifaningotra ab ab no heverina ho eo. Voasaraka tsara kosa ny isan'andiny sy ny andalana. Misy andiny telo mazava tsara ny tononkalo izay ahitana andalana efatra avy. Maka endrika hainteny ny tononkalo. Izany rehetra izany dia maneho fa malalaka tsara ny mpanoratra amin'ny fandrafetana ny tononkalo. Ny fihetseham-pony no omeny lanja kokoa . Manome ny heviny momba ny fahafantarany ny “voahirana” sy ny hatsarany ny mpanoratra amin'izany. Laviny tanteraka ny fomba fiheverann'ny olona ny “voahirana”. Aminy dia tsy natao hotazanina fotsiny ny “voahirana”, fa natao halain-tahaka sy hotiavina noho ny toetrany sy ny hatsarana ananany. Miavaka amin'ny zava-maniry toa azy tokoa ny “voahirana” amin'ny mpanoratra Noho izany, ny vontoantin'ny tononkalo no nomen-danja teto fa tsy ny fampiadiana rima.

Ohatra 3 :

Ny tononkalo nosoratan-dRandy, mitondra ny lohateny hoe : « Ilay teny Gasintsika » :

*« Izay nofirain'ny Firaketana
tam-pararànom-pahatsiarovana,
Nandalànin'ny alin-tony
teny an-dalam-pandalinana
norasain'ny asa saina
Zary aina ampiasaina
tsy ho vasoky ny pasoky
Ny ankason'ny « Tafiotra ».*

Andiny tokana, tsy ahitana ady rima mihitsy no voamarika voalohany raha mijery ity tononkalo ity. Misy andalana valo. Azo heverina fa misy antony manokana nahatonga ny mpanoratra hanambatra ny andalana rehetra ho andiny iray ihany. Anisan'ny mampiavaka ny Malagasy mantsy, ny Tenim-pireneny. Tsy izany ihany, fa io Teny tokana io no ifandraisan'ny Malagasy manerana ny Nosy sy mamelona ny fiarahamonina hatramin'ny taloha ka mandraka ankehitriny. Noho izany, sary maneho ny maha tokana ny Malagasy ny « Teny gasy ». Tokana toy ny aina tokoa ny Teny malagasy, ka tokony harovana. Izany no tian'ny mpanoratra hampitaina amin'ity tononkalony ity .

Ohatra 4 :

Mbola tononkalo nosoratan'i SOLOFO José, mitondra ny lohateny hoe : «Fa izao rehetra izao».

« Tany miantra lanitra

Lanitra mizara rivotra

Rivotra manome aina

Aina (...)

Satana : noharian'ny Safidy

Safidy : nozarain'ny Mpahary

Fa ny Mpahary moa : AVY AIZA ? »

Ankoatra ny tsy fahitana ady rima, dia tsy misy andininy misaraka ity tononkalo ity, fa mitambatra ho lasitra iray. Miisa ho telo amby roapolo ny andalana ao aminy.

Anisan'ny mpanoratra tsy manaraka loatra ireo fitsipika mifehy ny fanoratana tononkalo i SOLOFO José. Matetika dia tsy ahitana andininy mitokantokana ny tononkalo nosoratany, fa mitandahatra hatrany amin'ny farany. Kanto ny tononkalo aminy, raha mahatafita ny hafatra tiana hambara. Eto dia tsilalaon-teny no ampiasain'ny mpanoratra, nentiny nanehoany ny fahitany ny tontolo manodidina azy. Asongadiny amin'izany fa manampy amin'ny fanehoan-kevitra ny fahaizana mifantina ny Teny sy ny hevitra fonosiny. Toy ny kilalao no ataony amin'ity tononkalo ity, nefa voafehiny tsara ny vontootin'ny zavatra tiany hampitaina : ireo hasin-javatra mandrafitra izao tontolo izao.

Ohatra 5 :

Ny tononkalo nosoratan-dRAHARISOA Hélène mitondra ny lohateny hoe : « Fiainan'ny Firenena Malagasy tamin'ny taona 1995 » :

And1:

Ny fiainan'ny Malagasy tamin'ny

Taona dimy amby sivifolo,

Vahoaka diso fanantenana

Ka lasa nihanahana (...)

And2 :

Hafatra ho an'ny firenena malagasy :

Mitafia herin-tsaina sy herim-po

Fa aza manao kitoatoa (...)

Roa ihany ny andinin'ity tononkalo ity. Tsy voahaja ny isan'ny andalana ao amin'ny andininy mifanesy. Sivy ambin'ny folo ny andalana ao amin'ny andininy voalohany, ary fito kosa no hita ao amin'ny tapany faharoa. Samy manana ny halavany ny isan'andalana. Toa miady rima ihany ity tononkalo ity, nefa misy maningana eo amin'ny andalana voalohany amin'ny andininy faharoa. Roa karazany ny laharam-pisehoan'ny rima :

-Rima mifampisakambina abba, sy rima mifanjohy aa bb no mifanesy ao amin'ny andininy voalohany ;

-Rima mifanjohy aa bb , ialohavan'ny andalana iray voalohany miendrika fitaterana resaka (miafara amin'ny teboka roa) kosa no hita ao amin'ny andininy faharoa.

Lava dia lava ny andininy voalohany, satria mitanisa ireo fahoriana nanjo ny vahoaka malagasy noho ny nafitsoky ny mpanao pôlitika ny mpanoratra. Variana miady seza sy mitady ny tombontsoany mantsy izy ireo, ka tsy mahita ireto vahoaka tsy mandady harona difotry ny fahantrana. Ny havesatry ny fahoriana niainan'ny Malagasy tamin'izany no sary tian'ny mpanoratra hampitaina eto.

Fohy nefa manan-danja kosa ny andininy faharoa. Fanentanana sy fanafarana ny vahoaka malagasy mba tsy hiraviravy tanana manoloana ny zava-misy iainany indray no ataon'ny mpanoratra amin'izany. Anteriny manokana ny tokony hananana herim-po sy herin-tsaina, ary ny fiankinana amin'Andiamanitra. Nasehon'ny mpanoratra tamin'ny alalan'ity tononkalo ity ny maha mpitondra tenin'ny fiarahamonina azy.

Fotoam-bolamena ho an'ny literatiora malagasy tokoa ity vanim-potoana 1991-1995 ity. Ary anisan'ny niroborobo tamin'izany ny fanoratana tononkalo. Endrika roa samy hafa no azo anasokajiana ny karazana tononkalo nivoaka tamin'izany : tao ny mbola nandala ny tononkalo manara-pitsipika, nisy kosa ireo izay nisafidy ny tononkalo malala-drafitra. Noho izany, fanehoana ny kanto tamin'ny endrika roa no nasongadin'ireo mpanoratra tamin'izany: teo ny kanto tamin'ny fomba firafitra ary teo kosa ny kanto tamin'ny fomba fanehoan-kevitra. Fa ankoatra ny fitobahan'ny tononkalo, dia nanoratra sombin-tantara koa ny mpanoratra.

3-1-2- Ny sombin-tantara

Voasokajy ho ao anatin'ny lahatsoratra mitantara ny sombin-tantara. Natao hampihetsi-po sy hanamaivana ny fijaliana na hanariarian-dia no nampiasaina azy tany aloha. Tantara kely nentina nandokoana ny fihetseham-pon'ny mpifankatia na nanehoana ny fijaliana noho ny fitiavana tsy mifamaly ny sombin-tantara tamin'izany, ary atao am-bava matetika.

Taty aoriana kosa, dia nentina nitantarana toe-javatra iray nitranga, izay tsy maneho afa-tsy lafin-piainana na lafin-toetra iray fotsiny eo amin'ny mpandray anjara fototra izy. Tsy nijanona tamin'ny am-bava intsony ny fitantarana nanomboka teo, fa noraketina an-tsoratra. Endrika maro no nanehoan'ny mpanoratra azy : misy ny sombin-tantara misarina angano, ao ny miendrika tantara foronina, ao ny tantara kely manindrona, izay natao hanitsiana toetra, nisy koa ny tantara somary haingam-pizotra : mifanakaiky ny fanombohany sy ny fiafarany.

Tamin'ity taona 1991-1995 ity, dia niroborobo ny fanoratana sombin-tantara. Saika tany amin'ny gazety tsy miankina anefa no tena nahitana azy ireny, fa vitsy dia vitsy no nivoaka ho boky.

Indreto misy santionana sombin-tantara voasoratra tamin'izany :

- « Solomason'i Dola »,nosoratan'i ARINAIVO,izay azo itarafana ny fiainana hita eo amin'ny lafiny mahatsikaiky ;
- « Ny finoan-jaza »,nosoratan'i Georgette RANIVOARIVELO Gabrielle. Ity farany indray dia entina hanehoana ny fiainana hita eo amin'ny lafy tsarany.

3-1-2-1- Sombin-tantara maneho ny fiainana eo amin'ny lafiny mahatsikaiky :

Azo sokajiana ho anisan'ireo tantara kely natao hanitsiana toetra ity sombin-tantara mitondra ny lohateny hoe : « Solomason'i Dola »,nosoratan'i ARINAIVO ity.Ny lafiny mahatsikaiky teo amin'ny toetra amam-pitondran-tenan'i Dola no soritsoritan'ny mpanoratra amin'izany. Mitaky fahaizana tokoa ny fikasihana ny mason-tsain'ny mpamaky hahatsikaritra ny zava-mahatsikaiky ao amin'ny tantara iray. Horesahina mifanesy etoana ny fahaizan'ny mpanoratra maneho an'izany. Koa,

- ny mahatsikaiky eo amin'ny teny sy ny fomba filazan-javatra no haseho voalohany,
- manaraka azy ny mahatsikaiky eo amin'ny toe-javatra,
- ary farany, ny mahatsikaiky eo amin'ny toetran'ilay mpandray anjara fototra.

Ny mahatsikaiky eo amin'ny teny sy ny fomba filazan-javatra :

Tsara marihina fa samy hafa ny teny mahatsikaiky, amin'ny maha teny azy fotsiny, sy ny teny mahatsikaiky noho izy milaza toe-javatra na toe-tsaina na toe-batana mampihomehy.

Azo atoko telo ireo teny sy filazan-javatra ireo :

- ny teny “tsotso-piaina”,
- ny teny “manafin-toetra”,
- ary ny teny « sosona »¹⁰.

Ny teny tsotso-piaina

“Ny atao hoe teny « tsotso-piaina », dia ireny teny toa mihanjaka, toa misosososo tsy mahalala menatra ireny. Entim-pahatsorana loatra ka toa tsy mahita izay lesoka ao aminy”¹¹. Matetika dia azo tarafina amin'ny anarana omena ny mpandray anjara fototra amin'ny tantara izy ity. Anarana maneho avy hatrany ny toetran'ilay olona. Toy izany angamba ny anarana hoe « Dola ».

Voafehin'io anarana io daholo ny vontootin'ny tantara rehetra. Tovolahy variana tamin'ny fidoladolana, ka tsy nahatsapa ny tsy mety teo amin'ny fomba fianjaikany i Dola. Ny mahatsikaiky tamin'izany dia ny fahaizan'ny mpanoratra mampifanaraka ny toe-javatra miseho amin'ny anarana nomeny ny mpandray anjara.

« (...) Hipoka ny fiara. Nifanitsa-kitro ny olona. (...) tsy mba nisisika izy...nefa tafiditra tany am-povoany. (...) nanome toerana azy ity ramatoa lehibe efa nipetraka (...) Nibitaka anakampo ity mihevitra azy ho izy . (...) Nianjonanjona fa Ramose be ! (...) Dia niankina tsara (...) ».

Tsy nisy fiantraikany tamin'i Dola ny fahitana ireo fihetsika hafahafa nasehon'ireto olona nanodidina azy, sy nasehon'ireo izay nifanena taminy teny an-dalana nody. Vao mainka nanamarin-tena sy nanamafy ny fahatsaran'ny fomba fihangony aza izy, ka niedinedina ery amin'izato solomaso « *vera an'ila !* »

¹⁰ RAJAONA Siméon, *Takelaka Notsongaina II*, Ambozontany Fianarantsoa, 1969, tak.189

¹¹ RAJAONA Siméon, op.cit. Tak.189

Ny teny manafin-toetra

“Ny antosina hoe : « *teny manafin-toetra* » indray dia irony teny toa tsy mampiseho mazava izay tena hevitra fonosiny loatra. Ohatra : ny tsilalaon-kevitra sy ny tsilalaon-teny samihafa”¹². Izany hoe, teny iray nefa manana hevitra roa no tiana holazaina eto : heviny ara-bakiteny sy heviny an’ohatra. Toy izany ireto teny vitsivitsy ireto :

Ny hoe “*nibitaka*”dia ilazana fihetsika hita maso ataon’ny olona iray noho ny hafaliany. Izany no heviny ara-bakiteny. Ato amin’ny tantara dia ny tany am-pon’i Dola no lazain’ny mpanoratra fa nibitaka. Misarika ny mason-tsain’ny mpamaky ny mpanoratra amin’ny filazany hoe : « *nibitaka anakampo* », mba hahatakatra ny toe-javatra mahatsikaiky ao ambadik’io fomba filazan-javatra io. Ny fon’i Dola izany no nitsinjaka. Zavatra tsy fahita loatra ny toy izany!

Teny hafa manana hevitra roa ihany koa ny hoe : « *nitrena* ». Ny biby toy ny omby, ohatra, no mitrena. Izany hoe, mamoka feo mafy sy manaitra ny manodidina (mimà). Raha ny olombelona no manao toy izany, dia tezitra izy izay na misafoaka, ka mamoka feo mampitahotra. Nefa, tsy nisy anton-javatra tokony ho nahatezitra an’i Dola ka hampitrena azy. Teo fotsiny dia « *nitrena ny beson’i Dola*. ». Misy toetra tian’ny mpanoratra holazaina ao anatin’izany. Eo indrindra no isehoan’ny lafiny mahatsikaiky amin’ny tantara. Mampihomehy ihany mantsy ny mahita olona mibetrobetroka tsy amin’antony toy izany.

Ny teny sosona

“Irony teny toa be tsy adala, toa misonenika tsy amin’antony, mibahan-toerana toa « *bingo manao matso ka misalovana ny anjaran’ny sasany* », no atao hoe : teny « *sosona* »”¹³. Fitanisan-javatra toa miady toerana, manao tsy omby aloha no azo ilazana azy: « *Hipoka ny fiara. Nifanitsa-kitro ny olona. Mba tsy hilazana hoe mila hifampibaby*. » Manao laza masaka ny toe-javatra niseho ny mpanoratra eto. Tahaka izany koa no tiana hambara amin’ny hoe : « *nitrena ny beson’i Dola*”izay voalaza tetsy ambony. Fandokafana misosona eson-teny no ataon’ny mpanoratra amin’izany.

Rehefa avy niresaka momba ireo karazan-teny sy fomba filazan-javatra mahatsikaiky hita tao amin’ny sombin-tantara isika, dia ndeha hiditra amin’ny lafiny mahatsikaiky eo amin’ny toe-javatra.

¹² RAJAONA Siméon, op.cit, tak.190

¹³ RAJAONA Siméon, op.cit tak.191

Ny mahatsikaiky eo amin'ny toe-javatra

Mandray telo ny atao hoe toe-javatra tiana hambara eto : ny toe-batana, ny fandehan'ny zava-miseho, ary ny fihetsika ivelany hita ao amin'ny olona. Mety hahatsikaiky avy hatrany io toe-javatra io. Nefa mety hiankina amin'ny fomba filazan-javatra, tahaka ny voalaza teo aloha,vao hahatsikaiky.

Roa amin'ireo toe-javatra telo notanisaina ireo ihany anefa no asongadin'ny tantara, ary horesahina mifanesy :

-ny fandehan'ny zava-miseho

-ny fihetsika ivelany hita amin'ny olona.

Ny mahatsikaiky eo amin'ny zava-miseho:

Mety haka endrika fifandisoan-javatra ilay tranga miseho. Mety ho toe-javatra mahatsikaiky tsy dia lalina firy koa, ka tsy dia ampiasain'ny mpanoratra loatra, nefa ampy anehoana ny lafiny mahatsikaiky eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto amin'ity sombin-tantara miresaka momba ny « solomason'i Dola »ity, ohatra, dia ny mpanoratra mihitsy no nisarika tsikelikely ny mason-tsain'ny mpamaky hahita ny mahatsikaiky ao amin'ny tantara. Nataony nifanao ambaratonga ny zava-niseho. Tany amin'ny farany vao nolazainy ny tena zava-nisy. Nantombony tamin'ny filazana ny toetr'andro : « *Maina ny andro, nigaingaina, nandoro.* » Ny hafanan'ny andro tamin'izany no tian'ny mpanoratra hasongadina eto ka hisarika ny mpamaky ho liana avy hatrany amin'ny zavatra mety hiseho aty aorian'ny tantara. Nidirany avy eo ny toerana nisehoan'ny tantara : nanomboka teo am-piandrasana fiara, indrindra fa ny tao anaty fiara, sy rehefa niala ny fiara ,ka hatreo am-bavahady. Mandravaka ny fitantarana eny hatrany ny fitanisana ireo fonjan-kevitra izay entin'ny mpanoratra nandoko an-kolaka ny lafin-javatra tiany havohitra ao amin'ny tantara. Nataony lanja miakatra ny fandaharany azy. Ka toa nanamora ny fahazoana ny toe-javatra niseho sy nanome aina ny tantara, ary nisarika ny sain'ny mpamaky hahatsapa ny mahatsikaiky ao amin'ny fizotry ny tantara izany.

-“ *Maina ny andro. Nigaingaina. Nandoro.*

-*Laharan'olona lavabe no niandry fiara mpitatitra.... Efa ho adiny iray vao iny nisy.*

-*Nihetsiketsika ny mpilahatra. Nopihina ny elo. Nesorina ny karazana arondoha. Mba nesorina koa ny solomason'i Dola. (...)*

-*Mba anisan'ireo nasaina niditra ihany izy (...)*

-*Navoaka indray ny solomason'ny tovolahy. Nanaovana. (...)*

-Hipoka ny fiara. Nifanitsa-kitro ny olona. Mba tsy hilazana hoe mila hifampibaby(...)

-Gaga anefa i Dola. (...) Tsy mba nisisika izy nefa tafiditra tany am-povoany (...) Nanome toerana azy ity ramatoa lehibe efa nipetraka (...). Talanjona indray ny anao (...) Lasa ny eritreriny (...). Zendana_mihitsy (...)

-Nibitaka anakampo ity nihevitra azy ho izy (...) –Jenitra ery (...)

-Nianjonanjona (...)– Nikamentsona Ramose(...) ».

Ireo rehetra ireo dia efa manampy sahadry amin'ny fahitana ny lafiny mahatsikaiky eo amin'ny zava-niseho tao amin'ny tantara. Hamafisin'ny mpanoratra tsara mantsy, na ny toetr'andro tamin'izany, na ny zava-misy teo am-pilaharana fiara, indrindra ny tao anaty fiara : Ny olona nihatakataka an'i Dola ; nefa etsy andaniny izy, dia nihevi-tena ho ambony ka nomena haja manokana. Ary nitohy hatreny an-dalana hamonjy ny vavahadin'ny tranony izany fihetsiny izany. Teo am-pitadiavana ny fanalahidy hamohana ny vavahady i Dola vao nahazo ny anton'ireny fihetsiky ny olona tao anaty fiara sy teny an-dalana ireny. Kay tsy fanajana azy manokana izy ireny, fa noho ny nanaovany vera an'ila !Azo takarina tao anatin'ny fizotran'ny tantara, araka izany, ny endrika fifandisoan-javatra nasalotry ny mpanoratra ny tantara mba hanehoany ny mahatsikaiky tao anatin'ny, dia ny zava-niseho teo amin'ireo olona nahita an'i Dola sy ny fomba nandraisan'i Dola izany. Aza mba tratran'ity nanjo an'i Dola ity ihany. Mila fandinihan-tena mandrakariva ny fiainana.

Tsy ny toe-javatra niseho tao amin'ny tantara ihany no nahatsikaiky. Teo dia teo ihany koa ny fihetsika nasehon'ireo mpandray anjara, izay niangalian'ny mpanoratra manokana ny fandokoana azy. Ny mahatsikaiky hita taratra avy aty ivelany amin'ireo mpandray anjara no hofakafakaina amin'izany.

Ny mahatsikaiky eo amin'ny fihetsika ivelany:

Matetika dia ireo fihetsika tsy mendrika ilay manao azy, na tsy mifanentana amin'ilay iharany no ahitana ny toe-javatra mahatsikaiky. Azo raisina tsara amin'izany ny fihetsik'i Dola ato amin'ny tantara. Raha ny zava-niseho izay efa nolazaina teo ambony no tohizana, dia mazava ho azy fa tsy mendrika azy ny fihetsika nataony nanoloana ireo olona nahita azy. Eo indrindra no isehoan'ny toe-javatra mampihomehy ao amin'ny tantara. Na dia hipoka aza ny fiara, dia tsy nanakana ny olona hanalavitra an'i Dola izany : « *Nihataka ny maro nanome lalana azy* ». Toy izany koa ny fihetsiky ny olona nifanena taminy teny an-dalana nody :

« (...) niherika nijery azy daholo izay nolalovany. » I Dola kosa etsy an-daniny, gaga ihany tamin'ny voalohany. Niezaka namantatra ny zava-misy ihany koa izy. Nefa nifanohitra tamin'ny tokony ho fihetsika hataony no nataony : « (...) *fanaingana soroka kely hatrany (...). Nampiana fiatranatrana tsy misy toa azy.* » Henatra sy fanitsiana ny fomba fihangony no nandrasana taminy, nefa fidedadedahana hatrany no nasehony. Ary tsy tonga saina mihitsy izy raha tsy efa tonga tany an-trano. Teo vao hita ny tsy mety rehetra ka nahatonga ireo fihetsiky ny olona ho hafahafa. Tara loatra anefa izany, satria efa be ny vita. Tonga amin'ilay fiteny hoe : « *fafa trano lasa mpifosa* », izany hoe, efa hitan'ny olona daholo ny tsy mety rehetra tao an-trano, vao hanadio. Raha ny marina, dia ny fafa trano no tokony hialoha fa tsy ny fandraisam-bahiny, mba tsy hifosan'ny olona ny tena. Toy izany koa ny tokony ho nataon'i Dola mialoha ny nidirany tao anaty fiara. Izany hoe, tokony ho nanamarina tsara ny zavatra eny aminy izy aloha. « *Ny nenina tsy aloha hananatra fa any aoriana handatsa* ». Efa betsaka ny olona nitsara ny fihangony vao tsapany ny marina. Fihetsika fahita matetika ataon'ny olona ity nataon'i Dola ity. Ary tena mahatsikaiky tokoa.

Toy izany ny toe-javatra mahatsikaiky tamin'ny tantaran'i Dola. Nahitana lafiny mahatsikaiky koa teo amin'ny toetoetrany.

Ny mahatsikaiky teo amin'ny toetoetrany:

Azo atoko telo ireo toetra mahatsikaiky fahita ao amin'ny sombin-tantara : ny « *toetra tsy manam-pamavany* » ; ny « *toetra mitompo teny fantatra, kevokevoka* » ; ary ny « *toetra fetsifetsy* »¹⁴. Ireo karazan-toetra fahita eo amin'ny fiainana andavanandro ihany, nefa lasa lalim-paka loatra ka tsy voafehin'ny tompony intsony, no toa manjary mahatsikaiky, no tiana holazaina eto. Na dia lalim-paka sy fahita andavanandro toy izany aza ilay toetra, dia tsy atao tsapan'ilay manana azy, satria mety hampiova azy ny fahatsapana izany. Ka ho menatra ny hehin'ny olona izy. Ary na tsy hiova aza izy, dia hanamboambo-toetra sy fihetsika, ka tsy ho hita ao intsony ilay toetra mahatsikaiky nananany teo aloha. Tsikaritra teny amin'ny Dola ihany koa io toetra roa farany io. Kevokevoka ery izy, satria nomen'ny olona lalana sy toerana hipetrahana, ary nifantohan'ny mason'izy rehetra. Nianjonanjona ery ny anao lahy, fa nihevi-tena ho ambony sy nanan-kaja, niaraka amin'ity solomaso « *vera an'ila* ». Nasongadin'ny

¹⁴ RAJAONA Siméon, op.cit. tak.196

mpanoratra an-tsoratra mihitsy ny tao an-tsain'i Dola tamin'izany, mba hahatakarany ny mpamaky ny zavatra mahatsikaiky teo amin'ny toetrany : « *lasa ny eritreriny* »:

- *Angamba tena Ramose mihaja be no fahitana ahy matoa aho atao toy izao (...)*
- *Ary mety izany ny manao kaompile toy izao rehefa mandeha fiara mpitatitra. Hajain'ny olona ! (...)*
- *Tena tsara sy mety mihitsy angamba ny fihetsiko sy ny bikako ! iza koa moa no hanana fitafiana toy izao amin'ny andavanandro ? ».*

Tsy nisy nampahafantatra ny zava-misy marina tamin'i Dola anefa ireo olona nahita ny tsy fetezan'ny fihain'ny ireo, mba hitazonana ny lafiny mahatsikaiky teo amin'ny tantara. Ary izay fahafantarana ny tao an'etreriny izay no vao mainka mampihomehy amin'ity tantara ity. Arakaraka ny fahitan'i Dola ny fihetsiky ny olona mantsy, no nahatonga azy ho nanamarin-tena sy ho kevokevoka. Nahatsapa tena ihany anefa izy tamin'ny farany, saingy tsy nisy azony natao intsony.

Hita teo ireo lafiny mahatsikaiky, ao amin'ity sombin-tantara nosoratan'i ARINAIVO, mitondra ny lohateny hoe : « Solomason'i Dola » ity. Ary azo itarafana ny toetoetran'ny olona tamin'izany vanim-potoana izany ny zava-nisy tao amin'ny tantara : ny tsy fahatsapana ny tsy mety atao ; ny fanamarinan-tena manolona ny zavatra iray miseho, sns.

Ny fiainana hita eo amin'ny lafy tsarany kosa no hofakafakaina manaraka ao anatin'ny sombin-tantara hafa indray.

3-1-2-2-Ny fiainana eo amin'ny lafy tsarany

“*Na dia « mihodinkodina toy ny kodiaran-tsarety ny fiainana », « ny olombelona tsy main-tsy lena ».* “*Toy ny vato, tsy natao handry ho rangolahy ihany, hihohoka lazoin'ny fahoriana, fa hijoro ho vatolahy kosa, hitraka, hiriana amin'ny fifaliana sy ny fiadanana*”¹⁵.

Tsy misy zavatra azo maina mantsy, eo amin'ny fiainana, fa vidina lafo daholo, na ny fifaliana na ny fiadanana, na ny hasambarana...Avy aiza àry no ahitan'ny olombelona hery hoentina miady amin'izany ? Ity sombin-tantara nosoratan'i Georgette RANIVOARIVELO Gabrielle, mitondra ny lohateny hoe : « Ny finoan-jaza » ity no hoentina mamaly io

¹⁵ RAJAONA Siméon, cf Takelaka Notsongaina II, Tak.248

fanontaniana io. Azo zaraina telo ireo hery manampy ny olona amin'izany :

- ny hery avy ao amin'ny fiainana,
- ny hery avy amin'ny fitiavana,
- ny hery avy amin'ny fahatsapana ny adidy.

Ny hery azo avy amin'ny fiainana

« Ny atao hoe *fiainana* eto dia ny hery sy ny toe-javatra tsy miankina mivantana amin'ny olombelona, nefa kosa mikasika azy mivantana : ao ny rà iombonana, ao ny fanambadiana, ao ny andro sy ny alina mifanolosolo, ary ao ny toe-javatra samihafa rehetra, izay samy toa manan-kery hisintona antsika amin'ny lalana tsy fantatra mialoha, ka mety handavo sy hamono na hanohana sy hamelona ny fiezahana ataontsika (...) »¹⁶. Ny lafiny fanambadiana no voakasika ao anatin'ity sombin-tantara iray ity. Ny marimarina kokoa dia ny fiainana hita amin'ny tokantrano iray nahatsiaro fahabangana noho ny tsy naha teo intsony ny raim-pianakaviana. Araka izany, dia miendrika tantara foronina ity sombin-tantara ity, saingy nesorina daholo ireo haingokaingony mba tsy hahalava azy. Hany ka lasa tsy maneho afa-tsy sombim-piainana fotsiny izy. Ny fomba niainan'i Mamy, renim-pianakaviana iray izay efa maty vady tanora, niaraka tamin'ny zanany, ny fitsingerenan'ny fahadimy amby telopolon'ny taona niverenan'ny fahaleovan-tenan'i Madagasikara, no vontootin'ny tantara. Voafaritra tsara ny fotoana nisehoan'ny tantara : « *Faha dimy amby roapolon'ny volana Jona(...)* ». Toy izany koa ny mombamomba ny mpandray anjara fototra : « (...) *renim-pianakaviana mbola tanora dia tanora, Randimbison Mamy (...) i Tojo no lahy, voalohan-janany ;i Beby kosa no faharoa.* » Maty vady izy, tsy miasa any ivelany fa manao irony kitapo lamba irony izay misy mpandray isan-tapa-bolana. Ary ny vokatra avy ami'ireo voankazo voleny koa efa misy mpiantoka. Tsy sahirana loatra izy telo mianaka na somary mihafihafy ihany aza indraindray (...) ». Teo koa ny fomba fitaizany ireo zanany: « (...). *Tsy very maina ny fotoana lany iarahan'i Mamy mamaky Baiboly amin'izy dahy alohan'ny hatoriana, ka hendry sy mora toroana ry zareo...* » Izany hoe, nanome lanja ny finoana an'Andriamanitra ity ankohonana

¹⁶ RAJAONA Siméon, cf Takelaka Notsongaina II, tak.249

iray ity. Io finoana io indrindra no nifikiran'ny zanak'i Mamy ka tsy nampanary toky azy, fa nampitsiry hatrany ny fanantenana tao anatiny. Mbola io finoan-janany io no nanome hery ity renim-pianakaviana ity hiatrika indray ny fiainana. Nisy akony teo amin'ny fiainan'i Mamy sy ireo zanany mianadahy tokoa mantsy ny fahabangana nisy tao an-tranony. Tsy sarotiny tamin'izany anefa izy mianadahy fa nangataka tamin'Andriamanitra ny hananganana ny Dadany amin'ny maty mba hahafeno ny fifaliany. Tsy fantatra na izany no atao hoe kisendrasendran'ny fiainana, na inona, fa tao anatin'ny savorovorom-pahoriana sy ny ranomason'i Mamy iny indrindra no tonga ny rahalahim-badiny avy tany an-dafy, izay noheverin'ny zanany fa valim-bavaka avy amin'Andriamanitra. Faly izy mianadahy fa feno ihany ny banga teo amin'ny fiainany. « *Ny zavatra rehetra tokoa dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra* », araka voalazan'ny Soratra Masina. Hery avy amin'ny fiainana kosa no nandraisan'ny ankamaroan'ny Malagasy azy. Araka ny tenin'i Auguste Rajon hoe : « *mifanosolo tokoa ny ririnina sy lohataona* ». « *Misy ririnina ny fiainan'ny olombelona, itakokoany amin'ny hatsiakan'ny hakiviana, ny alahelo, ny hareraham-po...nefa misy koa ny lohataona itsimohan'ny hery vaovao, manova endrika ny fiainana manontolo* »¹⁷.

Manome hery tokoa ny fiainana raha tsy sakanana ireo toe-javatra izay tsapa fa toa hanome aim-panahy vaovao indray ilay olona nahatsiaro tena ho resy teo aloha. Saingy tsy ny fiainana ihany no afaka manome hery, fa eo koa ny fitiavana.

Ny hery avy amin'ny fitiavana

“ *Ny fitiavana no vahatry ny aina,* » hoy ny hain-teny. Fanafody manasitrana ny alahelon-tsaina sy ny alahelom-panahy rehetra ny fitiavana.

Fitiavana no nentin'ireto zanany nanambitamby an-dreniny mba hahamaivana ny fahoriany. Toy izao no nataon'izy ireo tamin'izany : « *Mangina i Neny ô ! Fantatro, hoy i Tojo, fa tena malahelo an'i Dada koa i Neny. Efa nivavaka mafy mihitsy izahay teo. Izahay tsinona efa lazain'i Neny hoe : hendry ka tia anay i Jesoa. Aza tomany i Neny, hoy Beby kely. Angamba efa natsagan'i kristy izay ny Dadanay.* » Ny halehiben'ny finoana tao anatiny no nentin'izy mianadahy nanome toky an-dreniny mba tsy ho kivy. Mety ho finoan-jaza, araka ny voalaza amin'ny lohatenin'ny tantara, no nandraisan-dreniny izany, nefa dia tena nisy

¹⁷ RAJAONA Siméon, op.cit. tak.250

trangan-javatra niseho tokoa taoriana kelin'ny resak'izy ireo. Nanova ny fiainan'izy mianakavy io toe-javatra io : tonga tampoka ny rahalahin-drain'izy mianadahy, izay lasa naka ny toeran-drainy mihitsy taty aoriana.

Fitiavan-janaka ihany koa no naneken'i Mamy ny fangatahan'ilay rahalahim-badiny azy ho vadiny. Efa ela rahateo no efa nitiavan'ity zaodahiny azy. Saingy naleony nanalavitra azy tanteraka nony lasa vadin-jokiny i Mamy.

Noho ny herin'ny vintana anefa, dia nosarahin'ny fahafatesana tamin'ny vadiny avy izy roa, ka nalalaka ho azy ny lalana. Noraisin'i Mamy ho toy ny famonjena azy telo mianaka io fihetsika nasehon'i Vonjy zandrim-badiny io. Toy izao ny tenin'i Mamy tamin'izany : « *Vonjy ô ! ianao tokoa, rahavako no vonjin'ny fiainako, ianao no vonjin'ny hasambarako...Satria ianao no vonjin'ny fitiavako (...)* ». Ireto zanany koa efa nandray azy ho tahaka an-drainy ka nanamora zavatra. Ny fitiavana tokoa no fialokalofana raha misy mahory. Manampy amin'ny fisetrana ny onjam-piainana ny fifikirana aminy.

Hery mamelona ny aim-panahin'ny olona iray izay mitady ho resy amin'ny fiainana ny fanehoana ny fitiavana aminy sy ny fananany fitiavana, na dia toy ny voatsinampy aza ny hakeliny. Mitombo ihany mantsy izany raha ekeny ny famelomana azy ao anatin'ny. Fa ankoatra ny hery avy amin'ny fitiavana, dia misy ihany koa ny hery avy amin'ny fahatsiarovana ny adidy.

Hery avy amin'ny fahatsiarovana ny adidy

« *Ny adidy, hono, tsy an'olon-dratsy* ». ary « *Ny taon-trano tsy vitan'irery* ». Nefa mitaky fitiavana sy fanetren-tena ny fanefana ny adidy, na amin'ny mpiara monina, na amin'ny havana, eny fa na amin'ny olon-tiana na ny vady aman-janaka aza. Hery manokana ho an'ilay notoloran-tanana kosa ny vintana tsara azony.

Nanome hery ho an'i Mamy ny fahavononan'i Vonjy hitia sy hikarakara azy telo mianaka, toy ny vady aman-janany. Tsy hoe : « *manararao-paty* » akory i Vonjy eto, fa nentanim-pitiavana ka niala tany andafin-driaka tany mihitsy, handeha hamonjy sy hanome tanana azy ireo. Ekena fa efa nanam-pitiavana an'i Mamy ihany izy talohan'ny nampakaran-jokiny azy. Nefa neza hiny novonoina izany tamin'ny alalan'ny fanalavirany azy mivady sy nanorenany tokantrano tany ampitan-dranomasina tany. Araka ny teniny moa dia : « (...) *Ny olona tena tia, dia izay manantanteraka ny fanirian'ny olona notiaviny, na dia manjary*

fatiantoka ho azy aza. » Izany tokoa no tena fitiavana. Nivadika anefa ny tantara satria samy maty vady izy roa. Mbola tsy nanan-janaka tamin'ilay vadiny anefa i Vonjy. I Mamy kosa etsy an-daniny namelam-badiny kamboty roa be izao. Koa niverina tany amin'i Mamy indray ny fisainan'i Vonjy. Teo koa ny fiverenan'ilay fitiavana izay efa nezahiny novonoina. Ary teo dia teo ny fahatsapana ny adidy tokony hatao amin'ireo navelan'ny maty ; sady rahalahiny rahateo ilay nindaosin'ny fahafatesana. Ireo rehetra ireo no nanainga sy nanosika azy hanatona azy telo mianaka, sy haka ny toeran-jokiny, ho vady ho azy sy ho rain'ireto zanany. Toy izao ny teny nentiny nandresy lahatra an'i Mamy tamin'izany : « (...) *Koa maninona moa raha...raha tena horaisiko ny toeran-drainy ? (...) Raha tianao, rahavako, hahasoa azy mianadahy kokoa, raha izaho sy ianao no mifarimbona mikolokolo azy. (...) Tsy mba fitia haitraitra no entiko mitia anareo telo mianaka, fa fitia miorina ao anaty foko ao »*. Fihetsika mitory fahavononana handray andraikitra tokoa no tsapan'i Mamy tao anatin'izao fanomezantoky nataon'i Vonjy izao, ka nahatonga azy hanaiky sy hahazo hery indray hiatrehana ny adidiny amin-janany. Koa azo ambara fa hery manainga ny olona iray hahatsiaro ny adidy aman'andraikiny ny fanehoana fitiavana atao aminy. Ary ny fitiavana ihany no afaka mandefitra amin'ny ny zavatra rehetra sy mampahery izay efa miraviravy tanana.

Endriky ny fiainam-pirenena teo anelanelan'ny taona 1991-1995 no nasehon'ny mpanoratra ato amin'ity sombin-tantara faharoa ity. Nasongadiny tamin'izany ny fanankinana ny fiainana tamin'Andriamanitra nanoloana ny fahoriana nosetraina. Ary nanova ny fiainana ilay vavaka nasandratra.

Ny zava-nisy teo amin'ny fiainana amin'ny ankapobeny sy hita taratra tao anatin'ny fiarahamonina malagasy tamin'izany vanim-potoana izany no nomen'ny mpanoratra endrika sy aina ao amin'ny sombin-tantara.

Tsy mifanalavitra amin'izany koa no ho hita ao amin'ny tantara foronina.

3-1-3-Ny tantara foronina

Asa soratra maneho ny tantaram-piainan'ny olona, noforonin'ny mpanoratra avy amin'ny zava-misy niainany na iainany, ka ezahiny halalinina ary ampitaina amin'ny mpamaky no azo hamaritana ny tantara foronina. Amin'ny maha-zava-kanto azy dia miavaka amin'ny fahita andavanandro ny endrika isalorany, na ny firindran'ny vontootiny.

Nisy ny fotoana nampangingina ny fanoratana ny tantara foronina tany amin'ny taona 1980, noho ny sivana teto amin'ny firenena. Nanomboka niroborobo indray izany taty amin'ny taona 1994, taona nisian'ny fanalalahana teo amin'ny sehatry ny literatiora. Nisy ny fifaninanana isan-karazany. Anisan'ny nampanao izany ny tao amin'ny fikambanan'ny poeta sy mpanoratra malagasy na HAVATSA-UPEM, ny taona 1995. Ny tantara foronina nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA mitondra ny lohateny hoe : Vakivakim-piainana, no nahazo ny loka voalohany, tamin'izany. Koa ity tantara ity no handeha hitarafana ireo singa samihafa mandrafitra ny tantara foronina. Hojerena amin'izany ireto lafin-javatra ireto :

- ny mpandray anjara
- ny habaka,
- ny fotoana, ,
- ary ny fizotry ny tantara.

3-1-3-1-Ny mpandray anjara

Azo sokajiana telo ny mpandray anjara hita ao amin'ny tantara foronina : ny mpandray anjara fototra, ny mpandray anjara mpanampy, ary ny mpandray anjara ravaka.

Ny mpandray anjara fototra no iankinan'ny toe-javatra rehetra voalaza ao amin'ny tantara.

Miantoka ny fivoaran'ny tantara kosa ny mpandray anjara mpanampy. Tsy maintsy manana fifandraisana mivantana na an-kolaka amin'ny mpandray anjara fototra izy. Ary mandray anjara fitenenana amin'ny famelomana ny tantara koa izy.

Natao hanome endrika azo inoana sy hahafenofeno ny tantara kosa ny mpandray anjara ravaka. Tsy manana anjara fitenenana izy, na dia misy fifandraisana mivantana na an-kolaka amin'ny mpandray anjara fototra aza ny fisiany.

Manana ny toetra mampiavaka azy tsirairay avy ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara ireo, araka ny tanjona tian'ny mpanoratra hisarihana ny mpamaky, sy ny hafatra tiany hampitaina. Ary azo tarafina avy hatrany amin'ny fanoritsoritany ny bika aman'endrin'izy ireo ao amin'ny tantara, ny mety ho toetoetrany avy, sy ny mety ho fiaimpiainany. Ny tena tanjon'ny mpanoratra voalohany amin'izany dia ny fisarihana ny mason-tsain'ny mpamaky hiara-hiaina ny tantara miaraka amin'ireo mpandray anjara noforoniny, indrindra fa hiombona alahelo na hafaliana amin'ilay mpandray anjara fototra.

Ahitana izany ao amin'ny tantara foronina Vakivakim-piainana. Miavaka dia miavaka tokoa ny fanoritsoritan'ny mpanoratra ny mombamomba azy ireo ao amin'ny tantara. Hafa ny namariparitany ny mpandray anjara fototra. Tsy nohamaivaniny koa anefa ny filazalazana ny momba ireo mpandray anjara mpanampy.

Ny mpandray anjara fototra:

Niangalian'ny mpanoratra ny fanoritsoritany ny mombamomba an'i Tsiry, mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara. Toy izao ny nanehoany izany:

“ Nodinihiko tsara ny endriny. “Endrey! ‘Ty volony! Misaritadritaka toa vody kifafa! Ary ‘ty handrina! Mandondona ila hianjera! Marina tsy mila fanohanana io! ‘Reto maso e! Lalina dia lalina, fianjeran’izao karazana alahelo rehetra izao...Ireto molotra aza toa mangovom-pahanterana sahady! Ratsy loatra tokoa raha ity “Ratsiry be saina tsy an’asa ity!” hoy aho. Nojereko indray ny bikany ; notombanako tsara. “Dray! ‘ty tratrany! Mitrakitraky toa tany vatoina! Ary ‘ty kibo e! Mitofeza-dava tsy mety voky : marina tsy kankanina io! ‘Reto sandry e! hozatina dia hozatina, fisavilian’ny daban-drano. Ireto fe aza toa mihem-pahanterana sahady! Mahonena tokoa raha ity Besapaka ity! hoy aho...”(takila 5 sy 6)

Voalokon'ny mpanoratra tsara ny bika aman'endrik'i Tsiry. Tsy misy manintona na manaitra , na ny endriny na ny rafi-batany. Nofariparitany aloha ny endriny : tsy misy mandeha amin'ny laoniny avokoa. Na izy tompony aza tsy tia azy. Endrik'olona sahiran-dava sy vesarana alahelo no azo tarafina amin'ny fanoritsoritan'ny mpanoratra azy. Ireo rehetra ireo dia manampy ny mpamaky hahazo sary an-tsaina sahady fa olona mahantra sy be adin-tsaina i Tsiry.

Manampy trotraka ny efa voalaza ny fanoritsoritan'ny mpanoratra ny bikan'ity mpandray anjara fototra ity. Tovolahy mbola ao anatin'ny fahatanorany tanteraka i Tsiry, nefa mifanohitra tanteraka amin'izany ny zava-miseho : ny tratra fisaka, ny kibo miroraka, ny sandry feno hozatrozatra, ary ny fe mihena am-pitoerana. Raha tsorina dia bikan'antitra no natafin'ny mpanoratra azy. Maneho avy hatrany ireo adim-piainana setrain'i Tsiry ao amin'ny tantara io famariparitana io.

Ankoatra ny firesahana ny bika aman'endrik'i Tsiry, dia hita taratra ao amin'ny tantara koa ny toetra sy ny fomba fisainan'i Tsiry.

Olona mino ny fisian'ny vintana i Tsiry. Izany finoany izany no nentiny nandresy lahatra an'i Mino, “*ilay fofombadiny*” taloha, mba hitovy fijery aminy. Hoy ny teniny: “*Angamba izay ho safidinao, ry Mino, tsy hahatosika ny sitraky ny vintana. Hery lehibe loatra izy ;Hery be dia be no mitambatra ho Vintana : ny nahaterahana, ny fiaraha-monina, ny firazanana, ny hery nampitsimoka ny fisiana... Ireny no manosika anao, ary saro-pehezina ireny! Vintana izany amiko, Vintana daholo.*” (takila 29). Koa io finoana ny herin'ny Vintana io no anisan'ny nanome hery an'i Tsiry nanoloana ny adim-piainana nosetrainy.

Olona mora enjehin'ny eritreritra koa iTsiry. Ity vavaka nataony taorian'ny nandraisany ilay vola vidina halatra ity no azo itarafana izany. Toy izao izany: “*Antenaiko fa hisy lalàn'ny Tany tsy mahatakatra ny didin'ny Lanitra, ka tsy ho fahotana ny fandikana azy. Antenaiko fa hisy didin'ny Lanitra hihoatra ny lalàn'ny Tany mba ho famotsorana an'izay natao ho fahotana. Antenaiko izany! Fa ny vavaka manko no mandan'ny fanahy , ny fanahy mirenireny, tsy mahita iantorahana...*” (takila 58). Vavaka nentin'i Tsiry nanamboatra ny eritreriny no azo ilazana ireo andalana vitsivitsy ireo. Mafy loatra mantsy ny adin-tsainy, ka voatery niantoraka tany amin'Ilay Avo indrindra sy Tompom-pahefana izy. Niezaka nanamarin-tena koa izy tamin'izany. Ny faniriany, dia ny mba tsy hoheverina ho anisan'ny fahotana ny fandraisany ilay vola avy tamin'i Fano mpiara-miasa taminy, fa mba ho toy ny fanavotana sy fanampiana avy any Ambony. Ho fampitoniana ny tebitebin-tsainy sy ho fanomezana rariny ny tenany no vontootin'ny vavak'i Tsiry teto.

Tsy ny mpandray anjara fototra ihany no nofariparitan'ny mpanoratra tato amin'ity tantara foronina ity, fa teo koa ireo mpandray anjara mpanampy.

Ny mpandray anjara mpanampy

Samy voalazan'ny mpanoratra ao amin'ny tantara avokoa ny toetoetran'ireo mpandray anjara mpanampy ireo. Ireto moa izy ireo:

- Ramily, zaodahin'i Tsiry,
- Voahangy, vadin-dRamily, anabavin'i Tsiry;
- Miaro sy Vony, zanak'anabavin'i Tsiry,
- Mino, olon-tian'i Tsiry
- Meja, naman'i Mino, nampiantrano an'i Tsiry,
- Rakotovao sy Fano, mpiara-niasa tamin'i Tsiry,
- ary Aziz, mpampiasa an'i Tsiry.

Mba hahitana ny fahaizan'ny mpanoratra mandoko ny tantara amin'ny fanoritsoritana ny toetran'ireo mpandray anjara mpanampy ireo, dia haka ohatra vitsivitsy amin'izy ireo isika.

Ohatra1:

Ny momba an'i Voahangy, anabavin'i Tsiry.

-“ *Vehivavy malemy paika i Voahangy ka nalain-kiady taman'olona*”. (takila 4)

-“*Vehivavy mataho-bady i Voahangy anabaviko ka nalain-kiaro ny anadahiny. Tsapany anefa ny fahoriako. Tena nalahelo ahy tokoa izy, te hampahery ahy izy kanjo nangina ihany.*”

(takila 5)

-“ *Vehivavy tia vady i Voahangy anabaviko, ka na dia ny tseroky Ramily aza voadiony.*” (takila 9)

Raha tsoahina avy amin'ireo voalazan'ny mpanoratra ireo ny toetoetran'i Voahangy, dia ireto no azo ilazana azy:

Vehivavy tsotra (malemy paika), tsy tia adiady na fifamaliana, tia vady sy mangoraka olona. Ireo rehetra ireo no toetra natafin'ny mpanoratra an'i Voahangy tao amin'ny tantara.

Ohatra 2:

Miaro, zanak'anabavin'i Tsiry.

“ Zazalahy efatra ambin'ny folo taona eo i Miaro. Lahy matoa sady tokana. Kasy dia kasy ary mieboebo aok'izany, indrindra rehefa otronin'ny namany ao an-trano (...), ary jejo ery nataon'ny mpandoka hoe: sefo kely! (...). Asa fa raha mampitaha an'i Miaro sy i Vony aho, dia toy ny nahatazana tandroka mainty tetsy an-daniny, (...)” (takila 14)

Miharihary amin'izao andalana fohy maneho ny mombamomba an'i Miaro izao ny mety ho toetoetrany. Na dia mbola zaza aza mantsy izy, dia efa tsikaritra ho mpihambohambo sy jejojejo aoka izany. Manginy fotsiny ny hakevokevohana. Mety ho noho ny taonany (miala sakana) no mahatonga izany. Mety ho noho ny fahitany ny teotran-drainy koa (tia manevateva olona). Na koa, noho izy lahy tokana (nampihantaina loatra). Ho an'i Tsiry moa, dia toa mahita devoly kely izy raha mahita an'i Miaro. Mbola sary maneho ny haratsian-toetran'i Miaro daholo ny hoe: *“tandroka mainty”* voalazan'ny mpanoratra eto. Ny devoly ihany mantsy no lazain'ny kristiana fa misy tandroka, sady tsy manao afa-tsy ny hampahory olona. Tsy mifanalavitra amin'izany koa ny toetra natafin'ny mpanoratra an'i Miaro.

Betsaka ny filazalazana momba ny mpandray anjara ato amin'ity tantara ity. Saika voasoritsoritra avokoa ny mombamomba azy rehetra, ary amin'ny endrika kanto sy miavaka amin'ny andavanadro. Ny tsara marihina anefa, dia olona sy toetran'olona fahita eo anivon'ny fiarahamonina tamin'ny vanim-potoana nanoratana ny tantara avokoa no voaresaka amin'izany. Manasongadina izany indrindra ny mpandray anjara fototra nofidin'ny mpanoratra: i Tsiry. Niaina ny tsindry hazolena, ny fanambakana samihafa, ny fanevatevana, ny fanilikilihana, nataon'ny manodidina azy izy. Hitany hatramin'ny tranomaizina aza, noho ny tsy rariny nihatra taminy. Toa an'izany no zava-nisy teto Madagasikara tamin'izany.

Tsy ny fandokoana ny mpandray anjara ihany no nahitana ny talentan'ny mpanoratra amin'ny fahaizana manoritsoritra, fa hita koa izany rehefa miresaka momba ny habaka na ny toerana nisehoan'ny tantara izy.

3-1-3-2- Ny habaka

Araka ny hevitr'i François MAURIAC, dia anisan'ny fitsipika tsy azo dikaina ny fametrahana ny tantara eo anivon'ny toerana fantatra sy niainan'ny mpanoratra, fa tsy vitan'ny hoe nisy ihany. Mety hiovaova toerana anefa ny mpanoratra mandritra ny fotoana nanoratany. Ireto avy àry ireo sokajin-toerana tsy maintsy resahina ao amin'ny tantara foronina :

- ny toerana misy ny mpanoratra
- ny toerana nisehoan'ny tantara
- ny toerana misy ny mpamaky

Ny toerana misy ilay mpanoratra na ametrahany ny tenany eo am-panoratana no tiana holazaina eto. Mety hiovaova io toerana io mandritra ny fotoana anoratan'ny mpanoratra. Mety mipetraka ho mpandray anjara mihitsy aza izy indraindray.

Manampy amin'ny fahazoana ny fizotran'ny tantara foronina kosa ny fahafantarana ny toerana ivelaran'ny tantara. Mety ho toerana mifanalavitra na mifanakaiky na tery na malalaka na mihiboka na misokatra, izany. Manana anjara toerana lehibe sy misy dikany eo anivon'ny tantara daholo mantsy ireny.

Ny mpamaky no anisan'ny eritreretiny voalohany rehefa manoratra asa soratra iray ny mpanoratra. Ka ny toerana misy ilay olona iantefan'ilay hafatra no kendrena sy imasoana amin'izany. Miainga amin'izany rahateo ny famaritana ireo toerana voalaza teo ambony ireo.

Ndeha àry hotarafina ao amin'ny tantara nalaina tao amin'ny boky Vakivakim-piainana ny mombamomba ireo toerana ireo.

Raha zohina ny tantara, dia mazava tsara fa teto Antananarivo ny toerana nisy ny mpanoratra teo am-panoratana azy. Ary tsy tany ambanivohitra, fa teto an-drenivohitra. Ny vontootin'ny tantara no manamarina izany.

Toerana samihafa teto Antananarivo renivohitra no nivelaran'ny tantara: Tsaralalana, Fiadanana, Ankatso, Ankadindramamy, Ivato, ary Ambohibao. Samy toerana hita eto Antananarivo avokoa izy ireo, ary voafaritra ara-jeografika ihany koa. Endrika iray mampiavaka ny tantara foronina amin'ny angano izany. Tsy notanisain'ny mpanoratra fotsiny anefa ireo toerana ireo, fa nampiaininy sy nomeny endrika kanto.

Haka ohatra vitsivitsy amin'ireo teorana ireo isika hampiharihariana ny talentan'ny mpanoratra.

Ohatra 1:

“ Maresaka ny alina eny Tsaralalana”. (takila 19)

Manoritsoritra ny zava-misy eny Tsaralalana amin'ny alina ny mpanoratra eto. Fa ny tena tian'ny mpanoratra hasongadina amin'ity toerana ity, dia ny fiaimpiainan'ny mpandray anjara iray ao amin'ny tantara: i Meja. Ankoatra ny fahitana mpivarotra hani-masaka, dia toerana fivezivezen'ny mpivaro-tena koa eny Tsaralalana. Anisan'ireny i Meja. Ny fahaizan'ny mpanoratra namariparitra ny momba azy no manampy ny mpamaky hahatakatra ny maha-mpivaro-tena an'i Meja. Toy izao ny nandokoany azy: *“ Saika tsy tazako izy raha tsy noho ny famindrany ataoko hoe entin'ny vy miaina. Niolika dia niolika ny tapany ambany, toa te hivoaka avy tao amin'ilay zipony fohy dia fohy; sa ity fehikibo lehibe loatra no dia nangeja ny andilana ka nampitraotra ireo nofo-maojany? Ny trarany dia nihantsy ny hatsiaka tamin'izato akanjo ambony nanara-tena, ila tsy hahatahiry izay odiany nafenina. Ary teo ambonin'izany henatra diva hitanjaka izany no nahitako endrika difotry ny loko nanjelanjelatra, toa hipy maso izay nitazana azy. Tsy mba niteny izy fa niangola, ary izato angolany dia nahangoly.”* (takila 19). Voafehy tao anatin'io fitanisana io avokoa ny fomba nilazan'ny mpanoratra ny bika aman'endrik'i Meja, ny fitafiny, ary ny fihetsiny rehetra. Tsy novantaniny ny filazany azy mba tsy handratra ny mpamaky, sy mba hahakanto ny tantara kokoa.

Faritra midadasika tokoa, raha iny Tsaralalana iny no resahina. Toerana ifamezivezen'ny olona maro. Koa tsy kisendrasendra fotsiny no nisafidianana azy ato amin'ny tantara. Teny amin'ity toerana ity rahateo no tena nifamahofahoan'ny ankamaron'ny toe-javatra ato amin'ny tantara, raha tsy hilaza afa-tsy ny tranombarotr'i Aziz, mpampiasa an'i Tsiry, sy ny fiaimpiainan'ireo mpiasany tamin'izany.

Ankoatra an'i Tsaralalana dia misy toerana hafa koa nivelaran'ny tantara.

Ohatra2:

“Teny ambanimbanin’Ankadindramamy no naleha. Vao niala ny fiara dia tanin-tsaonjo no notetezina, tata-drano no nodinganina, elanelan-trano niolikolika (...). Vavahady kely nitolitsika izay no nanoloana anay, natosik’ity namako tamin’ny tongony.” (takila 21)

Azo itarafana sahady ny zava-misy ao aminy, raha ny famariparitan’ny mpanoratra fotsiny an’ilay toerana. Iray amin’ireo faritra iva eto Antananarivo iny ambanimbanin’Ankadindramamy iny. Tsy ahitana foto-drafitra asa firy, toy ny lalana sy ny tetezana, eny an-toerana. Olona mahantra sy sahirana ara-pivelomana no tena betsaka monina eny. Nipetraka teny amin’io toerana io ny sasany tamin’ny mpandray anjara ato amin’ny tantara, dia i Meja sy i Mino. Mazava ho azy, fa olona mitrongy vao homana izy roa vavy ireto. Izany hoe, anisan’ireo olona sahirana ara-pivelomana tahaka ny mponina eny an-toerana koa. Paosin-trano no nipetrahany. Ary tsy nisy hidiny akory, fa na atosika kely amin’ny tongotra dia ampy hampisokatra azy. Endrika nentin’ny mpanoratra nandokoana ny fahantran’izy roa vavy avokoa izany.

Raha tomorina tsara ny vontootin’ity tantara nosoratan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ity, dia mahakasika ny mpamaky rehetra na inona na inona sokajin-toerana misy azy. Natao ho an’ny olona rehetra ny tantara. Nahazo ny anjarany daholo na ny sarangan’olona ambony, na nihevi-tena ho ambony toa an-dRamily, na ny sarangan’olona ambany na heverin’olona ho ambany toa an’i Meja sy i Mino. Hatramin’ny vahiny sy ny toetrany aza dia voaresaka avokoa. Hita taratra ao amin’ny tantara koa ireo toe-javatra mety ho hita ao anatin’ny fianakaviana malagasy tamin’izany sy ny mety ho hita eny amin’ny toeram-piasana samihafa. Raha tsorina dia ny endri-piaramonina nisy teto Madagasikara mihitsy no nasongadin’ny mpanoratra ato amin’ity tantara ity. Koa mety amin’ny mpamaky rehetra ity boky mitondra ny lohateny hoe Vakivakim-piainana ity.

Fitaovana nentin’ny mpanoratra nandravaka ny tantara ny fanoritsoritana ny toerana. Tsy izany ihany, fa nentiny nampandeha haingana ny tantara na nampihisatra azy ny fitanisana ireo karazan-toerana samihafa ireo. Ny tabataba lava, ny rotoroton ‘ny fiainana, ny

tsy fitovian'ny fari-piainan'ny mpandray anjara, dia nahafahana maka sary an-tsaina ny zavany nisy sy niainan'ny vahoaka malagasy teo anelanelan'ny taona 1991-1995. Nentina nandravahana ny tantara koa ny fitanisana ireo toerana ireo..

Mandringa anefa ny tantara raha tsy voafaritra mazava tsara ihany koa ny fotoana nisehoan'ireo tranga samihafa ao aminy.

3-1-3-3- Ny fotoana

Tsy natao fotsiny hanehoana ny fifanesen'ny toe-javatra tantaraina ao amin'ny tantara ny fotoana, fa natao kosa hanehoana ny zavatra tantaraina sy ny fomba fandaharana ny zavamitranga mandritra ny fitantarana, araka ny fizotran'ny fotoana, sy ny fotoana lany amin'ny famakiana azy. Noho izany, mitana anjara toerana lehibe ao amin'ny tantara foronina ny fotoana. Misy mihitsy ny milaza fa “*zava-kanton'ny fotoana*” ny tantara foronina.

Telo karazana ny sokajim-potoana azo dinihana amin'izany :

- ny fotoanan'ny mpanoratra,
- ny fotoanan'ny mpamaky,
- ny fotoanan'ny zavatra tantaraina.

Ny fijerena ny vanim-potoana niainan'ny mpanoratra sy ny nanoratany ilay asa soratra no tiana hambara eto amin'ny hoe fotoanan'ny mpanoratra. Ampifandraisina amin'ny tantaram-piarahamonina izany, na eo anivon'ny tantaran'ny literatiora.

Marihina ihany koa na mifanaraka amin'ny taonan'ny mpanoratra ny taonan'ny mpandray anjara ao amin'ny tantara. Misy ifandraisany amin'ny fomba fisafidianana ny mpandray anjara sy ny toetrany ao amin'ny tantara mantsy izany.

Arakaraka ny firehana misarika ny mpamaky isaky ny vanim-potoana iainany kosa no tokony hametrahana ny mpanoratra ny tantara, mba hisarika sy hahaliana azy amin'ny vontootin'ny tantara. Tsy mitovy mantsy ny famakin'ny olona niaina vanim-potoana samy hafa ny asa soratra iray. Ka tokony hokendrena tsara izay sahaza ny mpamaky iantefan'ny asa soratra (taonany, firehana mahazo vahana tamin'izany, firehana literera).

Anisan'ny tantara voapetraka amin'ny vanim-potoana nanoratana azy, ohatra, ity Vakivakim-piainana, nosoratan'Iharilanto P. ANDRIAMANANGATIANA ity. Manasongadina izany, na ny fivoaran'ny tantara na ny fizotran'ny zavatra tantaraina, na ny fotoana ivelaran'ireo toe-javatra samihafa mandrafitra sy mampiaina ny tantara.

Ohatra vitsivitsy nalaina tao amin'ny tantara no ndeha hoentina manaporofa an'izany. Ohatra1:

“Ny akoholahy mpamoha ahy isa-maraina dia vehivavy mpantsaka. Nikotaba tao an-drefan-trano tao izy ireo: miady laharana, mifosa namana dia manao fara-hehy. Amin'ny dimy ora izay” (takila 3).

Nofaritan'ny mpanoratra mazava tsara ny fotoana iverimberenana'ity tranga iray ity ao amin'ny tantara: *“isa-maraina”, “amin'ny dimy ora”*. Fotoana fifohazan'i Tsiry handehanan'ny mantsaka rano io voatondro io. Fotoana raikitra sy miverimberina nandritra ny fipetrahany tao amin'ny anabaviny izy ity, ka nahazoany anaram-bositra hoe: *“Besapaka”* na *“Be saina mpaka rano”*, izay nanomboka nankaleo sy nahamenatra azy.

Tsy ny fandehana mantsaka rano isa-maraina ihany no nampiferinaina an'i Tsiry, fa teo koa ny toetry ny zaodahiny, izay miandry azy isan'andro eo am-pisakafoana maraina:

“ Ny sosoa mpamelona ahy isa-maraina dia herongerona-dehilahy. Nangina tsara manodidina an-dRamily zaodahiko ny ankohonany: nandoatra ny vary, nandray sotro, dia niandry an-dRamily handrapaka. Amin'ny enina ora sy sasany izay” (takila 4). Toy ny manao tohivakana ny toe-javatra setrain'i Tsiry, ary samy amin'ny fotoana voafaritra mazava tsara. Rehefa avy niaritra ny esoeson'ny vehivavy mpantsaka mantsy izy, dia miatrika ny *“ngerongerona-dehilahy”*, izay tsy iza fa ny zaodahiny ihany. Anisan'ny fotoana nampiferinaina azy tokoa ireo ora roa mifanesy isa-maraina ireo.

Saika tsy niova loatra ny fandaharam-potoana fanaovan'i Tsiry asa aman-draharaha tao an-tranon'ny anabaviny sy niaretany ny fampahorian-tsaina isan-karazany. Ny fotoana atoriany no mba hany fialan-tsasatra taminy sy nampiato ny adin-tsainy:

“ Niara-tapitra tamin'ny andro ny fahoriana ary niara-tonga tamin'ny alina ny fitsaharana. Tao anaty bemiray tao, toa olon-tsambatra aho. Amin'ny folo ora sy sasany izay” (takila12).

Nentina namehezana ny fijaliana rehetra nahazo an'i Tsiry nandritra ny tontolo andro ny hoe "andro" eto. Ary nanehoana ny hany fiadanana nogohiny rehefa tapitra ireo fampahoriana isan-karazany, na ara-batana, na ara-tsaina, izay nianjady taminy. Ny fiverimberenana'ireo toe-javatra ireo tamin'ny ora tsy niova dia toa lasa solom-pamantaranandro ho azy.

Ohatra 2:

" Ny alina, no tena fiainana a! Amin'ny alina tsy eo ingahy lehibe hitrerontreronana ; matory i Madama ka tsy afa-manirakiraka; tsy misy mpividy manabotoboto ahy intsony; mitsahatra ny fanalikana rehetra! Amin'ny alina, malalaka ny lalako, malalaka ny arabe, tsy misy manakantsakana amin'izay tiako haleha...Namako daholo koa ny mandeha eny (...) Olona aho rehefa alina! Iza no hahita ny patalohako rovitra? Tsy misy mahafantatra izay kiraroko loaka koa ao anatin'ny haizina ao! Ampitovian'ny haizina ny rehetra. Tsy misy mifampijerijery. Amin'ny alina manko, matoa mifandinika: mpinamana izay na...mpifahavaloka. (...) Namako ny alina, tiako! Tokony ho tia ahy koa...F'izay fahavaloka ao indray matahotra ny sandry be ka mandositra. Izany mihitsy,leitsy , no itiavako ny alina: manjaka ao ny sandry be; manjaka aho!" (takila 39)

Ny "alina" eto dia manondro fotoana iray ankafizin'i Fano ato amin'ny tantara. Manamafy ny fankamamiany io fotoana iray io ny fiverimberenana'ily voambolana mandritra ny resaka nataony tamin'i Tsiry. Nohazavainy mazava tsara ny antony itiavany ny alina: "mitsahatra ny fanalikana rehetra"; "olona aho rehefa alina"; "manjaka ao ny sandry be; manjaka aho". Izany hoe, afaka manao izay tiany hatao izy rehefa alina ny andro. Manome hery sy mampitovy azy amin'ny olona rehetra io fotoana io: "ampitovian'ny aizina ny rehetra". Mandritra io fotoana io koa no ilomanosany ao anatin'ny fahafahana sy fahalalahana tanteraka, tahaka ny olona miaina ara-dalàna tsy misy fihatsaram-belatsihy. Toy ny mpirahalaky mian'ala amin'i Fano tokoa ny alina ka tsy foiny mihitsy, ary satriny tsy hiova.

Azo ahatsapana ny maha zava-dehibe ny fotoana ity tantara Vakivakim-piainana ity. Mazava sy voaporofa tsara mantsy ireo fotoana nisehoan'ny hetsika samihafa ao amin'ny tantara. Ary mifandray tsara amin'ny fizotry ny toe-javatra tantaraina ny fanehoany azy. Ireo

rehetra ireo dia maneho ny maha siansa ny tantara foronina. Ny famaritana ny fotoana siantifika manko no tena mahazo vahana raha mitaha amin'ny fotoana itantarana ny toe-javatra. Mivalampatra ihany koa ny fitantarana rehefa mahakasika ny lafiny sôsialy ny mpanoratra. Ary haingana kokoa raha milaza ireo hetsika isan-karazany miseho ao amin'ny tantara izy.

Mba hampahazava izay voalaza rehetra teo, dia hofaranana amin'ny firesahana ny fizotry ny tantara ny famelabelarana.

3-1-3-4-Ny fizotry ny tantara

Anisan'ny fomba misarika ny mpamaky ho liana amin'ny asa soratra iray ny fahaizan'ny mpanoratra manome aina ny asa ataony. Ary samy manana ny paika manavanana azy ny mpanoratra tsirairay, raha ny tantara foronina no resahina.

Tsy voatery hisesy araka ny fisehoan-javatra ara-potoana ao amin'ny tantara mantsy, ny fizotry ny zavatra tantaraina sy ny fomba fitantaran'ny mpanoratra azy. Mety hihisatra ny fitantarana (betsaka ny fanoritsoritana noho ny fitantarana), mety ho mailaka (misy zava-nitranga amin'ny fotoana maharitra, nefa tantaraina kely fotsiny), mety hifandipatra mihitsy aza ny fomba fitantarana (ny farany amin'ny tantara indray no anombohana azy).

Ny ato amin'ny Vakivakim-piainana, dia ny mpandray anjara fototra no mitantara ny fizotry ny toe-javatra rehetra ao amin'ny tantara. Ny mpisolo tena laharana voalohany no nampiasainy. Vao manomoboka fotsiny ny tantara dia efa miharihary izany:

“ Tsy mba mety ho tantara ny fiainako. Tsotra loatra manko. Tsotra ka tsy mahasrika ny fifantohana. Tsotra ka vao miandoha dia fanta-piafarana. (...) Ny fiainako kosa tsy mahaliana an'iza n'iza fa dia voaorina ho ahy. Faty entina alina aho, saingy ... maty fahavelona angaha...”

(takila 2).

Paika tsy azo sarahina ao anaty tantara foronina ny fitantarana sy ny fampisehoana ny zava-nitranga ao amin'ilay tantara.

Mandritra ny fitantara mantsy, dia miseho foana ny fanoritsoritana ny mpandray anjara sy ny fomba fisainany, ny fisehoan-javatra, ary ny hetsika samihafa mandrafitra ny tantara.

Ndeha hoporofoina amin'ireto ohatra vitsivitsy ireto izany.

Ohatra 1:

“ Tsy nisotrosotro firy intsony Razaodahiko, saingy nomamoiny tamin'ny tebaka tsy an-kiato izahay rehetra tao an-trano: mpandany vola daholo, hono! mpamorona aretina avokoa! mpanimba ny fiainany mihitsy! Tsy nisy nijoro hamaly azy anefa tamin'izany, na dia i Miaro sahisahy aza, samy nanahy angamba sao.. Dia aleo nangina. Saingy tsy mba volamena ny mangina tamin'ny Sefo Ramily fa vao mainka toa nampaneno azy! Nataony ho tsy firaharahiana angaha ny fahanginanay ka nampitomboiny ny vava ratsy.” (takila 16)

Manoritsoritra ny fihetsika nataon-dRamily tao an-tokantranony ny mpanoratra eto. Mafy taminy mantsy ny tsy fahampiana tao an-tranony, ka ny vady aman-janany no nanasany vangy sy nialany vonkina teo. Niraraka avokoa na ny fanebahana, na ny fanambaniana isan-karazany. Azy irery ny fitenenana, fa vahostry ny tahotra ny iray trano. Tsy nampijanona ny tabataban-dRamily anefa ny fahanginan'izy ireo fa vao mainka naharomotra azy. Toa azo sary an-tsaina mihitsy ny mety ho fihetsika nataon-dRamily tamin'izany, raha ity fanoritsoritan'ny mpanoratra ity no ezahina takarina.

Ohatra 2:

“- Aza mba mamazivazy moa, ry Meja a!

-Marina e! nahitako asa ianao, ho 'aho.

Tovovavy henti-piteny i Meja ka tsy mba nisangy tamin'izay iankinan'ny aina. Nahagaga ahy taminy io toetrany io, angamba noho ilay asa fivelomany. I Mino, izay nilaza ho nahalala tsara ity sakaiza-rahavaviny, dia namerina matetika fa “manam-panahy” i Meja. Izaho kosa tena nino fa nanam-pitiavana izy” (takila32).

Fitantarana miendrika famakafakana sy fitsikerana no nataon'ny mpanoratra eto. Sady manoritsoritra ny fihetsika sy ny toetran'i Meja izy amin'izany, no maneho ny fivoaran'ny toe-javatra ao amin'ny tantara. Tovovavy matotra sy manam-pitiavana i Meja, araka ny fijerin'i Tsiry azy, na teo aza ny fitondran-tenany. Nandray anjara betsaka tamin'ny fanampiana an'i Tsiry izy ao amin'ny tantara. Ary anisan'ny nivalamparan'ny mpanoratra ny fitantarana ny fiarahamonin'izy telo tao amin'ny tranon'i Mino. Nampifandimbiasiny tamin'izany ny fitantarana ny zava-nisy sy ny fitaterana ny resaka nifanaovan'ny mpandray

anjara. Fomba iray nampiasain'ny mpanoratra hanomezana aina ny tantara sy hanampiana ny mpamaky hahatsapa ny fihetseham-pon'ny mpandray anjara ihany koa no nataon'ny mpanoratra teto.

Ohatra 3:

“ Namonjy farany ny tobiny Ramily sy ny olam-pifindrany asa, maizimaizin-tava noho ity bokotra nihamatroka sahady ka nanaloka ny endriny. Teny anilany I Voahangy sy ny ditran-janany, ontsontsa fo noho ity matoan'ny ainy te hahaleotena sahady ka ninono faniratsirana. I Vony kely sy ny fahatsorany no teo afovoany, nisakambina ireto masoandro amam-bolany, nitanisa ny lalaony amin'ny fakan-drivotra ka efa mirana nikotaba ery teny an-dalana...Izay no sarin'izy telo mianaka tazako nidify natelin'ny rimorimom-piainana. Rimorimom-piainana zary ho tadio hanilika ahy any an-kafa...” (takila 15)

Fanoritsoritana ny fihetsika nataon-dRamily mianakavy teo am-piaingana hamonjy ny toby namindrana azy indray no ataon'ny mpanoratra eto. Toy ny manao kisarisary izy amin'izany. Ny endrika maloka nisoritra teny amin'ny tavan-dRamily, ny fahorian-tsaina nianjady tamin'i Voahangy, ary i Vony, zaza tsy manan-tsiny sy tsy mahalala ny zava-nisy marina teo amin'ny ankohonany. Ireo rehetra ireo no nofariparitan'ny mpanoratra toy ny hita maso, sy nisarihany ny mason-tsain'ny mpamaky hiombom-po amin'ny mpandray anjara ao amin'ny tantara.

Ireo rehetra ireo no singa mandrafitra ny tantara foronina. Fa ny fanamarihana voalazan-dRado momba ity boky Vakivakim-piainana, nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ity no ndeha hamehezana ny momba ny tantara foronina. Toy izao izany: *“Izay voamariko amin'ity Vakivakim-piainana ity koa dia izy manamarika ny endri-piarahamonina iainantsika ankehitriny. Na ny fahantrana mianjady, na ny fiantraikan'izany eo amin'ny vahoaka, na ny herin'ny vahiny sy ny hafetseny, dia samy hita taratra avokoa. Tsy misy fandrahitana na fanitarana fa ny “iaraha-mahita tian-kialana” tokoa”.*

(ANDRIAMANANTENA Georges, “Teny fanolorana”, Vakivakim-piainana, Mandrosoa Ivato, 18 Mey 1998)

Ny fiainan'i Tsiry, mpandray anjara fototra tao amin'ny tantara, dia naneho an-tsary ny fiainan'ny Malagasy tamin'izany vanim-potoana izany. Fahoriana hatrany no niainana. Nisy ihany ny fotoana nampitsiry ny fanantenana. Saingy tsy naharitra ela izany, dia niverina tamin'ny ngidin'ny fiainana indray.

Misy fomba hafa koa entin'ny mpanoratra maneho ny endri-piarahamonina tamin'ity vanim-potoana ity, teo amin'ny sehatry ny literatiora. Tsy inona izany fa ny fanoratana “piesy teatraly”, izay hirosoana sy hovelabelarina manaraka.

3-1-4-Ny teatra

« *Ny teatra dia fitambarana zavatra telo loha, dia ny tantara lalaovina, ny sehatra ilalaovana ary ny mpijery na ny mpanatrika. Raha tsy misy ny iray amin'ireo dia tsy misy ny teatra* ». hoy RAZOHARINORO.(« Ny niandohan'ny teatra teto Madagasikara », Tantara. Lah 11, 1987, p87)

Manamafy izany ny voalaza ao amin'ny Rakibolana Malagasy, nosoratan-dRégis Rajemisa RAOLISON, hoe : « *Ny teatra dia fampisehoana an-tsehatra tantara mampangitakitaka na mampihomehy izay velomin'ny olona hita mihetsika sy miresaka toy ny amin'ny fiainana andavanandro izao* ».

3-1-4-1-Ny mampiavaka azy amin'ny asa soratra hafa:

Samy asa soratra mitantara ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina daholo na ny tantara foronina, na ny sombin-tantara, na ny tantara fandefa amin'ny radio, na ny teatra. Saingy asa soratra omena aina ny teatra. Izany hoe : fanovana ny tantara voasoratra ho lasa tantara tsangana. Zava-kanto ihany koa izy, satria manintona ny mpijery ny fanehoana azy eny an-tsehatra. Amboarina daholo na ny teny, na ny feo, na ny fihetsika rehetra ataon'ny mpilalao mba hiavaka amin'ny andavanandro sy mba hahatafita tsara ny hafatra any amin'ny mpijery. « *Fakan-tahaka ny fiainana andavanandro ny teatra* », araka ny fomba fijerin'i Aristote. Noho izany, azo sokajiana ho isan'ny fampisehoana ny teatra, satria ahitana zavatra aseho sy mpijery. Manana ny lanjany eo amin'ny fiarahamoninana malagasy koa izy.

3-1-4-2- Ny anjara asany

Fitaovana entina mampita hafatra ny teatra, satria ny zava-misy ao amin'ny fiarahamonina no asehony, fa amin'ny endrika kanto. Atrehi-maso mivantana ny tantara, ka

izany no tsy maintsy itandreman'ny mpilalao ny fihetsika ataony eny an-tsehatra, mba tsy hananfitohina ny mpijery. Tsy izany ihany, fa misarika ny mpijery hiditra amin'ny tontolon'ny tantara ny mpanoratra, hiaina ny tantara hiaraka amin'ny mpisehatra.

Koa eny amin'ny faran'ny teatra, dia ny mpijery ihany no avelan'ny mpanoratra hieritreritra sy hanatsoaka lesona ho azy. Izany no maha-literatiora azy : « *Mamoha ny fientanana tsy mbola mipoitra tanteraka ao amin'ny olona (...), manetsika ny saina hanakatra ny fivelaran'izao tontolo izao* ». (Randja Zanamihoatra, « Teny mialoha », Vainafo tononkira, Ambozontany, Fianarantsoa).

3-1-4-3-Endriky ny piesy teatraly

Raha atao bango tokana dia ireto no mampiavaka ny teatra amin'ny karazan-dahatsoratra hafa :

- misy mpilalao, sehatra, ary mpijery
- ifamaliana hatrany ny resaka ataon'ny mpilalao eny an-tsehatra
- natao holalaovina an-tsehatra ny tantara
- sahaza ho an'ny olona rehetra, na mahay mamaky teny na tsia.
- atrehi-maso sy ren'ny sofina ny fizotry ny tantara rehetra.
- misy fizarana tokana na maromaro izay ahitana seho maromaro koa

Karazan-dahatsoratra na tantara lalaovina amin'ny toerana iray ny teatra. Ohatra azo itarafana ireo singa mandrafitra ny teatra ity tantara nosoratan'i Mbato RAVALOSON mitondra ny lohateny hoe : « Kibo tsy omby » ity, ka hanasongadinana:

- ny endrika ivelany nandrafetana ny tantara,
- ny vontointany.

Ny endrika ivelan'ny piesy

Araka ny efa voalaza, dia ny mpandray anjara , ny fizarana sy ny seho no mandrafitra ny fampisehoana teatra. Koa horeshahina mifanesy izany.

Ny mpandray anjara

Ankoatra ny tsy fahitana hira firy nandravaka ny teatra amin'izao vanim-potoana ankehitriny izao, dia nahitana fihenana ihany koa ny isan'ny mpandray anjara : tsy mihoatra ny valo. Izany hoe, tsy misy intsony ny piesy ahitana mpilalao betsaka.

Tato amin'ny piesy teatraly « kibo tsy omby » ohatra, dia efatra fotsiny ny mpandray anjara :

- Rabenja : rain'i Mbola
- Ravao : renin'i Mbola
- Mbola : zanaka vavitokan-dRabenja sy Ravao
- Tody : olon-tian'i Mbola (sady anadahiny)

Olona noforonin'ny mpanoratra daholo ireo mpandray anjara ireo, fa tsy tena misy. Ary mitafy ny toetra izay tian'ny mpanoratra hatafy azy, fa tsy ny toetrany andavanandro. Toetra mety hisy na fahita amin'ny olombelona rehetra sy azo tarafina eo amin'ny fiainam-piarahamonina anefa io toetra vaovao nomena ny mpisehatra mandritra ny fisehoana antsehatra ataony io. Koa miankina amin'ny fahaizan'ny mpilalao tsirairay miaina ny anjarany no hahavelona tsara ny tantara. Miankina amin'ny mpilalao ihany koa no hahatakarany mpijery ny hafatra tiana hampitaina sy hahaliana azy. Izany hoe:tsy milalao ny anjara tazoniny no tadiavina amin'ny mpilalao fa ny miaina ny anjarany, ary rehefa miaina ny anjarany izy dia miezaka ihany koa hanakatra ny fihetseham-pon'ny namana miara-milalao aminy, mba hahafahana miaina ny tantara iray manontolo.

Ndeha haka toetra natafy ny mpandray anjara sasantsasany ao amin'ny « kibo tsy omby » isika, mba hanohanana ireo voalaza ireo :

Ohatra 1 :

Toetra natafy an-dRabenja :

Raim-pianakaviana hentitra amin'ny fitondrana ny tokantranony sy sarotim-boninahitra, ary somary tia tena Rabenja.

Indreto misy porofo vitsivitsy:

Porofon 1:- Ny toetra hentitra nananany no hita amin'ity valin-teny nomeny ny zanany ity :

Rabenja : « Mangina ianao fa tsy mila mamaly eo intsony fa sao iharan'ny hatezerako eo. Tsy miova ny fanapahan-kevitrany na inona na inona lazainareo. Tsy azo tanterahina ny raharahanareo sy i Tody satria zanak'olo-mirahavavy ianareo, sady mbola zaza loatra koa ianao. Eo ianareo mianaka midinika ny amin'ny andro andehananareo any amin-dRamaria » (Fiz III, seho 3)

Porofon 2: Ny fitiavam-boninahitra nananany :

Rabenja : «Sao dia mivadika lakoraika'ty ianao. Ahoana ny ho fitsarany ahy avy eo? Ary ny laza amam-boninahitra? Tsia Ravao a! Mitadiava ianao, ary aoka tsy hisy hahafantatra izao raharaha izao mihitsy afa-tsy isika efa-mianaka». (Fiz II, seho2)

Ohatra 2 :

Toetra natafy an'i Mbola:

-Tovovavy matahotra sy manaja ny Ray aman-dReniny

-Mitana ny heviny hatramin'ny farany kosa izy raha tsy maharesy lahatra azy ny torohevitra omen'izy ireo azy.

Ireto ihany koa ny porofo vitsivitsy amin'ny fihazonan'i Mbola ny heviny hatramin'ny farany :

Porofon 1: Ao amin'ny fizarana 1 : Valin-tenin'i Mbola tamin'i Tody.

Mbola: «Tsia! Laviko izany! Fantatro avy hatrany ny tianao holazaina. Tadiavinao hoesorina ny zaza!»

Porofa 2: Ao amin'ny fizarana 2 : Valin-teniny tamin'ny Dadany

Mbola: «Dada a! Azafady kely aloha ianao. Fantatro ry Dada sy Neny fa fahadisoana be vava izao. Tsapako mihitsy fa manetry ny voninahitrareo aho nefa...mifona aminareo aho re! Aoka tsy halana ny zanako !»

Porofa 3: Valin-teny nomeny an'i Tody , izay niezaka nandresy lahatra azy.

«Mbola: Mandehana raha tianao. Mampahalala aho fa tsy hampiova ny hevitra na dia kely aza izay ho lazain'ny dokoteranao anao.»

Porofa 4: Ao amin'ny fizarana 3: Ny resaka nifanaovan-dRabenja mivady :

“(…)Ravao: Notazoniny!

Rabenja: Notazoniny ahoana fa tsy azoko e! Ary notazonin'iza?

Ravao: Ny zanakao re fa iza indray ! Tsy nesoriny akory ny zaza!”

Porofa 5: Ao amin'ny seho 13: Nandositra i Mbola mba tsy hahazoana manery azy hanala ny zanany. Teny nataon'i Tody tamin'izy mivady no manamarina izany.

«Tody: (...)Ny hahavelona azy sy ny zanany ary izao no anton'izao zavatra nataony izao (...) Tiany ny zanany matoa tsy nalany. Mivonona hisedra ny mafy rehetra izy na inon-kihatra na inon-kidona aminy sy ny menaky ny ainy. (...)».

Tokony ho hain'ny mpisehatra tsara ny mampifanaraka ireo toetra natafy azy ireo amin'izay fihetsika rehetra ataony mandritra ny fampisehoana. Voakasik'izany daholo na ny fihetsika ara-batana na ny fihetseham-pon'ny mpilalao. Tokony ho hainy tsara ny manintona ny mpijery hifantoka amin'ny hetsika ataony sy hiombom-po aminy mandritra ny fampisehoana. Voasokajy mazava tsara ny fizarana ao amin'ny vontootin'ny piesy teatraly.

Ny fizarana “Actes”

Toy izao no hita ao amin’ny fizarana iray : toe-javatra iray, izay aseho eo amin’ny toerana iray, amin’ny fotoana voafaritra tsara ; ary misy hevitra avohitran’ny tantara amin’izany, hahatonga azy hitohy tsy miato. Soratana miavaka tsara io fizarana io. Ary mety hiova manaraka ny fizarana koa ny ravaka eny an-tsehatra. Marihina ao anaty takila nanoratana ny piesy teatraly ny fiovan’ny ravaka. Nefa miankina amin’ny mpanoratra ny fanovaovana izany.

Raha ny amin’ity piesy mitondra ny lohateny hoe: «kibo tsy omby» ity, dia ao antokantranon-dRabenja mianakavy no miseho ny tantara mandritra ny fizarana telo mifanesy. Tsy nisy fiovana koa ny ravaka teny an-tsehatra.

Toerana iray ihany no isehoan’ny tantara. Manao ahoana kosa ny fizotry ny seho tsirairay ?

Ny seho “ Scene”:

Ny fizarana tsirairay ao amin’ny fampisehoana teatra no lazaina hoe: «seho» na fisehoana na fidirana na «scène». Mety ho maromaro izy io ao anatin’ny fizarana iray.

Ny fiovana eo amin’ny mpandray anjara eny ambony sehatra no manamarika ny fiovan’ny seho iray. Izany hoe, ny mpandray anjara sasany miditra, ary ny hafa mivoaka. Ohatra :

Ny isan’ny seho ao amin’ny fizarana voalohany ato amin’ity piesy ity izao dia enina, izay toy izao.

- Seho 1 : i Mbola no eo an-tsehatra
- Seho 2 : Miditra i Tody, eo ihany i Mbola
- Seho 3 : Miditra Ravao, mivoaka i Mbola
- Seho 4 : Mivoaka Ravao rehefa avy niresaka elaela teo izy sy i Tody
- Seho 5 : i Tody irery no eo an-tsehatra
- Seho 6 : Miditra indray Ravao sy i Mbola.

Tsara marihina fa tsy tapaka mihitsy ny resaka nifanaovan’ireo mpandray anjara ireo teo an-tsehatra, nandritra ny fidirana sy ny fivoahan’izy ireo. Izany dia isaky ny fiovan’ny seho ao amin’ny fizarana iray.

«Toko telo maha-masa-nahandro» sy mamelona ny piesy teatraly ny fisian’ny mpandray anjara, sy ny fahaizan’ny mpanoratra manavaka tsara ny fizarazaran’ny tantara, ary manokotoko ireo seho samihafa mifandimby. Ny fahaizan’ny mpanoratra mandamina sy

mampifandanja ireo rehetra ireo no mahakanto ny teatra. Nefa tsy hadino ny vontootin'ny tantara izay hozatry ny piesy teatraly sy ny fampisehoana azy an-tsehatra.

Ny vontootin'ny piesy:

Ny piesy teatraly dia fitambaran'ny olana sy ny vahaolana. Ny olana izay mateti-pitranga eo amin'ny fiainam-piarahamonina amin'ny ankapobeny no amboarin'ny mpanoratra hahaliana ny mpijery amin'ny tantara. Tsy vitan'ny hoe ho liana fotsiny fa mba hiara-hiaina ny tantara amin'ny mpisehatra, ka hiara-hitady ny vahaolana aminy. Arindra ny ao anatin'ireo seho mifanesy ao anaty fizarana izany. Ny olana fototra aloha no avohitrany, rehefa fantatra daholo ireo mpandray anjara sy ny toerana ary ny fotoana nisehoan'ny tantara. Mandroso ny vahaolana izy avy eo. Mbola tsy tena vahaolana anefa izany, fa “vahaolana masay”. Miteraka olana vaovao indray io vahaolana io. «Olana masay» no anarany. Any amin'ny faran'ny piesy vao hita ny vahaolana fototra. Nefa misy ihany mpanoratra sasany mampijanona ny piesy amin'ny olana fototra fa tsy manome ny vahaolana fototra. Avelany samy hieritreritra izay heveriny ho vahaolana ny mpijery. Ny tian'ny mpanoratra haseho amin'izany, dia ny fanehoana amin'ny mpijery fa mbola anisan'ny olana saro- bahana sy mbola tsy ahitana vahaolana mihitsy ilay olana ao amin'ny tantara, nefa hita matetika eo anivon'ny fiarahamonina.

Hotarafina amin'ity piesy teatraly mitondra ny lohateny hoe: “kibo tsy omby” ity ny fahaizan'ny mpanoratra mandrindra ireo vontootin- kevitra tiany hampitaina amin'ny mpijery.

Fizarana voalohany:

Olona tokana ihany no hita amin'ny seho voalohany. Tsy iza izany fa i Mbola. Izy no iaingan'ny tantara rehetra. Ary mihodinkodina aminy daholo ny fizotran'ny tantara rehetra. Izany hoe i Mbola no mpandray anjara fototra. Manana olana izy. Tsy mbola mazava tsara izany amin'ny seho voalohany. Manomboka amin'ny seho faharoa vao fantatra io olana fototra io: mitoe-jaza i Mbola, ary i Tody zana-drahavavin-dreniny ihany no rain-janany.

“Tody: Fa inona ary no mahazo anao e! lazao fa aza ilaozana mitomany eo fotsiny.

Mbola: Tody a! tsy fantatro fa angamba aho bevoka.

(...) Misy fahatarana roa volana androany ny fadimbolako.”

Nanomboka teo ny fiezahana nitady vahaolana. Io ilay “vahaolana masay”, voalaza tany aloha.

Nandroso vahaolana i Tody: “*Tsy misy afa-tsy ny fanalana an’io zaza io no hany vahaolana ry Mbola a!*”

Vahaolana nomen’i Tody nialoha ny hahafantaran’ireo ray aman-drenin’i Mbola ny toe-javatra nisy teo amin’izy roa izany.

Nandritra ny seho faharoa ihany dia efa nisy sahady ny olana vaovao. Tsy neken’i Mbola io torohevitra io. Nanomboka nahatsikaritra zavatra hafahafa ny reniny.

“*Ravao: Fa maninona ianareo dahy no lasam-borona hoatra ity! Fa misy inona e! Toa hoatran’ny olona resy izato fijery anareo (...)*”

Tsy mitsahatra nanadinkadina azy roa Ravao renin’i Mbola ao amin’ny seho faha 4. Hany ka, nilaza ny zava-misy marina i Tody, fa tsy sahy niteny mihitsy i Mbola.

“*Tody: Manana anaka izy ry Nenitoa! (...)*”

Nandratra ny fon-dreniny tokoa ny fandrenesana izany, indrindra ny nahenony fa i Tody anadahiny ihany no rain’ny zaza tao an-kibon’i Mbola. Nijanona tamin’io olana vaovao io ny fizarana voalohany.

Fizarana faharoa:

Nampalahelo an-drain’i Mbola ny fahafantarana ny zavatra nanjo ity vavitokany ity, ka nahatonga azy hilaza hoe: “*(...) Ny mitera-jaza maditra, (...) maty ela fa tsy mitsitra*”, rehefa avy nandre hira tamin’ny radio izy, ao amin’ny seho voalohany.

Tsy nijanona tamin’izao anefa izy sy Ravao vadiny, fa niady hevitra, nitady izay fomba hamahana ny olana.

Vahaolana mitovy amin’ny hitan’i Tody ihany koa no nampiasain’izy mivady. Saingy tsy tambitamby toy ny nataon’i Tody no fomba hitan’izy ireo handresena lahatra an’i Mbola, fa ny fanerena azy. Noraisin’ny rainy an-tanana ny raharaha, nanomboka ao amin’ny seho faha 2.

“*Rabenja: Angaha misy zavatra hafa azo atao afa- tsy ny manery an’i Mbola hanala io zaza ao an-kibony io (...)*”

Betsaka ny antony nahatonga azy mivady hanery an’i Mbola hanala ilay zaza tao an-kibony: Teo ny fady noho ny fomban-drazana, ny fahafaham-baraka amin’ny tany amamonina, teo ny fahafantarana ny lalàna.

“Rabenja: tsy afaka ny handa mihitsy izy e! voalohany aloha, zavatra tsy fanao no nataony. Faharoa, tsy afaka hampikambana azy mihitsy isika na toa inona na toa inona kirindohan’ireo ankizy ireo. Kibo tsy omby anie izao hoy ny Ntaolo e! Ary fahatelo, zaza tsy ampy taona koa i Mbola ka meloka eo anatrehan’ny lalàna i Tody raha mikiry ny hanambady azy ihany.”

Na izany aza dia tsy nanaiky ny hitondrana an’i Mbola any amin’ireo dokotera namany Rabenja, ho fiarovany ny haja amam-boninahitra nananany. Notereny hankany amin-dRamaria renin-jaza izy mianaka. Ary tsy azo nahodina intsony ny lohany na niezaka nandresy lahatra azy mivady aza izy roa. Nijanona ho ny fanalana ny zaza any amin-dRamaria ihany no vahaolana naroso. Na niezaka nanampy an’i Mbola ihany aza i Tody, dia izy indray no resy lahatry ny fahaizan-dRabenja mandaha-teny. (seho 5).

“Rabenja: oh lalah! Hadinon’andriamatoa mpianatra eny amin’ny ambaratonga ambony angaha ny lalàna! Tsy mahazo manambady ny zaza tsy ampy taona raha tsy mahazo ny faneken’ny ray aman-dreny niteraka azy a! Ampidiro ao an-dohan’ialahy izany. (...)

Ataovy kely izany! Ho hitan’ialahy! Sao adinon’ialahy fa azoko torina amin’ny fitsarana ialahy fa manodikodina zaza tsy ampy taona e! (...) tsy mbola hitan’ialahy foana hatramin’izao Rabenja sy ny heriny? Tsy maintsy hitako ny misy anareo na ho aiza na ho aiza.”

Nanao izay ho afany tokoa i Tody tamin’ny fampanekena an’i Mbola. Azo lazaina hoe notampenam-bava ihany i Mbola, fa tsy nanaiky io fanapahan-kevitra io. Tsy navelan’i Tody niteny intsony mantsy izy. I Tody irery no niatrika azy mivady nampita ny faneken’i Mbola ny hevitr’izy ireo.

“Mbola: tsy ianao tokoa no hitanty ny vokatr’izany fanalan-jaza izany ka mahay mandahatra ery. Tsy heritreretinao kely izay loza mety hahazo ahy! “risqué” anie izany fanalan-jaza izany ry Tody!

Tody: Fantatro tsara izany ry Mbola. Injany ry zareo fa miverina. Aza miloa-bava ianao na dia kely, fa aleo izaho no hiresaka.

Mbola: an, an, an, eo ianareo fa aleoko mitsoaka. (seho 6)

(...)

Rabenja: Ka lazao ary izato fanapahan-kevitra fa mihaino izahay mivady (...)

Tody: Manaiky izy!

(...)”

Faly izy mivady fa voavaha ny olana, na teo aza ny fangatahana andro nataon'i Mbola, mialoha ny hitondrana azy any amin-dRamaria. "Vahaolana masay" ihany koa ity. Satria mbola mitohy ny tantara.

Fizarana fahatelo:

Tsy nifanerasera tamin'olona rehetra tao an-trano i Mbola taorian'ny nitondrana azy tany amin-dRamaria. Nifody an-trano lava izy. Nanomboka nahatsikaritra fihetsika hafahafa teny amin'i Mbola anefa ny reniny ka mahimahina.

"Ravao: Nifanena tao an-dalatsara izahay mianaka indray andro. Nanontanianko azy ny anton'izao fihetsiny izao, nefa dia tari-dositra no nasetriny izany nankao an'efitranony." (seho2)

Tsy nampandry eritreritra an-dRavao io fihetsik'i Mbola io, ka nahatonga azy hanadihady ny tao an-trano. Nanahy mafy mantsy izy sao tsy afaka ny zaza tao an-kibon'i Mbola, satria sahala amin'izany ny zavatra hitany.

"Ravao: Aninkeo maraina, nifanena tao an-dalatsara izahay mianaka. Avy tao amin'ny trano fisasana izy, nefa nahita ahy fa tsy sahy indray. Ny hany nataony dia nanafina ny kibony tamin'ny tanany, satria akanjo mandry manify no nanaovany. Tazako fa misy kibo izy." (seho 2)

Nipoitra indray ny olana vaovao hafa. Tsy afaka ny zaza tao an-kibon'i Mbola. Niteraka ady sy fifanomezan-tsiny teo amin'izy mivady izany. Nahazo tsiny hatramin-dRamaria izay tsy nanala ny zaza noho ny fitalahoan'i Mbola.

Niara-nikaroka vahaolana indray izy telo mianaka (Rabenja mivady sy i Tody). Tapaka indray fa hoentina any amin'ny dokotera naman'i Tody i Mbola, fa tsy nanaiky ny hitondra azy any amin'ireo dokotera namany Rabenja, noho ny henatra sy ny fiarovam-boninahitra.

"Ravao: Nahita hevitra hafa ankoatra izay ve isika? Tsy ianao ihany no nanda ny hitondrana azy any amin'ny dokotera tamin'ny voalohany? Izaho anefa ianao hanaiky ihany. Mitovy ihany izao ianareo sy Ramaria. Ianao matim-boninahitra, izy matim-bola.

Rabenja: Aoka re izay e! Hoentina any amin'izany dokoteran'i Tody izany izy" (seho 8).

Rabenja hatrany moa no tompon'ny fanapahan-kevitra sy tompon'ny teny farany tao an-trano. Noterena hivoaka tao an'efitranony indray àry i Mbola mba hitondrana azy any amin'ny dokotera. Nanomboka nangoraka an-janany Ravao ka nangataka ny hampijanonana ny fanerena an'i Mbola, fa hamela azy hanao izay tiany. Nefa tsy nanaiky ny rainy.

“Ravao: Rabenja! Aoka re hijanona amin'izao amin'izay e! Aleo izy hanao izay fantany fa mety. Ndeha hampiana àry izy. Tsy manana afa-tsy iny vavy tokana iny anie isika e!

Rabenja: Sao dia mivadika ati-doha ianao Ravao. Hamaivaninao ity raharaha ity.”
(seho 12).

Trano foana sy taratasy kely no hitan'izy telo mianaka rehefa voapitsoka ny varavarana. Tsy tao intsony i Mbola. Tsy fantatra izay nalehany. Taratasy no sisa napetrany fa tsy ho hita intsony izy.

- *“Tody: Misy taratasy kely napetrany ho antsika ity.*

- *Rabenja: Omeo aty hoe!*

- *Ravao: Aiza izy?*

- *Rabenja (mamaky ny taratasy): Lasa izy!*

- *Ravao: Lasa aiza?*

- *Rabenja: Tsy ho hitantsika intsony izy.”* (seho 13)

“Nandrora nitsilany” no azo ilazana azy mivady. Ny vahaolana noheveriny handamina ny toe-javatra, no niteraka olana hafa indray.

Nisosoka indray ny olana vaovao. Lasa ilay sombin'ny aina. Tsy hita izay nalehany. Fifanomezan-tsiny no nataon'izy telo mianaka tao an-trano. Rabenja nanome tsiny am-badiny noho ny tsy fandraisana andraikitra. Ravao kosa etsy an-daniny, niezaka nanamarin-tena, ka nanilika ny hadisoana tany amin'i Tody. I Tody indray nanome tsiny azy mivady noho ny fitiavan-tenany be loatra. Ka lasa nitady an'i Mbola izy. Nanome tso-drano ihany Ravao renin'i Mbola tamin'ny farany.

“Ravao: Enga anie mba hahita an'i Mbola izy. Ary dia hiverina eto indray izy roa... miaraka amin'ny zafikelintsika.” (seho 14)

Nifarana tamin'ny olana vaovao ny tantara. Tsy voavaha mihitsy ny olana fototra. Nisy ihany ny vahaolana notadiavina, nefa niteraka olana hafa hatrany izany. Niafara tamin'ny fikorontanan'ny tokantranon-dRabenja sy ny fivakisana teo amin'ny ankohonany ny fiezahana nitady vahaolana tsy ankijanona.

Raha atao bango tokana, dia tsy hita mihitsy ny vahaolana fototra tamin'ity piesy teatraly ity. Navelan'ny mpanoratra ho an'ny mpijery ny fieritreretana izay tokony ho vahaolana. Karazana olana iray mbola tsy ahitana vahaolana, nefa mateti-pitranga eo anivon'ny fiarahamonina malagasy ity nasehon'ny mpanoratra ity.

Ny fianakavian-dRabenja dia azo itarafana ny firenena Malagasy talohan'ny taona 1991, ka nahatonga ny vahoaka nanohitra ny fitondrana. Niaina tao anatin'ny fanamparam-pahefana nataon-dRabenja ny ankohonany. Tsy nifanalavitra tamin'izany koa ny rivotra niainan'ny vahoaka nandritra ny Repoblika Faharoa, ka nahatonga ny olona nitroatra. Tampenam-bava ny olona raha te haneho hevitra. Izay tian'ny mpitondra ihany no narahina. Nizaka ny tsy eran'ny aina ny vahoaka madinika. Izany rehetra izany no azo takarina ato amin'ity piesy teatraly mitondra ny lohateny hoe: “Kibo tsy omby” ity.

Voafakafaka nifanesy teo daholo ireo karazan-dahatsoratra nisy tamin'ny taona 1991-1995, izay nahitana ny tononkalo, ny sombin- tantara, ny tantara foronina ary ny teatra. Hojerena farany ireo fomba fanoratra nahazo vahana tamin'izany

3-2-Fomba filazan-javatra nampiasain'ny mpanoratra

“(..) ny atao hoe literatiora amin'ny heviny ety dia zava-kanto vita amin'ny teny, ary ny style, ny fomba filazan-javatra no anisan'ny fitaovana enti-mamorona izany, zava-kanto vita amin'ny teny izany”, araka ny famaritan'i Siméon RAJAONA(1).

Ireo karazan-dahatsoratra nivoaka tamin'ity vanim-potoana ity no horeshaina ato amin'ity fizarana farany ity. Voakasika amin'izany ireo voambolana fampiasan'ny mpanoratra matetika tamin'izany. Teo ihany koa ny fomba fanoratra nentin'ny mpanoratra nanehoana ny heviny tao anatin'izy ireny.

3-2-1-Fampiasana voambolana avy amin'ny tontolo samihafa

Azo sokajiana telo ireo loharano nanovozan'ny mpanoratra ny voambolana nampiasainy tao amin'ireny asa soratra ireny :

- ireo voambolana avy amin'ny tontolo kristiana;
- ireo voambolana avy amin'ny tontolo malagasy teo aloha;
- ireo voambolana avy amin'ny tontolo malagasy ankehitriny (1991-1995).

3-2-1-1-Voambolana avy amin'ny tontolo kristiana

Hoy RANARISON Beby SOLOHERY: “...*Tsy misy vanim-potoana tsy nahitana ny fampiasana ny singan-javatra ny Baiboly tao amin'ny tantaran'ny literatiora, 150 taona izao*”. Anisan'izany ity vanim-potoana ity, izay nampahazo vahana ny finoana kristiana. Manaporoko izany ny fidiran'ireo raia mandreny ara-panahy an-tsehatra tamin'ny fandaminana ny raharaham-pirenena nandritra ny fihetseham-bahoaka, ny taona 1991. Ary nilaina tokoa izy ireo, satria niaraha-nahita fa nankato azy avokoa, na ny teo amin'ny fitondrana na ny mpanohitra. Vahoaka matahotra an'Andriamanitra, mantsy ny Malagasy. Ary nitatra tany amin'ireo asa soratra nivoaka tamin'ity vanim-potoana ity ihany koa ny fanomezan'ny Malagasy lanja ny finoany an'Andriamanitra sy ny fanankinany ny fiainany Aminy. Nampiasa ireo anaran-toerana voaresaka ao amin'ny Baiboly ny mpanoratra hanehoany ny fiainan'ny vahoaka tamin'izany. Nampiasa voambolana fampiasan'ny kristiana matetika rehefa mivavaka ihany koa izy.

Ireo anaran-toerana voalaza ao amin'ny baiboly

Mifono fahatsiarovana ho an'ny kristiana matetika ny anaran-toerana voaresaka ao amin'ny Soratra Masina, satria mifamatotra amin'ny nanoritan'Andriamanitra ny fiainany. Nindramin'ny mpanoratra izy ireny mba hoentiny hampitana hafatra tamin'ny mpamaky. Indreto misy ohatra vitsivitsy maneho izany :

Ohatra 1 :

Ny tononkalo nosoratan'i Céléstin ANDRIAMANANTENA, mitondra ny lohateny hoe :
“Avela” :

And.1 :

*“ Avela ho anao ny folo sy Enin-taona
Toa andro lava be kanefa babangoana,
Nohaingoina lainga sy “paradisa” diso
Ka nahabotraboatra ny zatra risoriso.” (...)*

Entina ilazana ny Fanjakan'ny Lanitra ny “paradisa”, raha ny ao amin'ny Baiboly no asian-teny. Any no misy ny fiainana feno fiadanana sy fitsaharana mandrakizay, izay mifanohitra amin'ny zava-misy eto amin'izao tontolo izao. Manantena izany ny kristiana rehetra ary mino ny fisiany.

Noraisin'ny mpitondra tamin'ny Repoblika Faharoa ho anisan'ny filamatra nanorenany ny pôlitikany io anaran-toerana io. “Paradisa Sôsialista” no niantsoany azy. Betsaka ny fampanantenana nomena ny vahoaka. Anisan'izany ny fanatsarana ny fari-piainany mba hampisy ny filaminana. Tsy tanteraka anefa izany . Kobaka am-bava daholo izy ireny ho an'ny vahoaka. Sary nentin'ny mpanoratra naneho ny fahadisoam-panantenan'ny vahoaka ny fampiasana ny voambolana hoe: “paradisa diso”. Tsy paradisa natao ho an'ny Malagasy mantsy no nisy tamin'izany, fa natao ho an'ny olom-bitsy, sy ho an'izay akaiky ny fitondrana. Paradisa diso lalana.

Ohatra 2:

Ny tononkalon'ny Gazela MEVA mitondra hoe : “Mbola ho aiza?

And.3:

“Mbola fahafirin'ny tao Ikarandoha

No ndeha hampitomany?

Izay jaly kely iny no hampihivingivin-doha

hoe : “mafy sy mavàny”!

“Ikarandoha”;toerana namantsihana an'i Jesoa.Teo no niaretany ny mafy sy nanaovany sorona ny ainy mba hanavotana ny olombelona. Nindramin'ny mpanoratra io toerana io nentina nampahafantatra ny olona fa tsy izy irery akory no iharan'ny fahoriana mangidy toy izao iainany izao. Efa nisy ny olona niaritra ny mafy noho izy ireo. Ary tsy ampahafirin'ny nanjo an'i Jesoa izao nihatra taminy izao. Noho izany tsy tokony ho kivy na hiraviravy tanana manoloana ny tolona atrehiny izy. Fa ho sahy kosa hiroso hanatratra ny tanjona izay kendreny, dia ny hanalana an'i Madagasikara tsy ho ao anatin'ny lavaky ny fahantrana.

Ohatra 3:

Tononkalo nosoratan-dRABENJA Salomon ,mitondra ny lohateny hoe : “Torotoro”

And.2:

“Ireo nahay niteny :

ravon-tsiiky ,niondam-bola !

Ny vahoaka vory teny:

tsy mihinana, ary mbola

Asaina mihafy sy miharitra

fa tsy lavitra “Kanana”...

Dia ho tahaka ny any an-danitra

ny eto an-tany “fahotana”.

Toerana nampanantenana ny vahoaka Israeliana, ao amin'ny Baiboly ny hoe: “Kanana”. Toerana tondra-dronono sy tantely. Misy izay ilaina. Lavitra ny fahoriana.

Mbola lavitra izany ny fiainan'ny vahoaka malgasy tamin'ity vanim-potoana ity. Nefa nampanantenain'ireo mpanao pôlitika an'io “Kanana” io izy. Toa mora tamin'izy ireo mantsy ny milaza izany, satria efa nanana ny ampy izy. Ka ireto vahoaka efa reraky ny hanoanana sy adin-tsaina no mbola omena toky fitaka, mba hahazoana seza. Ny marina anefa dia mbola lavitra an'I Madagasikara ny fiainam-piadanana toy ny nisy tao “Kanana” fahizany.

Ny voambolana fampiasa matetika amin'ny fotoam-pivavahana

Vahoaka mino an'Andriamanitra ny vahoaka malagasy. Tsy vitan'ny mino fotsiny izy fa manankina ny fiainany Aminy koa. Misy voambolana fampiasany matetika rehefa mivavaka izy. Ary voamarika ao amin'ireto asa soratra vitsivitsy ireto izany.

Ohatra1 :

Tononkalo nosoratan'i Lilah, mitondra ny lohateny hoe : «Vavaka ho an'ny tanindrazana»

And. 1 :

*«Ry Andriamanitra Tsitoha,
Ray hatramin'ny taloha
Mivavaka Aminao 'zahay
Ho an'ny Nosin'drazanay! (...)*»

“Andriamanitra Tsitoha...”. Ny fanononana io andalana iray io dia anisan'ny manambara ny fiaikena ny fisian'ny hery sy fahefana ananan'Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany. Fanehoana fanajana sy fanomezam-boninahitra Azy ny fanombohana ny vavaka atao amin'ny filazana io andalana fohy nefa mafonja io. Ampiasain'ny kristiana rehetra hanombohany ny vavaka ataony rahateo izy io.

Noho ny fahoriana tafahoatra nanjo ny Malagasy, dia nitodika tany amin'Andriamanitra izy. Nangataka ny hery avy any ambony mba hanampy azy sy hanala azy ao anatin'ny haizin-kitroky ny fahantrana sy ny adim-piainana.

Ohatra 2 :

Tonom-bavaka nataon'i Mino, nalaina tao amin'ny boky Vakivakim-piainana, takila 58:
“Misaotra anao izahay ry Andriamanitra. Fa na toy inona hadalanay, tianao foana ; na toy inona hamavomavoanay, zanakao ihany. Mbola tsy very anjara avy aminao izahay na dia voailiky ny olombelona efa nitsara anay mialoha ho ratsy sahady aza! Misaotra Tompo ô !”

Ankoatra ny efa voalaza tao amin'ny ohatra voalohany, dia anisan'ireo andianteny entin'ny mpino kristiana manomboka ny vavaka ataony ny hoe : “Misaotra anao izahay ry Andriamanitra...”.Mahatsapa ny fahasoavana sy fitahiana avy amin'Andriamanitra ny kristiana, ka misaotra aloha vao manambara ny vetsojetsom-pony.

Hita tao amin'ity tonom-bavaka nasandratr'i Mino ity koa izany.Nisaotra an'Andriamanitra izy noho ny fahatsapany ny fitiavany azy, na dia teo aza ny fitsaran'ny fiarahamonina sy ny fanilikilihany azy. Nahatsiaro ho nahazo anjara tamin'ny fitahian'Andriamanitra ihany izy na dia nokilasian'ny manodidina ho anisan'ny mpanota aza. Izany no nahavelom-pisaorana azy.

Ohatra 3 :

Ny tononkalon- dRAKITRINIELA, mitondra ny lohateny hoe “Fiderana anao”

And.4 :

“Zany rehetra rehetra izany
Fiderana avokoa
Entiko hanambara hatrany
Ilay Andriamanitra Tsitoha
(...)”

Ny fahatsiarovana ny zava-tsoa rehetra nomen'Andriamanitra sy nataony no mahatonga ny kristiana hanao fiderana sy fisaorana. Koa azo lazaina ho endrika fanehoana hafaliana izany ny fiderana an'Andriamanitra .

Taomin'ny mpanoratra hidera an'Andriamanitra ihany koa ny Malagasy.Satria maro ny fitahiana azony taminy. Sady manala ny fanaintainana mahazo koa ny fifaliana sy ny fiderana an'Andriamanitra mandrakariva. Anisan'izany ny hakiviana noho ny adim-piainana, izay tsy azo nialana mihitsy.

Nentina nampahery ireo vahoaka, izay hita fa tena reraka sy diso fanantenana manoloana ny ngidin'ny fiainana nolalovany, ireo voambolana fampiasa ao amin'ny Baiboly ireo. Sady mamelombelona fanahy mantsy izy ireny, no manome hery vaovao hatrany, no manome endrika kanto ny asa soratra ihany koa.

Tsy izay ihany anefa ny karazana voambolana fampiasan'ny mpanoratra matetika tamin'izany. Teo dia teo koa ny mbola fihazonany ireo voambolana malagasy tranainy.

3-2-1-2- Ny avy amin'ny tontolo malagasy teo aloha

Anisan'ny nahazo vahana tamin'ity vanim-potoana ity ny fanomezan-danja ny maha Malagasy. Hita taratra teny amin'ny sehatry ny literatiora ihany koa izany. Voambolana voafantina tsara, maneho ny mampiavaka ny Malagasy no voamarika tamin'ireo karazan-dahatsoratra nivoaka. Ny anarana tena Malagasy sy ny fomba fitenin'ny Ntaolo tany aloha no tena nisongadina tamin'izy ireny, ka hojerena mifanesy eto.

Ny anarana tena malagasy

Anaran'olona tsy faheno afa-tsy eto Madagasikara no nampiasain'ny mpanoratra matetika. Anarana azo itarafana avy hatrany ny toetran'ilay olona no hita ao amin'ireny karazan-dahatsoratra voasoratra ireny.

Indreto anarana tena malagasy vitsivitsy entina manaporofa izany.

Ohatra 1:

“Mamy”, anarana nalaina tao amin'ny sombin-tantara nosoratan'i Geogette RANIVOARIVELO Gabrielle, mitondra ny lohateny hoe: “Finoan-jaza”.

-“*Indro, renim-pianakaviana mbola tanora dia tanora, Ramandimbisoa Mamy (...)*”.

-“*(...) mbola mitoetra ato an-tsaiko hatramin'izao, ry Mamy, ireo masonao nanganohano teo am-panaovana veloma ahy. Ny fofombadinao no norohako talohan'ao ary ianao no nataoko mamikely farany teo amin'ny takolakao (...)*” . Azo takarina avy amin'ireo andalana vitsivitsy ireo fa vehivavy maha te ho tia i Mamy. Na dia efa niteraka tamin'ny olon-kafa aza izy dia tsy nampiova ny fitiavan'i Vonjy azy izany. Mbola tadidiny hatramin'ny fotoana nanorohany azy farany aza, satria mamy taminy io fotoana io. Izany no nilazany ilay oroka hoe: “mamikely”, noho izy navesan-danja taminy sy mitahiry fitiavana lalina an'i Mamy. Endri-pitiavana lalimpaka sy tsy voafafan'ny fotoana maro nifandimby no fonosin'ny anarana hoe “Mamy” nasalotry ny mpanoratra ny mpandray anjara fotoana tato amin'ity sombin-tantara ity. Mamy toy izany koa ny fitiavan-tanindrazana tao amin'ny Malagasy tamin'izany fotoana izany.

Ohatra 2:

“Vonjy”: Anarana mpandray anjara mpanampy nalaina tao amin’ny sombin-tantara voalaza teo ambony ihany.

“Vonjy ô! Ianao tokoa, rahavako, no vonjin’ny fiainako, ianao no vonjin’ny hasambarako ...satria ianao no vonjin’ny fitiavako”.

Mazava ho azy, araka io andalana io fa misy fifandraisana amin’ny anaran’ny mpandray anjara ao amin’ny tantara ny toetra natafy azy. Nitondra famonjena ho an’i Mamy telo mianaka ny fahatongavan’i Vonjy tao amin’izy ireo ny alin’ny 25 Jona; sy ny filazany ny fahavononany hanampy sy hitia azy ireo toy ny ankohonany mihitsy. Nanala ny adin-tsaina izay nitambesatra tao amin’i Mamy, mantsy izany. Namerina indray ny fifaliana tao an-tranony, izay tsy hita taratra nanomboka tamin’ny nahafatesan’ny vadiny, sy namelona ihany koa ny afom-pitiavana tao anatin’ny, izay saika levon’ny alahelo.

Tsy ho an’i Mamy ihany ny famonjena, fa ho an’ireto zanany ireto koa. Tanteraka ny fifalian’izy mianadahy fa nomen’i Jesoa ray, araka ny vavaka nataony. Afaka nahazo izay nilainy sy niriany hiatrehana ny fety izy. I Vonjy daholo no nitondra izany ho azy mianadahy, na dia noheverin’izy ireo fa tena ny rainy tokoa aza izy. Toetran’olona be fitiavana sy manam-pahavononana hatrany hamonjy izay tiany no tian’ny mpanoratra ho tsapan’ny mpamaky amin’ny anarana hoe “Vonjy” nomeny ity mpandray anjara mpanampy ity.

Azo lazaina ho toy ny vanim-potoana fitadiavana vahaolana, na vonjy mihitsy aza, mba hanarenana ny fahavoazana nahazo ny firenena ity vanim-potoana ity. Noho izany, tsy kisendrasendra ny fifidianana ity anarana ity.

Ohatra 3:

“Mbola”. Anarana tovoavavy tao amin’ny teatra mitondra ny lohateny hoe: “Kibo tsy omby”, nosoratan’i Mbato RAVALOSON.

“ Ravao: Misy zavatra mahamahina ahy ny aminy ka !

Rabenja: zavatra inona indray izany Ravao a!

Ravao: Afak’omaly sy omaly dia reko mikohakohaka vao maraina ao an’efitrano fidiovana ao izy.(...)

Rabenja : Mbola...bevohoka izany izy ?” (fizarana2)

Ny anarana hoe :”Mbola” eto, dia azo ilazana zavatra noheverina hotanterahina, nefa tsy mety vita noho ny sakana samihafa. Niankina tamin’ity mpandray anjara fototra ity tokoa mantsy ny fizotry ny tantara rehetra tao amin’ny teatra. Izy no vato nisakana ny fikasan’ireto ray aman-dreniny tamin’ny fanerena azy hanala ny zaza tao an-kibony. Notoheriny hatramin’ny faran’ny tantara io fikasana io, na dia nisy aza fotoana niheveran’izy mivady fa nanaiky i Mbola. Tsapany ihany tamin’ny farany fa mbola lavitra ny fahamarinana izy, raha natao ny famotorana. Niafara tamin’ny fandaozany ny tokantranon’ireto ray aman-dreniny mihitsy izany tany amin’ny faran’ny tantara.

Azo itarafana ny toe-pon’ny olona manoloana ny mpandray anjara fototra ihany koa ity anarana nofidin’ny mpanoratra ity. Tsy izany ihany, fa maneho ny mbola fitohizan’ny tolona nataon’ny Malagasy manolona ny fampahoriana niaretany, tamin’izany vanim-potoana izany, ny fizotry ny tantara.

Na teo aza ny di-doha nasehon’i Mbola dia tsy nampiova ny fitiavan-dreniny sy i Tody rain-janany azy izany.

-“Ravao: *Rabenja aoka re hijanona amin’izao amin’izay e! aleo izy hanao izay fantany fa mety. Ndeha hampiana izy. Tsy manana afa-tsy iny vavy tokana iny anie isika e!*” (...)

-Tody: (...) *Hitady azy aho fa fitiavana izy ka mendrika ny ho tiavina*”. (fizarana 3)

Anarana vitsivitsy nalaina tao amin’ireo karazan-dahatsoratra nisy tamin’ity vanim-potoana ity ireo notanisaina ireo. Ary sombintsombiny ihany izy ireo, mba hoentina manaporofa ny fifikiran’ny mpanoratra tamin’ny maha Malagasy azy.

Mbola manamafy izany ny fitanisany ireny voambolana na fomba fiteny fampiasan’ny Ntaolo ireny.

Ireo voambolana fampiasan’ny ntaolo

Anisan’ny nanamarika ny vanim-potoana 1991-1995 ny fanomezana lanja sy hasina ny Teny malagasy. Hita taratra saika tamin’ny asa soratra nivoaka tamin’izany ny famohazana sy ny fanomezana aina indray ny teny sy ny fomba fiteny nampiavaka ny Ntaolo Malagasy. Indreto ohatra vitsivitsy azo anaporofa azy.

Ohatra1:

Lahatsoratra famotopotoran-kevitra nosoratan'i Georges ANDRIAMANANTENA, mitondra ny lohateny heo: "Hilaza ve ianao fa...."

" Tolona am-batolampy ny fiainana, izay ratsy fitana no ho vaky .loha"

Ny hamafin'ny fiainana no tiana hambara ao anatin'ity oha-pitenenana ity. Mitaky herim-po sy herin-tsaina ny fiatrehana io adim-piainana io, mba tsy hahatonga ny famoizampo. Koa manentana ny vahoaka malagasy ny mpanoratra mba tsy ho mora kivy sy hiraviravy tanana manoloana ny fitobaky ny riba sy kolontsaina vahiny,izay mety hamotika ny ho avin'ny taranaka. Sarotsarotra ihany ny tolona. Nefa mitaona ny mpiray tanindrazana aminy ny mpanoratra mba hamerina indray ao an-tsain'ny tanora malagasy, ireny haren-tsaina nampiavaka ny Fireneny ireny; ary hamelona ao am-pon'izy ireo ny tantara sy ny vakoka nentin-drazana. Ny fifanomezan-tanana eo amin'ny fanabeazana ireo tanora Malagasy ireo manoloana ny hazakazaky ny fandrosoana maneran-tany, no tadiavin'ny mpanoratra hanentanana ny tompona andraikitra rehetra amin'izany, amin'ity lahatsoratra ity.

Ohatra 2:

Tononkalo nosoratan-dRAZAFIARIVONY Wilson mitondra ny lohateny hoe: "Ny sara-tiana"no ndeha hitarafana ny fiangalian'ny mpanoratra ny fomba fitenin'ny Ntaolo.

And.3:

*" Mikalokalo ity fo lavi-kavana
Voatosiky ny fiadanana,
Vitsika momba kitay,
Ka indrisy fa mangaihay.*

And.4:

*"oriory ny fo mahatsiahy,
Honjohonjony be ahiahy.
aiza ho aiza ilay sila-panahy?
Mitebiteby ny foko, ry lahy."*

"*Vitsika momba kitay*". Tsy safidin'ilay vitsika mihitsy ny hanaraka ilay kitay, fa noho ny fitadiavany sakafo. Entina milaza ny olona voatery nandao ny toerana misy azy noho ny "velon-tena" ihany koa no nampiasan'ny mpanoratra ity sarin-teny ity ato amin'ny tononkalo. Izany hoe,tsy maintsy misy ny fisarahana eo amin'ny fianakaviana, ka miteraka ny

embona sy hanina ho an'ilay lavi-kavana. Koa noharin'ny mpanoratra amin'ny *"vitsika momba kitay"* izy ireny: tsy sitra-po fa voaterin'ny zava-misy.

Ohatra 3:

Tononkalo nosoratan-dRado, mitondra ny lohateny hoe : *"Nankaiza?"*, izay ahitana ny filalaovan'ny mpanoratra amin'ny sarin-teny.

And.1:

*"Nankaiza ilay mazava
nantenainy handroaka ny tevin'ito alina ?
Lefy sa dia rava
no mainka koa no rako-tsento lalina?" (...).*

"Tevin'ito alina": sarin-teny nentina ilazana ny halalin'ny fahasahiranana ny Malagasy tamin'izany. Lavitra tamin'ny olona mihitsy mantsy ny mazava, izay nantenainy tamin'ireo olona nanankinany ny fitokisany. Niandrandrany fanovana teo amin'ny fiainany ny mpitondra tamin'izany, kanjo namafy alahelo sy fahadisoam-panantenana. Azon'ny mpanoratra natao fotsiny hoe: *"alina mikitroka"* no teo. Saingy te haneho ny fahafolahany tsara ny teny Malagasy izy, dia sarin-teny mifono fonjan-kevitra mampibaribary ny tiana hambara no nofidiny. Natao hanomezana endrika kanto ny asa soratra ny fampiasana ireo voambolana sy fomba fiteny samihafa, nandritra ity vanim-potoana ity. Tao anatin'izany ny voambolana kristiana sy ny voambolana tena malagasy, izay samy nahazo vahana tao amin'ireo karazandahatsoratra maro nivoaka an-gazety sy noraketina ho boky. Tena manan-karena voambolana sy fomba fiteny tokoa ny Teny malagasy.

Nefa nisy koa ireo mpanoratra sasany nanomboka nilalao ny voambolana fampiasa amin'ny fiteny andavanandro tany amin'ny asa sorany.

3-2-1-3-Ny voambolana avy amin'ny tontolo malagasy ankehitriny

Vanim-potoana nampanjakana ny fanalalahana ity vanim-potoana 1991-1995 ity. Koa tsy ny fananganana antoko pôlitika ihany no nahazo fahafahana, fa ny sarambabem-bahoaka tsy an-kanavaka. Nalalaka ny fanehoan-kevitra. Ao anatin'io sarambabem-bahoaka io ny mpanoratra. Mba nitondra ny anjara birikiny koa izy tamin'ny fitondrana ny hevitra ny vahoaka. Nisafidy ny fiteny fampiasan'ny tanora izy tamin'izany, dia ny fitenin-jatovo sy ny fiteny somary mivantambantana.

Ny fitenin-jatovo

Heverin'ny mpanoratra fa hahamora ny fahazoan'ny mpamaky ny asa sorany ny fampiasany ny fitenin-jatovo. Tsy sarotra takarina sy tsy mifidy sokajin'olona ity fiteny ity, fa na ny nandalim-pahaizana, na ny olon-tsotra, dia samy mahazo ny hafatra tiany hampitaina. Indro ohatra vitsivitsy:

Ohatra 1:

Tononkalo nosoratan'i ARIKAOMISA Randria, mitondra ny lohateny hoe: “Raha izaho mihitsy”:

*“ Hom ! ...Raha izaho mihitsy no mba tambazam-bola
rehefa hoe hifidy:
raisiko iny aloha handehanako midola
f'izaho tsy voadidy
handrotsaka ny vatoko ho an'izay fatsora
mpanao ronono an-tavy,
mitady hanao barofo fa mody maka mora...”*

Ny atao hoe: “*fatsora*”, amin'ny heviny ara-bakiteny, dia fetsy. Ireny olona mahay mampiseho ny hafetseny na ny laingany amin'ny endrika somary hatsikana na be vazivazy; mpamitaka malama vava, ireny no voasokajy ao anatin'ny olona *fatsora*.

Ireo mpanao pôlitika tamin'izany no tondroin'ny mpanoratra hoe “*fatsora*” eto. Tazany teny amin'izy ireny mantsy io toetra voalaza teo ambony io. Izany hoe, tsy mikendry afa-tsy ny tombon-tsoany. Tsy sasatra manao teny mamy sy manome toky, handrobohana ny vahoaka, mba haharenoka sy hahafaly azy. Nefa zavatra tsy azo tanterahina akory no ampanantenainy azy. Tsy mifanalavitra amin'ny mpamitaka ihany, saingy fitaka voasaron'ny fahaiza-mandaha-teny. Izany no nampitovian'ny mpanoratra azy amin'ny “*mpanao ronono an-tavy*”. Ary mety hiseho amin'ny endrika fanomezam-bola izany fanambatambazana ny olona hifidy azy izany, araka ny voalazan'ny tononkalo ihany. Koa mitaona ny vahoaka mba hanohitra ireo “*fatsora*”lahy ireo ny mpanoratra, ka tsy hanaiky ho voavidim-bola amin'ny safidiny.

Tsy vitan'ny fatsora ihany ireto mpanao pôlitika ireto, araka ny hevitra ny mpanoratra, fa “*mitady hanao barofo*”. Ny fanaovana barofo indray dia mitovy hevitra amin'ny fampiasan-kery. Tsy ahitana fanarahan-dalàna loatra amin'izany, fa izay manam-bola sy manam-pahefana ary manana ny hery rehetra hahazoany manatanteraka ny sitra-pony no tompom-pahefana. Raha fehezina, dia “*fanjakan'ny be sandry*” no tiana hambara amin'ity tononkalo ity. Mahazo laka tokoa mantsy, io fampiasan-kery io mandritra ny fifidianana: na hery ara-bola, na ara-pitaovana, na ny fahaiza-miteny,..... Toherin'ny mpanoratra avokoa izany. Ary manentana ny vahoaka mihitsy izy mba tsy ho voasarika amin'ny “*lela mamy*” sy “*fampanadiana adrisa*” ataon'izy ireny, ka hanaiky hotampena-maso hifidy azy.

Nijoro ho vavolombelona mihitsy ny mpanoratra tamin'ny filazany ny heviny manoloana ny olona tahaka ireny. Aminy, dia miankina amin'ny zava-bita no hisafidianan'ny olona sy handrotsahany ny vatony ho an'ilay nilatsaka hofidina, fa tsy noho izy “*fatsora*” sy “*mitady hanao barofo*”.

ohatra 2:

Tononkalo nosoratan'NY MAMATONALINA, mitondra ny lohateny hoe: “Aza omena tsiny”:

And 1:

“Aza mba tsiniana
Ireny zaza ireny
Raha tonga ho mpandala
Angovon-kery ombieny...”

Ny hery miteraka asa no atao hoe: “*angovo*”. Fa ny fampiasana “*angovon-kery*” kosa, dia ny fanaovana na fampanaovana zavatra an-tery na an-ditra, na amin'ny fampiasan-kery fotsiny izao. Ireny zaza tsy nisy mpananatra sy tsy mba nandalo sekoly ireny, hoy ny mpanoratra, no tena “*mpandala an-govon-kery*”. Raha ny marina dia zaza tsy nitombo teo anilan'ny ray aman-dreniny izy ireny, ka tsy voakolokolo sy voatefy hanana toetra mendrika. Hany ka manao izay saim-pantany. Ny zavatra hitan'ny masony (ny halatra, ny herisetra isan-karazany sy ny sedra samihafa iainany isan'andro ka lasa toy ny sekoly nitaiza azy), no nalainy ho filamatra. Koa tsy mahagaga “*raha tonga ho mpandala angovon-kery*” izy. “*Fanjakan'i baroa*” mantsy, no hita sy iainana aty ivelan'ny trano. Noho izany, arakaraka ny nitomboan'ny taonany no nitomboan'ny herisetra nataony teo amin'ny manodidina azy. Nefa tsy tokony homena tsiny izy ireny, hoy ihany ny mpanoratra, satria noho ny tsy fandraisan'ny

fiaraha-monina ny andraikiny amin'ny fanabeazana azy ireny no nahatonga azy hiivari-lavo toy izao. Koa manentana ny mpamaky ny mpanoratra mba tsy hialangalana amin'ny fandraisana an-tanana ny ho avin'ireo zaza ireo, satria izy ireo no ho avin'ny Firenena.

Voambolana mavesabesatra sy fampiasan'ny tanora no nentin'ny mpanoratra nandravahany ny asa sorany. Maneho tanteraka ny fahasahian'ny olona namoaka hevitra ihany koa ny fisafidianana manokana ireo voambolana ireo.

Mbola nanamafy izany koa ny fiteny nentin'ireo mpanoratra nitondrana ny hevitra ny olona tao amin'ny asa sorany. Fiteny toa mivantambantana.

Ny fiteny mivantambantana

Tsy natahotra namoaka hevitra sy nitsikera ny fitondrana ny vahoaka tamin'ity vanim-potoana ity, noho ny fitsofan'ny rivotry ny “demokirasia”. Hita taratra teny amin'ny literatiora nivoaka tamin'izany koa io fahasahiana miteny io. Fiteny mivantambantana sy masiatsiaka ny teny nofidiany hampitana ny hafatra amin'ny mpamaky. Manamafy izany ireto ohatra ireto:

Ohatra 1:

Mbola ny tononkalo nosoratan'i ARIKAOMISA Randria, mitondra ny lohateny hoe: “Raha izaho mihitsy”, no ndeha hitarafana io fiteny masiatsiaka voalaza tetsy ambony io:

“ *Hom!...Raha izaho mihitsy ny mba tambazam-bola*

rehefa hoe hifidy:

raisiko iny aloha handehanako midola,

f'izaho tsy voadidy

handrotsaka ny vatoko ho an'izay fatsora

mpanao ronono an-tavy,

mitady hanao barofo fa mody maka mora...

Fanahim-pamosavy!

Aiza ve, rey olona, raha misy fifidianana:

vola be no avoaka,

fa nony injay ka ilay sezam-piadanana:

hadino ny vahoaka! (...)”

Iray ihany ny toetra sy ny fanahy amin'ity tononkalo ity. Raha ny “*fanahim-pamosavy*” no hazavaina tsotra, dia ilay toetra ratsy ao amin'ny mpamosavy, izay mahatonga ny olona hankahala azy. Ny “*mpamosavy*” moa dia karazan'olona nosokajian'ny fiaraha-monina ho fahavalony. Tsy mikendry afa-tsy ny hanao ratsy aman'olona mantsy izy ireny.

Fanomezana sakafo na ody mahafaty na mankarary no tena fanaony. Ary voatambitamby sy voarebireby tsara izay hazany. Izany hoe: tsy azo fantarina amin'ny endrika ety ivelany ny toetra ratsy ao anatin'ny ao.

Ka ny olona manao “*fanahim-pamosavy*”, dia ny olona mitafy ireo toetra voalaza teo ambony ireo. Tafiditra anatin'izany ny mpanao pôlitika. Mahay mandangolango sy mametsifetsy vahoaka manko izy ireny, rehefa tonga ny fotoam-pifidianana. Izay no maha-**“fatsora”** azy, araka ny efa voalaza. Fa ny tena loza amin'ny toetrany dia ny “fampanantenana poaka aty” fanaony. Betsaka ny toky omeny mandritra ny fampielezan-kevitra, ankoatra ny fanaparitahana ny vola hividiana ny safidim-bahoaka. Rehefa lany anefa izy dia very toy ny “rano raraka an-tany” ireny teny mamy “nampandriana adrisa” ireny. Tsy te hahalala izay fiainan'ny olona intsony izy, na mihosina ao anaty fahoriana aza ireo nifidy azy, na matin'ny hanoanana. Rehefa azony ‘*ilay sezam-piadanana: hadino ny vahoaka*’. Izay ny ilazan'ny mpanoratra azy hoe: manao “*fanahim-pamosavy*”. Toy ny poizina nafahany ny mpifidy azy iny vola nozarainy taminy iny, ka namily ny safidiny tany amin'ny fahavalom-piaraha-monina, sy namotika ny ho aviny manontolo. Koa manentana ny vahoaka ny mpanoratra mba tsy hifidy ny olona toy ireny, fa fahavalom-pirenena.

Ohatra 2:

Ny tononkalo nosoratan'NY AKO, mitondra ny lohateny hoe: “Aiza ny marina?”:

*“Hatraiza ny fetran'ny lainga
tohanan'ny hevi-bontolo,
no tany voavadi-ko bainga
ka oirina ho lava volo?*

*Ny masony ve no jambena
tarafin'ny misy tokoany,
fa lainga tsy zaka babena
no marina mba itompoany? (...)”*

Ny olona manao “*hevi-bontolo*”, araka ny amaritan'ny Rakibolana azy dia hevitra lazaina an-terisetra ka tsy maintsy arahina na marina na diso. Tsy mba ahafantarana ny marina tokoa ny miresaka sy miady hevitra amin'ny olona mandroso hevitra toy ireny. Tsy maintsy marina hatrany mantsy ny azy, na inona na inona fandresen-dahatra atao aminy. “Teren-ko masaka toy ny voalobo-jaza” foana ny hevitra omeny, hany ka tsy manam-potoana

handinihana sy hamantarana ny laingalainga fonosiny ny olona mihaino azy. Izany no mahatonga ny mpanoratra manontany hoe: “ Aiza ny marina?” Tsy dia fiteny mihaja loatra ity nampiasain’ny mpanoratra eto ity. Fiteny toa mandratra sofina. Nefa nofidiny izy ity, mba hanindronana ny fo amam-panahin’ny mpamaky manoloana ny tsy fihainoan’ny mpitondra Fanjakana ny feom-bahoaka. Manaitra ny be sy maro izy mba hahatsapa fa izay tian’ny mpitondra hatao ihany no ataony. Ary tereny hanaraka sy hankasitraka ireo pôlitika heveriny hitondrana ny tany sy ny Fanjakana ny sarambabem-bahoaka, na dia hita izao aza fa mifanohitra amin’ny tombotsoam-pirenena izany. Ary tsy te hahalala izy, na zakan’ny olona entiny izany na tsia. Ny fahatsapan’ny mpanoratra ny lanjan’io paika terena mba harahin’ny vahoaka io no nahatonga azy nifidy ity voambolana hoe: “hevi-bontolo” ity. “Bontolo”, izay midika koa hoe: “vaventy makadiry”. Izany hoe, tsy zaka zakaina fa mety hahavaky tratra, na hahaoa izay tsy maintsy hilanja azy. Ka ny “hevitra bontolo”, araka izany, dia midika toy ny hevitra terena hoeken’ny hafa fotsiny, nefa tsy dia mitombina loatra.

Voambolana sy fomba fiteny efa faheno sy fampiasa amin’ny fiainana andavanandro no notsongain’ny mpanoratra manokana, ka nentiny nanomezana endrika kanto ny asa sorany sy nampitany hafatra tamin’ny mpamaky. Maherihery sy somary mandratra sofina ihany izy ireny indraindray. Nefa hain’ny mpanoratra ny namolaka azy hahalaza ny hevitra tiany hambara, mba ho zakan’ny mpamaky rehetra.

Momba io fomba famolahana ny teny io indrindra no horeshaina ao amin’ny tapany farany amin’ity fanadihadiana ity.

3-2-2- Ny fampiasana sarin-teny samihafa

Vanim-pototana nivelaran’ny literatiora malagasy ity vanim-potoana 1991-1995 ity, araka ny efa voalaza hatrany am-boalohany. Fotoana nahafahan’ireo mpanoratra naneho ny talentany ihany koa, satria tsy nisy intsony ny sivana teo amin’ny famoahana asa soratra. Nalalaka ihany koa izy ireo teo amin’ny fomba fanoratra, indrindra tamin’ny filalaovana tamin’ireo sarin-teny isan-karazany. Hojerena amin’ny ankapobeny ihany ireo sarin-teny mateti-pitranga ao amin’ireny asa soratra ireo, fa tsy ary ho voatanisa eto daholo. Azo sokajiana telo izy ireo:

- ny fanovan-javatra;
- ny tamberin-javatra;
- ary ny sarin-teny hafa sisa.

3-2-2-1-Ny sarin-teny fanovan-javatra

Ny “métonymie” sy ny “métaphore” no karazana sarin-teny mateti-pitranga tao amin’ireo asa soratra nohadihadiana.

Ny “Métonymie”

Ny fanovana anarana na “métonymie”, dia “*fomba filazan-javatra ampiasana ny Teny manondro zavatra iray A, hanondroana zavatra hafa iray B noho ny rohin-kevitra misy eo amin’ireo zavatra roa ireo, afa tsy ny rohim-pifanahafana.*

Ohatra :

-anton-javatra sy voka-javatra,

-fasian-javatra sy ny zavatra ao anatiny,

ary ny fitafiana sy ny olona mpanao azy.”¹⁸

Indreto misy ohatra vitsivitsy ahitana ny sasantsasany amin’izany.

Ohatra 1:

Fanovana anarana isehoan’ny fitafiana misolo ny olona manao azy, nalaina tao amin’ny boky vakivakim-piainana, misy ny am-pahan-dresak’i Tsiry sy i Fano, no anisan’ny porofo iray.

“ (...)

-Ahoana, moa,leitsy, no hahatafita ahy amin’izao karama vary masaka izao? ho ‘aho gaga. (...)

-Tena soavaly vao marina ialahy ka donidonendrina! Raha hanompo karana no fikasan’ialahy, dia tsara tso-drano! (...) Tsy ho naman’ialahy amin’izany aho! Raha izaho indray aloha, dia tsy azon’ny Borisatroka amin’izany e! (...)”

Toy izao raha atao kisary tsotra ny tian’ny mpanoratra hambara:

Borisatroka = **Karana**

A

B

Anisan’ny fitafiana amantarana ny Karana ny satro-bory. Nataon’ny olona sasany anaram-petaka ho azy io fitafiny io. Tafiditra ho isan’ny fitenin-jatovo ity fiteny nampiasain’i Fano ity. Nifidy ity fiteny ity anefa ny mpanoratra mba hanehoany ny toetran’i Fano, izay vantambantam-piteny, jiolahim-boto no sady fatsora. Miezaka nanamarin-tena nanoloana an’i Tsiry izy eto, ka milaza ny tsy fanekenany ny ho boton-karana.

¹⁸ RAJAONA (S), Ny zava-kanto vita amin’ny teny, éd. Ambozontany, Antananarivo 1993, tak.97

Ohatra 2:

Tononkalo nosoratan-dRABENJA Salomon, mitondra ny lohateny hoe: “ Fehezam-boninkazo”.

And 1:

*“ Mipitrapitra foana giazam-pahatsiarovana,
Ny masonay miremby ilay salovanao.
Malomalok’ila ny andro izay lalovana,
Ka kotsan-dranomaso hatrao anaty ao.
(...)”*

Ndeha hatao kisary tsotra ny tian’ny mpanoratra hambara amin’ny hoe: “salovanao”.

Salovanao = tenan’ily olona manontolo

A

B

Ny “salovana” dia faritra iray amin’ny tenan’olombelona. Faritra iray eo anoloana, amin’ny loha, izay ahitana ny maso, ny orona, ny vava, ny takolaka,... Tarehy no azo ilazana azy koa. Ny fahitana io “salovana” io dia ampy tanteraka hahatsiarovana ilay olona, araka ny voalazan’ny mpanoratra. Ampahany entina hilazana ny erany no iantsoana ity karazana “*métonymie*” eto ity.

Ohatra3:

Tononkalo nosoratan’i Jo ANDRIANASOLO, mitondra ny lohateny hoe: “Ianao”.

And 1:

*Indro ianao miteny irery
Ato an’efitranontsika
Anoloan’ny fitaratra
Sady izay mijery bika.*

And 3:

*Dia somary kivy ianao
Raha sendra ka nahita
Volofotsy singatsingany
Izay manomboka mipika.”*

Ny kisary atao etsy ambany no manambara ny tian’ny mpanoratra lazaina.

Volofotsy = fahanterana

A

B

Ny “*volofotsy*” indray dia azo amaritana ny taonan’ny olona iray. Izany hoe, miankina amin’ny lokon’ny volon-dohany no ahafahana milaza fa tanora izy, na antitra. Ka ny “*volofotsy*”, dia natokana ho an’ny antitra, amin’ny ankapobeny. Noho izany, ampahany entina mamaritra ny momba ilay olona manontolo ihany koa no asehon’ny mpanoratra amin’ny fampiasany “*métonymie*” eto.

Tsy ny “**métonymie**” ihany no nampiasian’ny ankamaroan’ny mpanoratra tamin’ity vanim-potoana ity, fa teo koa ny “**métaphore**”.

Ny “**Métaphore**”

Ny fanovana endri-javatra na ny “*métaphore*” no azo lazaina ho mpanjakan’ny sarin-teny. Mitana anjara toerana lehibe amin’ny famoronana zava-kanto vita amin’ny Teny izy ity. Ary anisan’ny manavanana ny mpanoratra malagasy tokoa.

“Ny fanovana endri-javatra dia sarin-teny amindrana ny hevitra ara-bakiteny ananan’ny Teny anankiray ho amina hevitra hafa ka ampiharana azy amin’ny zavatra hafa. Fomba filazan-javatra mifintina sy mafonja ny fanovana endrin-javatra. Ahafahana milaza angolan-kevitra sy angolan-pihetseham-po maro izy kanefa amin’ny Teny vitsy.”¹⁹

Ahitana : OHARINA

ANOHARANA

TOETRA IOMBONANA

Ireto ohatra vitsivitsy ireto no entina manaporofa azy.

Ohatra 1:

Nalaina tao amin’ny tononkalo nosoratan’Ny Ako, mitondra ny lohateny hoe: “Ody ratra”.

And 1:

*“Zay singana irery an-dakira,
mila ho kivin’ny zava-manjo,
no ho rotsirotsiko amin-kira
tsy handairan’ny famoizam-po.*

And 4:

*ny odin’ny hira hiraina.
Fa ny hira, karazana miora,
manaritra izay noratraina.”*

¹⁹ RAJAONA (S), Ny zava-kanto vita amin’ny teny, op.cit. tak.75

Toy izao raha atao kisarisary tsotra ny sarin-teny tian'ny mpanoratra hampifandraisina:

Oharina: *hira*

anoharana: *miora*

Toetra iombonana: samy manome hafanana sy mamelombelona aina.

Manala ny ratram-po, ny hakiviana sy ny karazana alahelo rehetra ny “*hira*”. Tsy izany ihany, fa manome aina vaovao, na ho an’izay mihira, na ho an’izay mihaino azy izy. Ny “*miora*” indray dia karazana fanafody entina manala fanaintainana (“baume”). Mafanafana izay faritra hosorana azy. Mani-pofona izay izy ka mampahazo aina ny olona hosorana azy ny hanitra omeny.

Natafin’ny mpanoratra ny “*hira*” ny toetry ny “*miora*”, mba hanehoany ny angolan-kevitra sy fihetseham-po tiany holazaina. Lava loatra mantsy, raha halefa tsirairay izy ireo, nefa manana toetra iombonany. Noho izany, nofintinin’ny mpanoratra kokoa ny fomba nilazany azy. Ny toetra niombonany aloha no nolazainy: “*ody*”. Avy eo nampifamaritany izy roa: “*ny hira, karazana miora,...*” Ao amin’ny andininy fahefatra no ahitana izany. .

Raha bangoina izay voalaza dia fanafiana ny toetry ny anoharana ny oharina no nataon’ny mpanoratra eto. Satria ny toetran’ny “*miora*” no natafiny ny “*hira*”.

Ohatra 2:

Mbola ny tononkalon’ i ARIKAOMISA Randria mitondra ny lohateny hoe “Raha izaho mihitsy”, no indramina hanehoana ireo sarin-teny fanovana endri-javatra

“ Hom!...Raha izaho mihitsy no tambazam-bola

Rehefa hoe hifidy:

Raisiko iny aloha handehanako midola,

F’izaho tsy voadidy

Handrotsaka ny vatoko ho an’izay fatsora

Mpanao ronono an-tavy,...)”

Oharina: (takona: mpanao pôlitika) anoharana: *mpanao ronono an-tavy*

Araka ny efa voalaza, dia ny mpanao pôlitika no lazain’ny mpanoratra hoe: “*mpanao ronono an-tavy*”. Saingy tsy nolazainy mivantana izany mba hampisy endrika kanto ny tononkalo. Anarana hafa, izay niainga tamin’ny toetrany no nomeny azy. Izany hoe, noharin’ny mpanoratra amin’ny olona “*mpanao ronono an-tavy*” ny mpanao pôlitika. Mafonjafonja kokoa mantsy ny hevitra ao ambadik’izay fanaovana ronono an-tavy izay, raha oharina amin’ny hoe “*mpanao pôlitika*” fotsiny. Io fanoharana nataony io ihany koa, dia manampy

amin'ny fahafantarana ny fihetseham-pon'ny mpanoratra manoloana ny fahitany ny toetry ny mpanao pôlitika.

Ohatra 3:

Nalaina tao amin'ny tononkalo nosoratan-dRABENJA Salomon, mitondra ny lohateny hoe:
“Hira ho an'ny mpampianatra”.

And 5:

*“Ry Masiaka Be Ronono tsy nihambo ho zanahary:
ny samoina valaka, hono, no manadino ny ramiary!
Izahay kosa hanandratra:
raha tsy nisy ianao Mpampianatra
nety tohatra hiakarana,
tsy ho nisy fivoarana.”*

oharina: (takona: mpampianatra) anoharana: *Masiaka BeRonono*

Takona ny oharina eto amin'ity andalana voalohany amin'ny andininy farany amin'ity tononkalo ity. Anarana azo itarafana avy hatrany ny toetran'ilay olona no hita ao amin'ny anoharana. Fomba filazan-javatra azo ahatsapana ny angolam-pihetseham-pon'ny mpanoratra izao asehon'ny tononkalo izao. Tsy nolazainy avy hatrany ilay olona, fa ny toetrany no nentiny nasolo ny anarany. Fanomezana endrika kanto ny tononkalo avokoa izany, no sady fanehoana ny fonjan-kevitra fonosin'ilay sarin-teny.

3-2-2-2-Ny tamberin-javatra

Ny sarin-teny miorina amin'ny tamberin-javatra no mateti-pitranga tao amin'ireo karazan-dahatsoratra tamin'ity vanim-potoana ity. Ohatra amin'izany ny “anaphore”,sy ny “épanode”.

Ny “Anaphore”:

Ny “anaphore” dia “*tamberim-boan-teny na tamberin'andian-teny an-doham-pehezan-teny, na an-dohan'andalana, na an-dohan'andininy mifanesy. Sarin-teny fampiasa na mpiseho isaky ny fanantitranterana fikirizana, na fihetseham-po mibosesika, toy ny fitiavana tsy tontan'ny ela, ny herim-po tsy kivy kiviana, na hambom-po tsy pempo pempoina, ny fanantenana maitso lava, tsy mety malazo, na alahelo tsy mety mitony...*”²⁰

²⁰ RAJAONA(S), Ny zava-kanto vita amin'ny teny, op.cit.tak.31

Mbola ohatra vitsivitsy nalaina tao amin'ireo vondrona ambara voangona ireo ihany no entina manohana izany.

Ohatra 1:

Nalaina tao amin'ny tantara Vakivakim-piainana, takila 4:

“Saikatra aho manko. Saikatra sao ho hita ho nankafy. Saikatra noho ny fijerin-dRamily zaodahiko nanatsafa ny “hatendahako”.

Tamberim-boan-teny an-doham-pehezan-teny mifanesy no hita eto. Mampiseho ny tebitebin'i Tsiry sy ny tahony ny zaodahiny teo am-pihinana ny mpanoratra, raha mamerimberina ny teny hoe “saikatra”. Olona very hevitra, tsy mahita izay hatao manoloana toe-javatra iray no lazaina hoe “saikatra”. Ny latsa an-kanina mpahazo azy isan'andro no mahasaikatra an'i Tsiry ato amin'ity tantara ity.

Ohatra2:

Hita tao amin'ny tononkalo nosoratan-dRano, mitondra ny lohateny hoe:

“Manjakamiadana”:

And 1:

*“Afo mpandevona mpanorotoro
Afo namotika sy nampikoro
Afo nanosika koa hampijoro
Afo namelona soa mahanoro.(...)”*

Tamberin-boan-teny an-dohan'andalana mifanesy no tazana amin'ity tononkalo ity. Ao anatin'ny famerimberenana ny teny hoe: “afo” ny mpanoratra no manantitrantitra ny zava-nisy tamin'izany fotoana izany. Lelan'afo nijoalajoala no hita teny amin'ny Rova, toerana mirakitra ny tantaran'i Madagasikara sy mitahiry ireo vakoka malagasy tany aloha. Afo tonga nandoro ny fon'ny Malagasy rehetra, io tazana teny Manjakamiadana io. Alahelo sy ranomaso niharo hatezerana no hita nisoritra teny amin'ny tavan'ny olona. Tao anatin'ny indray nipi-maso monja mantsy no namotehan'ireo tsy mataho-tody “ilay arivo tsy matin'ny taon-jato maro”.

Tsy nandoro ny fon'ny Malagasy ihany ilay “afo”, fa nanaitra ny hambom-pony koa. Nirehitra indray ny fitiavan-tanindrazana tao am-pon'ny olona teo am-pahitana ity lova navelan'ny razany izay lasan-ko vovoka ity, sy ho voafafa tsy ho anisan'ny tantara eo amin'ny fireneny intsony. Niverina tao an-tsain'ny olona niaraka tamin'izay koa ny maha zava-dehibe io toerana io sy ny zavatra tao anatiny. Vokany, tsy nisy nipetra-potsiny, na ny

mpitondra, na ny vahoaka malagasy, fa niara-nivondrona sy nifanome tanana hamerenana io toerana kilan'ny afo io amin'ny endriny teo aloha.

Raha atao bango tokana, dia zavatra roa no anterin'ny mpanoratra amin'ny famerimberenany ny teny hoe: “*afo*”, amin'ity andininy voalohany ity,”: voalohany, ny hakivian'ny olona nanoloana ny fahamaizan'ny Rova, ary faharoa, dia ny fanairana ny hambom-pony, ka nahatonga azy hanome lanja ny maha-malagasy azy sy ho saro-piaro amin'izany. Tsy vitan'ny saro-piaro fotsiny, fa niara-nirohotra nifanome tanana nanamboatra ny simba rehetra. Izany hoe, sady nitondra alahelo ilay “*afo*”, no namelona ny fitiavan-tanindrazana tao amin'ny Malagasy.

Ohatra 3:

Tononkalo nosoratan-dRAJAONARIMANANA, mitondra ny lohateny hoe: “Misy antso”

And 1:

*“...Misy antso
Nateraky ny alina
Hotronin'ny maraina
Hampitsimoka zava-dalina
Eto an-tany karakaina*

And 2:

*...Misy antso
Natoraky ny tsiahy
Miafitra etsy an-joron-trano moana
Handresy ny fotoana
(...)*

And 3:

*...Misy antso
Notinendrin-janahary
Mba hivoatra ho sary
Hampitony fon-janak'olona
Mbola resin-torimaso
(...)”*

Tamberin'andianteny andohan'andininy no hita taratra amin'ity tononkalo ity. “*Misy antso*”, izany hoe, misy feo manainga ny vahoaka hitolona sy hitaky ny zony. Io antso io no antitranterin'ny mpanoratra isaky ny andininy ao amin'ny tononkalo. Mitaona ny olona

hisaintsaina ny zava-nisy teo amin'ny fiainany izy. Izany no nilazany hoe: “*misy antso nateraky ny alina*”. Natao hieritreretana sy hisaintsainana mantsy ny alina. Ny fahanginana mandritra ny alina no manampy betsaka ny olona hamakafaka tsara sy handinika ireo tranga rehetra miseho amin'ny fiainany.

Mandray anjara ao anatin'io “*antso*” io koa ny embona sy ny fahatsiarovana. “*Tsiahy*” no niantsoan'ny mpanoratra azy ato amin'ny tononkalo. “Ny lasa, mantsy, tsy fanadino”. Koa ny famerenana ny zava-nisy tany aloha ao an-tsain'ny olona no anisan'ny nataon'ny mpanoratra ho vain-dohan-draharaha. Fitaovana iray nentina nanentana sy nanetsika ny hambom-pon'ny vahoaka malagasy tamin'izany foana izany tokoa manko ny fampitodihana azy hahatsiaro ny lasan'ny tantaram-pireneny. Hiverina ao an-tsaina avy hatrany ny FAHAFAHANA niainan'ireo Razana, tany aloha, ka hahatonga azy hanainga ny mpiray tanindrazana aminy, hiara-hitolona. Izay no “*antso nateraky ny tsiahy*”, tian'ny mpanoratra halentika ao am-pon'ny mpamaky

Ny karazana antso farany lazain'ny mpanoratra ato amin'ny tononkalo, dia ny “*antso notinendrin-janahary*”. Izany hoe, tsy miankina amin'ny olombelona, fa toy ny didy avy any ambony, manainga ny olona hanao zavatra, na manondro ny zavatra hataony. Nasongadin'ny mpanoratra ato amin'ity andalana fahatelo ity, fa tendry avy any ambony mihitsy no manosika ny olona hitolona sy hiady, mba hanoherana ny tsy rariny ataon'ny mpitondra. Ny fanekena io didy io no hamerina indray ny “FAHAFAHANA” sy “*hampitony ny fon-janak'olona*”, araka ny voalazan'ny mpanoratra ao amin'ny tononkalony ihany.

Famohazana ny vahoaka malagasy amin'ny torimasony manoloana ny loza mitatao amin'ny fireneny, no nataon'ny mpanoratra, raha namerimberina ireo andianteny hita eo andohan'andinin'ny ireo izy. Manamafy ny mahazava-dehibe ny tolona tokony hatao izy amin'izany. Koa miantso ny Malagasy rehetra izy mba hifanome tanana hahatanteraka io tolona io.

Ny “Epanode”:

*Tamberim-boan-teny na fehezan-teny na andian-teny entina mandoko, mampivoitra toetra, na toe-tsaina, na toe-panahy, na fihetsika, na hevitra mibahan-toerana ao amin'ilay olona miteny na itenenana, na resahina. Izy ireo dia miseho, mipoipoitra etsy sy eroa, tsy hay tohaina amin'ny toerana maro samihafa tsy voafetra dieny mialoha.”*²¹

²¹ RAJAONA(S), op.cit.tak.47

Ohatra 1:

Tononkalo nosoratan'i SOLOFO José, mitondra ny lohateny hoe: “ Fa izao rehetra izao” no azo anaporofoana izany.

*“ Tany miantra lanitra
Lanitra miantra rivotra
Rivotra manome aina
Aina mahary olona
Olona miantra voary
Voary mihira tontolo
(...) »*

Tamberim-boan-teny nentina nandoko ny zava-misy eo amin'ny tontolo ifaneraseran'ny olombelona sy ny voary manodidina azy, no voasoratra ato amin'ity tononkalo nosoratan'i SOLOFO José ity. Mampivohitra ny fifamatorana misy eo amin'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy izy amin'izany. Tsy miova mihitsy io fomba nandrafetany sy nampifandraisany ireo teny manondro ny zavatra tiany hambara ireo, fa nitohy hatramin'ny faran'ny tononkalo.

Ohatra2 :

Ny sombin-tantara nosoratan'i Gorgette RANIVOARIVELO Gabrielle, no ndeha hakana ny ohatra manaraka. Ka ny resaka nifanaovan'i Tojo tamin-dreniny no entina maneho an'izany :

“(..)

-Tsy misy tonga any, ry Tojo, na fiarakodia, na fiaran-dalam-by, na fiaramanidina aza a! Aza mirediredy eo fa mandreraka!

-Neny kosa... Izahay ange efa tena malahelo mafy an'i Dada, sady efa ela, tena ela no niandrasana azy.”

Eto indray dia tamberim-boan-teny no nentina naneho ny toe-tsain'ny mpandray anjara ao amin'ny tantara. Ao amin'ny valin-teny nasetrin'i Tojo ny resaka nataon-dreniny taminy no nahitana izany. Zazalahy manam-pinoana tokoa, raha i Tojo. Nitady hevitra hatrany mantsy izy mba hamerenana ny rainy, izay nolazain-dreniny fa lasan'Andriamanitra, ho eo anivon'ny ankohonany. Ary nisisika hatrany izy tamin'ny fitadiavana fifandraisana tamin-

drainy. Tsotra ny antony: efa ela niandrasana izy mianadahy, ka tsy naharitra intsony. Hita taratra tamin'ny fiteniny ny zavatra izay tsy ariny ka nanahiran-tsaina azy, dia ny fahelan'ny fiandrasany ny fahatongavan-drainy. Miverimberina teny amin'ny valin-teniny io teny io:

“ (...) – *Rahoviana ange i Dada vao hitsangana hiala ao anaty vata ao? Angaha mbola elabe i Kristy vao hanangana azy? (...)*

- (...) *Izahay ange efa tena malahelo mafy an'i Dada, sady efa ela, tena ela no niandrasana azy.*”

Voambolana tsy afaka teo am-bavan'i Tojo isaky ny niteny ny hoe: “**ela**”. Izany dia azo nitarafana ihany koa ny hevitra nibahan-toerana tao an-tsainy tao: ny hanafainganana ny fahatongavan-drainy.

Betsaka ireo tamberin-javatra ao amin'ny vondrona ambara voangona, fa izay miverimberina matetika no navondrona ao anaty ohatra vitsivitsy.

Tsy nifanalavitra tamin'izany koa ny sarin-teny fanovan-javatra, izay hojerena manaraka.

Tsy ireo voalaza teo ambony ireo daholo no sarin-teny fahita ao amin'ny asa soratra, fa mbola misy sarin-teny hafa.

3-2-2-3- Ny sarin-teny hafa sisa

Ny sarin-teny hafa sisa dia ireo sarin-teny nampiasain'ny mpanoratra mba hanomezany endrika kanto ny asa sorany, saingy tsy ahitana tamberin-javatra na fanovan-javatra. Fomba filazan-javatra amin'ny endriny hafa indray no asongadina amin'izany.

Betsaka izy ireo, fa ny “gradation”, ny “interrogation oratoire”, ny “inclusion” no ndeha hojerena.

Ny “Gradation”

“Sarin-teny andaharana an-tanan-tohatra ny zavatra tanisaina na lanja miakatra na lanja midina araka ny vahan'ny fehezan-teny na araka ny fonjan-kevitra. Atao indrindra hampibaribary ny fifandraisan'ny hevitra na ny fihetseham-po hovahavahana.”²²

Ireto misy ohatra vitsivitsy manaporofa izany:

²² RAJAONA (S), op.cit.,tak.55

Ohatra 1:

Tao amin'ny sombin-tantara nosoratan'i ARINAIVO, mitondra ny lohateny hoe: “Solomason'i Dola” no nalaina ity karazana “gradation” ity:

“ Hipoka ny fiara. Nifanitsa-kitro ny olona. Mba tsy hilazana hoe mila hifampibaby”.

Manao lanja miakatra ny fomba nandaharan'ny mpanoratra ny fehezan-teniny teto. Ary nanaraka ny fonjan-kevitra tiany hasongadina ny fitanisana nataony. Ny fahafenoan'ny fiara no nolazainy voalohany. Izay vao namaritra ireo olona nameno ny fiara izy. Ary teo am-pamaritana ny fihetsiky ny olona tao

anaty fiara izy, dia mbola nisy fandaharana manao lanja miakatra nataony indray. Natombony tamin'ny hoe: “*nifanitsa-kitro*” ny fitanisana, izany hoe, nifanisika izay tsy izy ny olona tao anaty fiara ka tsy nisy hasiana tongotra intsony. Nohamafisiny tamin'ny hoe: “*mila hifampibaby*” indray ny fanehoana an-tsary ny zava-nisy tao anaty fiara. Raha tsorina ny tiany hambara, dia mila hifampitaingina ny olona noho ny hafenoan'ny fiara. Voambolana voafantina sy toa maneho sary ao an-tsain'ny mpamaky avy hatrany no nofidin'ny mpanoratra hampitana ny hafatra sy nampivoarany azy araka ny fonjan-kevitra nitondrany azy tao amin'ny tantara. Maneho ny fahaizan'ny mpanoratra mamolaka ny teny hanana endrika kanto izany rehetra izany.

Ohatra 2:

Nalaina tao amin'ny tononkalo nosoratan-dRAZAFIARIVONY Wilson. Tsy misy lohateny ity tononkalo ity. Toy izao ny fomba nandaharany ireo hevitra tao anatin'ny:

“(..)

Feo avy lavitra

Nahafinaritra:

Tena hafakely

Toa hiran'anjely!

Feo tena manga,

Ka nampiranga

Ny vetso sy hanina

Efa nilamina.

Feo tena tsy aritra:

Akon'ny lanitra?

O! mamelovelovelo

Mandresy alahelo!

“(..)”.

Mazava be ny ambaratongam-panehoan-kevitra hita ao amin'ny tononkalo. Miresaka momba ny “*feo*” ny mpanoratra amin'izany. Niainga avy lavitra aloha ilay “*feo*” mahafinaritra. Avy eo, dia nanomboka re ny akony: “*tena manga*”. Izany hoe, nanintona ny fo sy ny saina, ka namelombelona ny “*vetso sy ny hanina*”, araka ny voalazan'ny mpanoratra ihany. Tsy nijanona teo fotsiny ilay “*feo tena manga*”, fa nitondra hery ho an'ilay nandre azy: “*mandresy alahelo*”.

Minariny toy izany ny tonjan-kevitra ato amin'ity tononkalo ity. Ary niramatoatra amin'ny fanehoan'ny mpanoratra ny fihetseham-pony ny fandaharana ny angolan-kevitra hanaraka ny an-tanan-tohatra.

Ny “Interrogation oratoire”

“*Fanontaniana tsy miandry valiny, satria mazava ho azy ny valiny andrasana, na fara faharatsiny ny valin-teny ao an-tsain'ilay mametraka fanontaniana. Mandrakariva, entina hanantitranterana hevitra. Fampiasa matetika amin'ny fiteny andavanandro izy io.*”²³

Hotohanana amin'ireto ohatra vitsivitsy ireto ity famaritana ity.

Ohatra 1

Tononkalo nosoratan'Ny AKO, mitondra ny lohateny hoe: “Aiza ny Marina”

And 1:

“*Hatraiza ny fetran'ny lainga
tohanan'ny hevi-bontolo,
no tany voavadi-ko bainga
ka dirina ho lava volo?*”

Fanontaniana efa miendrika valiny ihany no ataon'ny mpanoratra eto. Efa fantatra mazava tsara fa tsy zavatra fahita matetika sy tsy miala amin'ny mpanao pôlitika ny famafazana lainga sy ny fanerena ny vahoaka hanaraka ny heviny. Koa azo lazaina fa fanontaniana tsy tokony hipetraka ny momba ny “*fetran'ny lainga*” sy ny “*hevi-bontolo*”. Satria efa fantatry ny sarambaben'ny olona, fa tsy hisy fetrany izany.

Nataon'ny mpanoratra miendrika fanontaniana anefa ity andininy voalohany amin'ny tononkalo ity mba hisarihany ny mason-tsain'ny mpamaky hahatakatra ny toe-javatra tsy aradalana ataon'ireo mpanao pôlitika ireo. Tohininy ny fo amam-panahin'ny olona hahatsapa ny fitaka sy lainga miharo ny fanerena azy an-kolaka hanaraka ny foto-keviny. Maneho ny

²³ RAJAONA (S), op.cit., tak.67

fahaizan'ny mpanoratra maneho ny heviny amin'ny endrika kanto ity safidiny hampiasa ny “interrogation oratoire” ity.

Ohatra 2:

Tononkalo nasoratan'i SOLOFO José, mitondra ny lohateny hoe: “Fa izao rehetra izao”. Toy izao no filazany ao:

“ (...)

Finoana: miverina amin'ny Tany

Tany: sambatra sy ory

Ory: sazin'I Satana

Satana: noharian'ny safidy

Safidy: nozarain'ny Mpahary

Fa ny Mpahary moa: AVY AIZA? ? ?”

Tononkalo mitantara ny zava-misy izay mifamatotra amin'ny fiainan'ny olombelona no lazalazain'i SOLOFO José eto. Manana ny loharano nipoirany avokoa ny zavatra rehetra, raha ny fitanisany azy hatrany am-boalohany. Saingy ny andalana farany no niavaka tamin'ny namany. Manontany ny loharano niavian'Ilay “*Mpahary*” izy. Nefa iaraha-mahalala fa “*ny Mpahary*” no fototr'izao rehetra izao. Noho izany, tsy fantatra ny niaviany. Ary miaramanaiky an'izany ny olona rehetra.

Mba hanehoana amin'ny mpamaky ny fetran'ny fahalalany momba “*izao rehetra izao*” no nampihariharian'ny mpanoratra an'io fanontaniana io. Nataony sora-baventy sy napetrany any am-paran'ny andalana amin'ny tononkalo mihitsy izany, ary narahiny baraingo maromaro, mba hanantitranterana amin'ny tsirairay ny fanontaniana mbola be mpametraka hatramin'izao. Fahaizana milalao amin'ny fihetseham-pon'ny mpamaky manoloana ny fahitany “*izao rehetra izao*”, no ataon'ny mpanoratra amin'izany. Manome endrika kanto ny tononkalo ihany koa izy etsy andaniny.

Ny « Inclusion »

« Sarin-teny amerenana am-param-pamelabelaran-javatra ny Teny, na ny andian-Teny, na ny fehezan-teny nentina nanomboka azy. Izany famelabelana izany dia mety ho andininy ao anaty tononkalo na lahatsoratra tsotra, na tononkalo iray, na toko iray anatina boky, na boky iray manontolo. Fomba filazan-javatra hita matetika ao amin'ny Baiboly, ary fampiasan'ny mpanoratra malagasy ka ilalaovany amin'ny fomba maro. »²⁴

Ndeha haka ohatra ao amin'ireo vondrona ambara hanohanana izany.

Ohatra 1 :

Ity misy « inclusion » mifanipa-kevitra nalaina tao amin'ny boky vakivakim-piainana:

Eo amin'ny fanombohan'ny tantara:

“ Tsy mba mety ho tantara ny fiainako. Tsotra loatra manko. Tsotra ka tsy mahasarika ny fifantohana. Tsotra ka vao miandoha dia fanta-piafara. Tsy mba tsara hotantaraina. Ny tantara manko natao hahaliana. Ny fiainako kosa tsy mahaliana an'iza n'iza. Izaho tompony aza tsy liana aminy...”(takila 2)

Any am-pamaranana ny tantara:

“Izany no ilazako fa tsy mba mety ho tantara ny fiainako. Mahantra loatra manko. Mahantra ka tsy fanta-piafarana. Tsy mba tsara hotantaraina. Ny tantara manko natao hahaliana: tantaran'olon-tsoa, tantaran'olon-tsambatra. Ireny no fitantara. Ny fiainan'ny mahantra kosa tsy mahaliana an'iza n'iza. Ny tompony aza tsy liana aminy.”(takila 75)

Fandravonana ny vontootin'ny tantara no ataon'ny mpanoratra eto. Tsy izany ihany, fa mampiomana ny mpamaky amin'ny zavatra miandry ao amin'ny tantara izy. Toa efa manatsidika sahady koa ny mpanoratra fa tsy tantaran'olona miadana no ho tsapan'ny mpamaky fa tantaran'olona mampalahelo sy mahantra. Ary hamafisiny izany rehefa namarana ny tantara izy. Teo amin'ny fanehoan-kevitra no nampiasan'ny mpanoratra ny “inclusion”, araka izany.

²⁴ RAJAONA (S), op.cit., tak.63

Ohatra 2:

Hita tao amin'ny tononkalo nosoratan'i Hery EUGENE, mitondra ny lohateny hoe: “Mitrakà ry fireneko”

And 1:

*“Mitrakà ry Fireneko.
Fa ny olona natsangana
Hampiakatra anao,
Toa nivadi-belirano*

And 7:

*Mitrakà ry fireneko,
Eny ho'aho mitrakà,
Aza miandry azy ireo
Izay variana miady seza*

Famerenana sy fanamafisana ny hafatra nataon'ny mpanoratra tamin'ny vahoaka malagasy, manoloana ny fahadisoam-panantena nanjo azy no misongadina amin'ity tononkalo ity. Nanainga ny mpiray tanindrazana aminy izy mba tsy hitanondrika, na ho kivy amin'ny toky fitaka nataon'ireo mpanao pôlitika. Nilaozan'izy ireo “*miady seza*”, mantsy ireto vahoaka madinika nampiakatra azy teo amin'ny fitondrana sy nametraka ny fitokisany taminy, hany ka, nanenina tamin'ny safidy nataony.

Tsy namela ny Malagasy mitovy aminy hitanondri-dava amin'izao ny mpanoratra. “*Mitrakà ry Fireneko*”, hoy izy ao amin'ny andininy voalohany. Nohamafisiny izany amin'ny andininy mialoha ny farany hoe: “*Mitraka ry fireneko, eny ho'aho mitrakà*”. Nohamafisiny ny tokony hitrakan'ny olona. Zava-dehibe ny fampaherezana, manoloana ny fahadisoam-panantenana toy izao. Ary mila averimberina matetika mba hahatsapan'ny olona azy. Nataon'ny mpanoratra sora-baventy ny teny hoe: “*Fireneko*” ao amin'ny andininy voalohany, satria ny tanindrazany no tsapany fa nikororosy fahana, noho ny nataon'ireo mpanao pôlitika. Ary tsy sora-baventy kosa ny “*fireneko*”, any amin'ny andininy fahafito, satria ny vahoaka malagasy no nivantan'ny hafatra. Raha bangoina izay voalaza, dia teo amin'ny fampaherezana ny vahoaka no nampiasan'ny mpanoratra ny “inclusion”.

FEHINY

Fotoam-bolamena ho an'ny literatiora malagasy tokoa ny teo anelanelan'ny taona 1991-1995. Vanim-potoana nahafoana ny sivana sy nampahazo vahana ny fahalalahana teto Madagasikara ihany koa tamin'izany. Nahazo vahana ny fifaninanana teo amin'ny sehatry ny literatiora. Vokany, betsaka ny asa soratra nivoaka, na an-gazety na natonta ho boky. Hita taratra teny amin'ny karazan-dahatsoratra navoakan'ireo mpanoratra tamin'izany ny rivo-pahalalahana niainany. Nisongadina izany, na teo amin'ny endrika ivelany, na tamin'ny vontootin-kevitra fonosiny. Ary nahitana azy daholo na tao amin'ny tononkalo, na tao amin'ny sombin-tantara, na tao amin'ny tantara foronina, na tao amin'ny teatra. Nalalaka ihany koa ny mpanoratra teo amin'ny fomba fanoratra. Raha fehezina, dia saika hita tamin'ity vanim-potoana ity avokoa ireo fomba fanoratra rehetra hatramin'izay. Ary niampy aza izany, indrindra teo amin'ny voambolana sy sarin-teny nampiasain'ny mpanoratra sasany. Tena “samy nitarika ny borosiny amin'izay manavanana azy” marina ny mpanoratra. Anjaran'ny mpamaky no nifidy izay tandrify azy tamin'ireo karazan-dahatsoratra izay maro dia maro ireo.

TENY FAMARANANA

Niompana tamin'ny "Literatiora an-tsoratra Malagasy teo anelanelan'ny taona 1991-1995" ny asa fikarohana natao. Tafiditra ao anatin'ny tantaran'ny literatiora amin'ny vanim-potoana "ankehitry" ity lohahevitra ity.

Natao indrindra ity asa fikarohana ity mba ho fanatevenana ny tahirin-kevitra momba ny tantaran'ny literatiora. Tsy izany ihany, fa ho fanampiana ireo te hamantatra ny tantaram-pirenena, na mpikaroka izy, na mpampianatra, na mpianatra, na olon-tsotra, no anoloranay ity asa ity.

Maro anefa ny olona mihevitra ny literatiora ho toy ny resaka misavoan-danitra sy ho toy ny rediredy fotsiny.

Diso tanteraka io fiheverana io. Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainam-pirenena sy ny fiainampiarahamonina ary eo amin'ny fitaizana ny olona ny literatiora. Fitaovana mahomby amin'ny fandinihana ny tantara sy ny fivoaran'ny lalan-tsaina eo amin'ny firenena iray izy.

Niainga tamin'ireo karazan-dahatsoratra azo tamin'ny alalan'ny famakiana gazety sy tamin'ny mpanoratra mivantana, no nandrafetana ny lohahevitra ny asa fikarohana. Nanatevina ny asa ny famakiana ireo boky samihafa izay nisy fifandraisany tamin'ny lohahevitra nofidina. Nisy ihany koa ny fanatrehana famelabelaran-kevitra.

Tahaka ny asa fikarohana rehetra, dia nisetra olana izahay tamin'ny fanangonana ny asa soratra momba ity vanim-potoana ity. Mbola vitsy mantsy ny tahirin-kevitra azo trandrahina. Nanahirankirana ihany koa ny fahazoana fotoana tamin'ireo mpanoratra. Teo koa ny olana tato amin'ny Sampana, izay tsy afaka nanome fahafaham-po tamin'ny fampindramana boky, noho ny tsy fisian'ny trano fitehirizana izany. Tsy nitarain-tana-miempaka anefa izahay, fa niezaka nitady vahaolana. Niezaka naka ny adiresin'ireo mpanoratra, ohatra, izahay mba hahazoanay nihaona taminy. Nandray anay tsara rahateo izy ireo, na tany an-tranony, na tany am-piasany. Nisy koa ny nandray anay tao amin'ny Tahala Rarihasina, na tao amin'ny "Cercle Germano-Malgache". Momba ny olana teo amin'ny Sampana, dia niezaka nifampiraharaha tamin'ny tompona andraikitry ny tranom-boky teto amin'ny sekoly izahay, ka nahazo lalana malalaka.

Haitsikera ara-tantara sy ara-piarahamonina no nofidina. Fitaovana iray maneho antsary ny zava-misy ao amin'ny firenena na fiarahamonina, mantsy ny literatiora. Tsy izany ihany, fa mitarika ny olona hanadihady ny zava-misy marina eo amin'ny tontolo manodidina azy ity literatiora ity.

Ny taona 1991-1995 no nifantohan'ny asa fikarohana. Vanim-potoana nisian'ny tsy fahamarinan-toerana teo amin'ny fitondrana teto Madagasikara ny teo anelanelan'ny taona 1991-1995. Nanomboka niaina ny rivotry ny “Demôkirasia” na ny “Fahafahana” ny Malagasy tamin'ity vanim-potoana ity. Hita taratra teo amin'ny endriky ny literatiora tamin'izany ireo zava-nisy voalaza teo ambony ireo. Karazan-dahatsoratra feno fahasahiana amin'ny filazana ny zava-nisy marina teto amin'ny firenena no navoakan'ny mpanoratra tamin'izany.

Narafitra ao anatin'ny fizarana telo lehibe ny asa. Ao amin'ny fizarana voalohany no niresahana ny zava-nisy ara-tantara. Notsiahivina fohy aloha ny zava-nisy talohan'ny taona 1991-1995, tany ivelany sy teto Madagasikara. Ny zava-nisy teto Madagasikara nandritra ny taona 1991-1995 no nidirana manaraka. Nasian-dresaka ny lafiny pôlitika, ny toe-karena, ary ny lafiny sôsialy. Tsy tany ivelany ihany mantsy, no nahitana ny fiantraikan'ny fivoizana ny “Demôkirasia”. Tonga hatraty Madagasikara io rivo-baovao io talohan'ny taona 1991. Nisy ny tolom-bahoaka. Nirodana ny Repoblika Faharoa. Nisy ny teteza-mita, izay nentina nanomanana ny fifidianana. Niditra tamin'ny Repoblika Fahatelo i Madagasikara. Ny Prôfesa Zafy Albert no lany ho filoha tamin'izany. Niantraika tamin'ny toe-karen'ny firenena ireo olana pôlitika voalaza ireo. Niezaka nitady vahaolana ihany ny mpitondra, saingy vao mainka toa nampidi-kizo ny firenena izany. Voakasika hatramin'ny lafiny sôsialy koa. Niharatsy ny fiainam-bahoaka. Nandry tsy lavo loha ny olona. Narisarisa ny sehatry ny fanabeazana sy ny kolontsaina. Nihen-danja ny fankamamiana ny maha-malagasy. Ny fiandaniana tamin'ny kolontsaina vahiny no noheverina ho vahaolana hanarenana ny firenena. Ny fiantraikan'ireo zava-nisy voalaza teo aloha ireo teo amin'ny literatioara no hita ao amin'ny fizarana faharoa. Mialoha ny famahavahana ny tara-kevitra niompanan'ny asa soratra, dia ireo andry nampijoro ny literatiora no novelabelarina. Hita tao avokoa ny hetsika samihafa teo amin'ny sehatry ny literatiora ; ny filazalazana momba ireo gazety sy boky nirakitra ny asa soratry ny mpanoratra.. Tao anatin'ity fizarana ity ihany koa no niresahana

momba ireo fikambanana mpanoratra nahazo vahana tamin'izany. Toy ny “HAVATSA-UPERM”, ny Faribolana Sandratra, ary ny Fivoy. Fikambanana nanana ny lanjany sy ny nampiasaina azy izy ireo. Ny endrika samihafa nisehoan'ny fitiavana sy ny fiainam-pirenena kosa no niraisan'ny mpanoratra hevitra sy niompanan'ny asa sorany tamin'ity vanim-potoana ity, raha ny tara-kevitra no asian-teny. Teo amin'ny endriky ny fitiavana, dia ao ny fitiavana an'Andriamanitra, ny fitiavana eo amin'ny olon-droa mpifankatia na mpivady sy eo anivon'ny ankohonana, ary ny fitiavan-tanindrazana. Teo amin'ny fiainam-pirenena kosa, dia nasongadin'ny mpanoratra ny zava-nisy nandritra ny tolom-bahoaka, ny teteza-mita, ary ny Repoblika Fahatelo.

Natokana hiresahana momba ireo karazan-dahatsoratra novokarin'ny mpanoratra ny fizarana fahatelo farany. Noresahina aloha ny mampiasaina ireo karazan-dahatsoratra tsirairay : ny tononkalo, ny sombin-tantara, ny tantara foronina, ary ny teatra. Naharihary tato amin'ity fizarana farany ity koa ny fahaizan'ny mpanoratra mamolaka ny Teny Malagasy. Tsikaritra teo amin'ny fomba fifantenany voambolana, sy ny filalaovany amin'ny sarin-teny izany.

Antitranterinay hatrany fa natao izao asa fikarohana izao mba ho fitaovana azon'ny sokajin'olona samihafa ampiasaina: mpandinika tantara, mpitondra fanjakana, mpandinika fiarahamonina, mpikaroka, mpampianatra, mpianatra, eny, fa hatramin'ny olon-tsotra aza. Hanampy ny tahirin-kevitra izay efa misy ihany koa, sy hanabevoho ny Haisoratra Malagasy.

Mbola maro ny lohahevitra azo trandrahina momba an'ity literatiora amin'ny vanim-potoana “ankehitryny” ity, satria mbola vitsy ny asa fikarohana natao. Ampahany ihany ity atolotray etoana ity, kanefa ampahany antenainay fa hanaitra ny mpikaroka hafa hanatevina izay voalaza.

IREO TAHIRIN-KEVITRA NAMPIASAINA

1-Ny boky momba ny tantara sy haitsikera:

FEBVRE (L),	“Combats pour l’histoire”, éd. Armand Colin, Col. Economies, boulevard Saint Michel, Paris 1953
Georges (J),	<u>Le roman</u> , éd. Du Seuil, Paris 1971, p.140
MOULIN(G),	<u>Poésie et société</u> , P.U.F, Paris 1962
RATSIRAKA (D),	<u>Fototra iorenan’ny Revôlisiona Sôsialisita Malagasy</u> , Imprimerie d’ouvrage éducatif
WELLEK etWARREN,	<u>La théorie litténaire</u> , Col. Poétique, éd. Du Seuil, Paris, p.3 et 129
ZERAFA (M),	<u>Roman et société</u> , P.U.F, col. Sup, Paris 1976, p.93

2- Ny boky momba ny literatiora :

DAHLE,	<u>Anganon’ny Ntaolo</u> , T.P.F.L.M, Antananarivo 1984
RAJAONA (S),	<u>Takelaka notsongaina II</u> , Ambozontany, Antananarivo 1993
RAZAFIARIVONY(W),	<u>Ezaka sy kalo</u> , D.L, lah.6, Ankadindramamy Antananarivo, jolay 2002 <u>Taratra sy dindo</u> , D.L, lah.8, Ankadindramamy Antananarivo, septambra 2002
RABENJA (S),	<u>Ako sy antso</u> , ad. Soimanga
RATSIFANDRIHAMANANA (L)	<u>Savarano</u> , Lib.Mixte, Antananarivo 1998
TOLOTRA sy ZO	<u>Tandrimo</u> , Faribolana Sandratra, Mey 2001
MAMINIRINA,	

3-Ny asa fikarohana efa nisy nanao :

ANDRIANJAFISOA (L E),	<u>Ny literatiora Malagasy teo anelanelan'ny taona 1990-2000</u> , boky 1 sy 2, Antananarivo 2003
ANDRIAMANANTENA (L.H),	<u>Jo ANDRIANASOLO, Ny mpanoratra sy ny asa sorany</u> , boky 1 sy 2, Antananarivo 2005
RATRIMOHERIMPO (V H),	<u>Ny endriky ny teatra Malagasy ankehitriny (1990-2000)</u> , boky 1 sy 2)
RASOAVEROMANGA (L),	<u>Ny tantara fandefa amin'ny radio (1980-1991)</u> , boky 1 sy 2, Antananarivo 1993
RASAMIARISOA (A),	<u>RANOE Poetan'ny fitiavana</u> , boky 1, Antananarivo 2002
RASOAMBOLATIANA (E),	<u>Jean Nalisoa RAVALITERA, Poetan'ny fitiavana</u> , boky 1 Antananarivo 2003
RANDRIANAIVO (L),	<u>Ny fomba filazan-javatra nenti-nanangana ny tantara foronina vakivakim-piainana nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA</u> , Antananarivo 2002

4-Ny Rakibolana:

HACHETTE	éd. Illustré, 2003
RAJEMISA-RAOLISON,	<u>Rakibolana malagasy</u> , éd. Ambozontany Fianarantsoa, Analamahitsy Antananarivo 2003
RAKOTONAIVO (F),	<u>Rakibolana firantsay-malagasy</u> , Baingan' Ambozontany Fianarantsoa, 2003

5-Ny Gazety:

<u>Ambioka,</u>	lah.42, janoary 2002, taona fahadimy
<u>Fanasina,</u>	lah.539, 15 febroary 1968
<u>Feon'ny Merina,</u>	lah.259, alakamisy 29 jolay 1999, taona fahafito, tak.4
<u>Tribune,</u>	Lah.1.241, zoma 10 mey 1996
	lah.1.242, talata 26 janoary 1993, tak.11
	Lah.1.568, 22 febroary 1997, tak.7
<u>Valiha,</u>	lah.26, 30 apirily 1994, tak.2
	Lah.41, 29 jolay 1995

6- Ireo fikambanana

Fikambanan'ny mpiara-
mandinika ny tantaram-pirenena
ao amin'ny Otrikafo,

HAVATSA-UPEM
(Amboaran-tsombintantara
novokarin'ny fikambanan'ny
poeta sy mpanoratra malagasy
tamin'ny faha50 taonany,
Tombokavatsa, T.P.F.L.M,
Antananarivo 2002)

Fanehoam-pijery, Septambra 2004 ;
Ady amin'ny fampahantrana ;
Vahaolana mahomby, Janoary 2006

ARINAIVO, "Solomason'i Dola", Martsa 1995 (Valiha, 31
Desambra 1999, lah.94), tak.37-38

RANIVOARIVONY(G) "Ny finoan-jaza", jona 1995, tak.62-63

TOVANA

TOVANA VOALOHANY

FAMELABELARAN-KEVITRA NATAON-DRANJATOHERY HARILALA (Mpampianatra sy mpanoratra) TAO AMIN'NY LYCEE ANKADIVATO

Nanolotra : Ramatoa Olga RAPARANY

Lohateny : « Tantaran'ny Literatiora malagasy vanim-potoana ankehitriny »

Momba ny mpanoratra:

- Mpampianatra tantara sy jeografia
- 26 taona nampianarana
- 24 taona nanaovana gazety
- 31 taona nanoratana
- 27 taona nikabariana
- Efa nahazoa loka literera efatra: 1991, 1995, 2002, 2006
- Sekiretera jeneralin'ny HAVATSA-UPEM
- Talen'ny fampianarana kabary faritany Antananarivo ao amin'ny Fikambanan'ny Mpikabary eto Madagasikara (FIMPIMA)

Ny olana momba ity vanim-potoana ity:

- Vanim-potoana vao haingana loatra, izany hoe: nanomboka tamin'ny 1960 no mankaty
- Tsy mbola ahitana endri-javatra misongadina loatra eo amin'ny lafin'ny fikarohana
- Mbola vitsy ny fikarohana mahakasika ny toe-javatra misy sy ny endriky ny literatiora, na ny mety ho fiainan'ny mpanoratra izany na ny sangan'asany
- Eo koa ny fiheverana fa mbola mety ny fifikirana amin'ny vanim-potoana teo aloha

Famaritana tsotsotra nataon'ny mpanoratra:

- Vanim-potoana ankehitriny: “ *Ny vanim-potoana nanomboka tamin'ny taona 1960, izany hoe, nanomboka tamin'ny nahazoana ny fahaleovan-tena ka mandrake ankehitriny.*”
- Asa soratra: “*Tsy misy asa soratra foronina fotsiny amin'izao fa tsy maintsy misy lafika, izany hoe, miainga amin'ny misy, na toe-javatra iainan'ny mpanoratra, na zavatra hita maso.*”
- Sombin-tantara sy tantara foronina: “*Ny zavatra hita maso sy tsapa no mahatonga ny sombin-tantara sy tantara foronina teraka, izany hoe, tsy maintsy zavatra masaka.*”

TOVANA FAHAROA

IREO ZAVA-BAVENTY NANAMARIKA NY TANTARAN'NY FIRENENA NANOMBOKA NY TAONA 1960 KA MANDRAKA ANKEHITRINY

NY REPOBLIKA VOALOHANY 1960-1972

Tamin'ny fanamabarana ny fiverenan'ny fahaleovantenam-pirenena ny 26 jona 1960 sy tato aoriana kely, dia nisy fanantenana sy hafanam-po lehibe teo amin'ny Malagasy. Endrika iray nitarafana izany ny fiverenan'ny olona maro indray teto an-drenivohitra tamin'ny fitafiana maneho ny maha Malagasy. Ohatra : ny fitafiana lamba na ho an'ny vahivavy na ho an'ny lehilahy.

Nihalalina hatrany anefa ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny ankolafin'olona samihafa ny amin'ny faifandraisana amin'i Firantsa. Niseho lany tetsy sy teroa ny fanakianana sy ny fanoherana mihitsy ny endrim-panjanahana vaovao hita taratra teo amin'ny fototra sy ny rafitry ny fiaraha-miasa teo amin'i Madagasikara sy i Firantsa, araka ny voarakitra tao amin'ny Fifanarahana Frantsay-Malagasy n any “Accords de coopération franco-malgache” nosoniavina tamin'ny volana jona 1960, izay notondroina hoe “fifanaraham-panandevozana”.

Nihamafy ny disadisa teto amin'ny firenena nanomboka ny taona 1971, tamin'ny fisian'ny “raharaha tany atsimo”. Nisy ny fihetsiketsehana nataon'ny mpianatra notohanana ny mpiasa sy ny vahoaka manontolo ny volana mey 1972. Nitarika ny firodanan'ny fitondran'i Filoha Philbert Tsiranana izany. Fiovana lehibe teto amin'ny firenena no naterak'io fihetsiketsehana io.

NY VANIM-POTOANA TETEZA-MITA (1972-1975)

Natolotry ny Filoha Philbert Tsiranana ny jeneraly Gabriel Ramanantsoa ny fahefana feno hitantana ny tany sy ny fanjakana ny 18 mey 1972.

Nahery ny fitsoky ny rivotry ny fanagasiana izay anakiray tamin'ny fitakiana goavana nipoitra nandritra ny fihetsiketsehana ny volana mey 1972: fanagasiana ny fampianarana, fanagasiana ny mpitondra, fanagasiana ny toe-karena,... Nofohazina ny fifampitondrana mifototra amin'ny fokonolona. Nitodi-doha nifandray bebe kokoa tamin'ireo firenena tatsinanana, sôsialisita, i Madagasikara. Nohavaozina ny fifanaraham-piaraha-miasa firantsay-malagasy ary niala tao amin'ny fari-bola Francs i Madagasikara, nesorina teny Ivato sy Antsiranana ireo tobim-pamaharana firantsay sy ny foiben'ny NASA amerikana teny Imerintsiatosika. Namelona fanantenana indray tao amin'ny Malagasy maro izany fiovan-javatra izany, satria noheverina ho tena firosoana marina amin'izay tokoa amin'ny tena fahaleovan-tena madio mangaraharana.

NY REPOBLIKA FAHAROA (1975-1992)

Ny taona 1975 ka hatramin'ny taona 1986 no nanindrahindrana ny “fiovam-penitra mahery vaika” tamin'ny fanatanterahana ny ‘Revolisiona sôsialisita Malagasy’. Notakiana ny fanovana toe-tsaina, notakiana ny fanovana ny fomba fiasa hifanaraka amin'ny teny filamatra ny mpitondra manao hoe “ tsy miantehitra afa-tsy amin'ny herin'ny tena” sy ny hoe “ny tsirairay ho an'ny daholobe, ny daholobe ho an'ny tsirairay”. Tanjona fototra natao hotratrarina ny fampahombiazana ny “Tolom-piavotana” ho fanafoanana ny fitsetsefana sy ny fahantrana. Nipoitra tetsy sy teroa ireo fikambanana revôlisiônara. Napetraka ho fototry ny toe-karena sosialisita ny fandraisan'ny fanjakana ho fananany ireo antokon'asa sy sehapamokarana iankinan'ny ain'ny firenena: banky, trano fiantohana, kaopaniam-barotra goavana, fandrahahana momba ny solitany, fitaterana...Najoro teny ambanivohitra hamivondronana ny tantsaha ny kaoperativa sosialisita. Nasiam-panavaozana lehibe ny fampianarana sy ny fanabeazana izay nifototra tamin'ny fanagasiana ny teny enti-mampianatra sy ny famahoana ny sekoly: fanaganana Sekoly Fanbeazana Fototra (SFF) isapokotany, Sekoly Ambaratonga Faharoa Fototra (SAF) isaky ny Firaismampokontany, Sekoly Ambaratonga Faharoa Manokana (SAFM) isa-pivondronampokontany, Centre Universitaire Régional (CUR) isa-paritra. Vokatry'izany dia nahitana fitomboana be ny isan'ny zaza Malagasy nahay taratasy ; maro koa ireo tanora afaka nanohy fianarana tamin'ny ambaratonga ambony nanerana ny faritany enina. Fandaharan'asa iray lehibe no irafetan'ireo rehetra ireo: ny fototra iorenan'ny revolisiona sosialista Malagasy na ny Boky Mena. Ny Capitaine de Frégate Didier Ratsiraka no tampion'andraikitra tamin'izany, izany lany ho Filohan'ny Repoblika ny 30 desambra 1975.

Nitsoka naneran-tany kosa, taorian'ny fiovana nisy tany amin'ny Firaiana Sôvietika, tamin'ny niakaran'I M. Gorbatchev teo amin'ny fitondrana ny taona 1985, ny rivo-panavaozana. Nipaka tsikelikely taty Afirika sy I Madagasikara izany. Nisy rahateo ary nihamafy ny fahasahirananaa-toe-jarena noho ny krizy nateraky ny fiakaran'ny vidin-tsolitany sy ny adin'Iran sy Irak (1980-1988). Voatery nitodika indray tamin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) sy ny Banky Iraisam-pirenena (Banque Mondiale) I Madagasikara. Nanery ny fitondrana nisy hiroso amin'ny fanalalahana ireo rafi-pamatsiam-bola goavana ireo. Niroso tsikelikely tamin'ny fanalalahana ny toe-karena ny fitondrana, nitohy tamin'ny fanalalahana teo amin'ny lafiny pôlitika izany. Nofoanana tanteraka ny sivana ny gazety ny taona 1989, nalalaka tanteraka ny fananganana antoko pôlitika nanomboka ny taona 1990.

Nahazo vahana eran-tany ny fihetsiketsehana ho fampijoroana ny tena demôkirasia. Nikorontana ireo firenena kaominisita tany Eorôpa atsinanana, ary niafara tamin'ny faharavan'ny fanjakazakan'ny antoko kaominisita izany. Nipatitaka ihany koa ny Firaiana Sôvietika. Tatsy Afirika indray dia nirotsaka an-dalam-be koa ny vahoaka nitaky fiovana ho amin'ny tena fahalalahana. Mifanindran-dalana tamin'izany ny fitokonam-be nandritra ny 7 volana teto Madagasikara tamin'ny taona 1991. Nihafara tamin'ny fanovana ny lalampanorenana sy ny firodanan'ny Repoblika Faharoa izany ny taona 1992.

NY REPOBLIKA FAHATELO
(nznomboka ny taona 1992)

Taona 1992-1998: tsy marin-toerana mihitsy ny fiainam-pirenena. Nifanesisesy ny fifidianana ny taona 1993, nanjaka ny savorovoro pôlitika, tsy nisy fandaharan'asa mazava sy nahatsinjo lavitra napetraky ny fitondrana vaovao nijor notarihin'ny Pr Zafy Albert, izay lany ho Filohan'ny Repoblika ny taona 1993. Azo lazaina ho nisy tanteraka kosa anefa ny fanalalahana teo amin'ny lafiny rehetra. Naato tamin'ny maha filohan'ny Repoblika azy ny Pr Zafy ny taona 1996. Andriamatoa Ratsirahonana Norbert no nitondra nandritra ny fotoana fohy (1996-1998).

Taona 1998-2002: lany ho filoha indray ny Amiraly Didier Ratsiraka. Tsy nisy fientanana mankaiza firy teo amin'ny vahoaka. Nizotra ratsiratsy teny ny fiainam-pirenena. Tsikaritra kosa anefa tamin'ny lafiny sy sehatra maro ny fironan'ny fitondrana tamin'ny fanamafisana orina ny fifandraisana tamin'I Firantsa. Endrin-javatra nitarafana izany ny fahavitrihan'I Madagasikara tamin'ny fandraisana anjara tamin'ireo fihetsiketsehana samihafa mifandraika amin'ny "francophonie". Teo amin'ny lafiny pôlitika indray, nandalo krizy mafy dia mafy ny firenena taorian'ny fifidianana Filoham-pirenena ny desambra 2001. nisy fifandonana teo amin'ireo mpomba ny Amiraly Ratsiraka sy ireo mpanohana ny kandida nifaninana taminy: Andriamatoa Marc Ravalomanana. Nandositra any Firantsa ny Amiraly Ratsiraka. Nanomboka kosa ny tapany fahatelo amin'ny tantaran'ny Repoblika Fahatelo, tarihin'Andriamatoa Marc Ravalomanana, napetraka ho Filoha ny 6 mey 2002. Nanamarika ny tapany voalohany tamin'ny fitondrany ny fametrahana endri-piaraha-miasa vaovao eo amin'I Madagasikara sy ireo Mpamatsy Vola Iraisam-pirenena, nahatonga ny famafana ny trosoan'ny fanjakana Malagasy. Amin'izao tapany faharoa izao kosa no irosoan'ny firenena amin'ny fanatanterahana ilay tetikasa goavana ho amin'ny fampandrosoana maharitra ny Nosy: "ny Madagasikara am-perinasa na MAP".

TOVANA FAHATELO

NY ANJARA TOERAN'NY FIFANINANANA HAISORATRA TEO AMIN'NY FAMPIROBOROBOANA NY LITERATORA MALAGASY

Fanoitra lehibe iray nanainga ny literatora Malagasy tokoa ny fisian'ny fifaninanana haisoratra, na fanoratana tononkalo, na fanoratana tantara. Fomba nampirisihana ny mpanoratra mantsy ireny. Nisy ireo mpanoratra nisongadina noho ny fandraisany anjara tamin'ireny fifaninanana ireny, satria nahazo loka. Mandrakariva ireo sanganasa nifaninana ka nahazo loka dia saika noezahin'ny mpanoratra hatrany ny hamoaka azy ho boky.

Indreto àry ohatra maromaro amin'ireny fifaninanana ireny sy ireo mpanoratra nahazo loka tamin'izany, nanomboka teo amin'ny taona 1960.

-Fifaninanana tononkira mirindra nanolorana ny Lokan'ny Filohan'ny Nosy (1963)
Loka voalohany: NY FAHENDRENA MALAGASY, nosoratan'I Edmond Ravalison

-Fifaninanana fanoratana tantara foronina nampanaovin'ny Fikambanan'ny Mpampianatra Malagasy (1967)

Lokam-boninahitra: NY ZANAKO, nosoratan'I Clarisse Ratsifandrihamanana

-Fifaninanana fanoratana tantara foronina nampanaovin'ny Minisiteran'ny Fampianarana (1970)

Loka voalohany: ILAY VOHITRY NY NOFY, nosoratan'I E.D. Andriamalala

-Fifaninanana fanoratana tantara foronina nampanaovin'ny Akademia Malagasy (1975)

Loka voalohany: IVOLA, nosoratan'I Andry Andraina

-Fifaninanana tantara foronina nampanaovin'ny Minisiteran'ny Fanolokoloana sy ny Zavakanto Revolisionera (1976)

Loka voalohany: MITARAINA NY TANY, nosoratan'I Andry Andraina

-Fifaninanana fanoratana tononkalo nampanaovin'ny Edisiona Lova sy ny BMOI (1991)

Loka voalohany: FANDRIROBOLA, nosoratan-dRanjatohery Harilala

-Fifaninanana tantara foronina nampanaovin'ny HAVATSA-UPEM (1995)

Loka voalohany: VAKIVAKIM-PIAINANA, nosoratan'Iharilanto P. Andriamangotiana

-Fifaninanana RANTO1995: fifantenana asa soratra mendrika nataon'ny Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy eny amin'ny oniverisiten'Antananarivo

Nahazo loka: NADIKA TANY AN-DANITRA, nosoratan'I Thierry Raonizany

HAIKA, amboaran-tononkalo nosoratan-dRampanana Raymond

AKO sy ANTISO, amboaran-tononkalo nosoratan-dRabenja Solomon

TANDINDONA, amboaran-tononkalo nosoratan-dRanjatohery Harilala

SANGODIMPANINA, tantara foronina nosorata, 'Ilay (Ralaisaholimanana

Louis)

ILAY MPITORAKA ANYSAMOTADY, sombintantara nosoratan'I Aldo-

Emma

-Fifaninanana fanoratana tantara foronina nampanaovin'ny fianakaviana Prosper Rajaobelina, nanomezana ny loka Prosper Rajaobelina (1999)
Loka voalohany: NAVALONA, nosoratan'I Zoé Barijaona

-Fifaninanana fanoratana tantara foronina nampanaovin'ny Commune urbaine d'Antananarivo (1999)
Loka voalohany: PAOKAN-TAFIOTRA, nosoratan'I Andry Andraina

-Fifaninanana fanoratana tantara foronina nampanaovin'ny fianakaviana Prosper Rajaobelina
Loka voalohany: SILA-PANAHY, nosoratan-dRandrianantoandro Rivo Jean Renaud

-Fifaninanana fanoratana tononkalo nampanaovin'ny fianakaviana Nirhy Lanto (2006)
Loka naningana: ITADIAVAM-BADY I DADATO, nosoratan-dRanjatohery Harilala

“Misy ny nateraka ho mpanoratra, fa tsy izay rehetra nateraka ho mpanoratra no ho lasa mpanoratra, ary tsy izay rehetra lasa mpanoratra no hompanoratra misongadina”
Ramiakatrarivo (gazety Valiha, lah.170, 25 aogositra 2006)

Anarana : RAZAFINDRADOMA

Fanampiny : Minoarisoa Lalatiana

Lohateny : Ny Literatiora malagasy teo anelanelan'ny taona 1991 – 1995

Isan'ny takila :

FAMINTINANA

Naompana tamin'ny “Literatiora malagasy teo anelanelan'ny taona 1991-1995” ny asa fikarohana. Karazan-dahatsoratra tany anaty gazety sy boky, ary nomen'ireo mpanoratra nivantana no nokirakiraina tamin'izany.

Nizara telo ny asa : ny zava-nisy ara-tantara no hita ao amin'ny fizarana voalohany. Ny fiantraikan'ireo zava-nisy ireo teo amin'ny Literatiora malagasy tamin'izany vanim-potoana izany no novahavahana tao amin'ny fizarana faharoa. Ary ny fizarana fahatelo farany kosa no natokana hiresahana momba ireo karazan-dahatsoratra novokarin'ny mpanoratra sy ny mampiavaka azy.

RESUME

Notre recherche est basée sur la littérature malgache entre l'année 1991-1995. Des revues, livres ont été consultées pour avoir de tas de textes littéraires. Nous avons aussi contacté des poètes pour demander leurs œuvres.

Notre travail est divisé en trois parties. La première partie parle des événements historiques qui se passaient entre l'année 1991-1995. La deuxième partie expose les impacts de ces événements sur la littérature malgache. Et la troisième partie est réservée pour les différents textes littéraires et ses valeurs poétiques qui ont eu des rapports historiques entre cette année 1991-1995.

ABSTRACT

Our research is based on the Malagasy literature from 1991 to 1995 years. A lot of press reviews and books were consulted to collect a number of literary texts and passages. We had also contacted poets so as to interview them about their poems.

Our work is divided into three parts. The first part talks about historical events which happened between 1991 to 1995. The second part explained the impact of these phenomena on the Malagasy literature. And the last part is focussed on analyses of different literary texts, their poetic values and their historical connections or relations during this period of time.

Teny manan-danja : vanim-potoana, zava-nisy, fahafahana, tolona, tanindrazana, kolon-tsaina, fomba fanoratra

Adiresy : ITL1 Tsarahonenana Itaosy

Mpitarika : ANDRIAMANANTSILAVO Seth

Maître de conférences